Ny Tombokase Fahadimy

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny ho an'ny vavaka.

2 Ray any An-danitra Mpiahy, ilay Andriamanitra Tsitoha, Izay nitondra indray an'i Jesosy Kristy avy tamin'ny maty, ka naneho Azy taminay amin'izao andro farany izao, ao amin'ny Herin'ny Fanahy Masina, mankasitraka izahay ny amin'ireo famangiana mahery an'ilay Andriamanitra tsy mety maty. Ary ankehitriny, Ray, dia manatrika ora hafa iray izahay, ora iray izay mety hanova ny fitodiana Mandrakizay an'ny olona maro.

3 Ary mba hanatonana an'ity, Tompo, dia tsy ampy izahay. Satria, izao no ao amin'ny Soratra, hoe, "Ny Zanak'ondry no nandray ny Boky sy nanokatra an'ireo Tombokase."

4 O ry Zanak'ondrin'Andriamanitra, mandrosoa, mivavaka izahay. Miantso Anao izahay, Tompo, ilay Mpanavotra lehibe. Mandrosoa ka asehoy anay ny Drafi-panavotanao izay nafenina nandritry ny taona maro, hamaha an'ity Tombokase Fahadimy ity ho anay izao hariva izao, Ray, sy hanambara an'izay ao ambanin'ity Tombokase ity ho anay; mba ahafahanay hiala ho Kristiana tsaratsara kokoa noho izay maha-izy anay ankehitriny, ahafahanay ho voaomana tsaratsara kokoa ho an'ilay asa izay mipetraka eo aloha. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

Mahazoa toerana.

5 Manao ahoana, ry sakaiza. Raisiko tokoa ho tombontsoa lehibe ny maha-eto izao hariva izao, eo amin'ity zava-mitranga lehibe ity. Tsy fantatro hoe aiza no ahafahako mahatsapa ho tsaratsara kokoa, afa-tsy ny eo amin'ny asan'ilay Mpanjaka. Ary tonga ankehitriny indrindra eo amin'ireto lesona izay andrasantsika ireto mihitsy; raha tsy nanambara an'Izany tamiko Izy, dia tsy afaka hanome an'Izany ho anareo aho. Tsy miezaka mampiasa ny iray amin'ireo fisainako aho na inona na inona; fa arak'izay Hanomezany an'Izany fotsiny. Marina izany. Ary izaho—azoko antoka, fa raha tsy mampiasa an'ireo fisainako manokana aho, ka tonga arak'izay Nahatongavany Izany. Ary nandritry ny fiainako rehetra dia tsy diso mihitsy Izany. Tsy ho diso Izany amin'ity fotoana ity.

6 Ankehitriny, isika fotsiny dia am-pifaliana tokoa sy tena, tena mankasitraka ny amin'izay efa Nataony ho antsika, ilay tànana lehibe mahagaga an'ilay Andriamanitra velona! Inona no mety ho zavatra lehibe kokoa, mety ho vahoaka iray manana tombontsoa toy ny ahoana isika, afa-tsy ny manana eo amin'ny fanatrehantsika an'ilay Mpanjakan'ny mpanjaka, Tompon'ny tompo?

7 Angamba hitsoka ireo kiririoka isika ary—ary hiakatra ireo saina, ka apetraka ireo karipetra sy ny zavatra rehetra, ho an'ny fahatongavan'ny Filoham-pirenena eto amin'ny tanàna. Fa, eritrereto fotsiny, ho mety tsara izany, ary ho voninahitry ny tanàna izany.

8 Saingy eritrereto. Ao amin'ny tabernaklantsika kely, manetry tena, izao hariva izao, dia manasa an'ilay Mpanjakan'ny mpanjaka isika, Andriamanitra. Ary isika tsy . . . Izy dia tsy maniry karipetra ho velarina, sy ny sisa. Maniry an'ireo fo manetry tena haseho Izy, mba Ahafahany maka an'ireo fo manetry tena ireo ka manambara amin'izy ireo an'ireo—ireo zavatra tsara izay Ananany ao amin'ny fitehirizana ho an'ireo rehetra izay tia Azy.

9 Ankehitriny, nangataka isika . . . Ary manana fijoroana vavolombelona iray aho izay tiako mba—mba homena. Ankehitriny, raha diso aho eo amin'ity; vao avy reko izany, ary mety ho diso aho amin'izany. Fa heveriko fa eto ireo olona, sy izay voakasik'ilay fijoroana vavolombelona.

10 Ary noho izany, andro vitsy lasa izay, rehefa tany an-tranoko ankehitriny aho, any—any Arizona, izahay dia nahazo a—antso iray izay nilaza fa nisy zazalahy kely izay tratry ny aretin-kozatra. Ary mandeha mankao amin'ny fo izany. Ary izy dia tena anankiray . . . Ny rainy sy ny reniny dia tena sakaizako malala, sarobidy. Izany dia ny . . . iray amin'ireo diakonantsika eto, an'ny fiangonana, Rahalahy Collins. Ny zananilahy kely, Mikey kely, sakaizan'i Joe, dia nijaly tamin'ny aretin-kozatry ny fo. Ary nandefa azy nody ireo dokotera, nametraka azy teo amin'ny fandriana, ka niteny tamin'ireo raiamandreny mba tsy hamela azy hitsangana akory aza, na hampitsangana ny lohany, hisotro rano. Haka an'izany avy tamin'ny mololo iray; tena narary izy. Ary ireo raiamandreny, mahatoky, dia tonga eto amin'ny tabernakla eto, ary mino.

11 Ary hariva vitsy lasa izay, tsy hoe niezaka niandry, fa nilaza ny amin'ireo asam-panasitranana amin'ny Alahady isika. Fa, satria tsy maintsy hamaly an'ireo fanontaniana isika, koa noho izany dia tsy maintsy nanafoana an'ilay asam-panasitranana isika.

12 Ary avy eo dia nanana zavatra kely izay notehiriziko tato anatiko tato aho, tao am-poko.

13 Ary ilay reny sy ilay ray dia te-hahafantatra raha afaka mitondra an'ilay ankizy izy ireo hankao amin'ny—ny efitra. Dia nentin'izy ireo tao ilay zazalahy kely, ary ny Fanahy Masina dia nanambara taminy hoe sitrana.

14 Ary noho izany, ireo raiamandreny, satria nankatò an'izany, dia nitondra an'ilay zazalahy kely nody ary nandefa azy tany an-tsekoly, nandefa azy fotsiny tany an-tsekoly.

15 Nandre ny amin'izany ilay dokotera, noho izany dia tena tsy faly mihitsy ilay dokotera ny amin'ny zavatra tahaka an'izany. Noho izany, niteny tamin'ilay reny izy fa tokony ho eo ampandriana ilay zazakely, mazava ho azy. Ary notantarainy taminy ilay tantara. Ary heveriko fa ilay lehilahy dia, azoko, dia mpino Kristiana iray, an'ny anaram-piangonana iray. A—Adventista iray an'ny andro Fahafito, izany ilay dokotera. Ary noho izany dia hoy izy hoe, "Eny, ianareo dia tokony . . . izao no fotoana ho an'ilay ankizy, hizahako azy." Hoy izy, "Ianareo dia tokony, fara-fahakeliny, nanao azy ho zahana."

Hoy izy hoe, "Tena tsara."

16 Nentiny ilay ankizy, ary nizaha azy ilay dokotera, an'ny rà, izay misy an'ilay aretin-kozatra. Ary noho izany dia azoko fa tena gaga ilay dokotera hany ka tsy fantany izay hatao. Tena ara-dalàna tanteraka ilay zazalahy kely, tsara sy salama, tsy nisy anankiray . . . ? . . . hita.

17 Ankehitriny, eto ve ireo Collins? Mety diso ny nitenenako azy. Tiako . . . Marina ve izany, Ranabavy Collins? Hia. Eny àry. Hia. Mikey Collins kely izany, eo amin'ny enina, fito taona fotsiny.

18 Ary izany mihitsy no nitranga tao amin'ilay efitra, teo amin'ny hariva telo lasa teo izay. Oh, izy ireo . . . Tsy maintsy nisy Olona iray ankoatry ny olombelona tao amin'io efitra io! Izany dia ilay—ilay Jehovah lehibe sy mahery, marina izany, izay tonga hanome voninahitra Ny Teniny. Ary izaho—tena mankasitraka aho ny mandre an'izany. Hitanareo? Fantatro fa izany isika rehetra. Tsy izaho irery ihany, fa ny rehetra izany, satria ahoana moa raha ny—ny zanakalahy kelinareo izany na ny zanakolahy kely?

19 Ary, tsarovy, manome fijoroana vavolombelona aho, anankiray fotsiny ihany, ary maka anankiray eto sy etsy. Mitranga hatraiza hatraiza izany, saingy mba hamela anareo fotsiny hahafantatra fa—fa ny tena asam-panompoako dia eo amin'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Fa ianareo . . . Eto aho ho an'ireto Tombokase ireto. Satria, afaka kelikely, dia ho azonareo hoe nahoana aho no tsy maintsy nanao an'ity. Ary, noho izany, tsy mpampianatra iray aho, tsy teolojiana iray aho. Izaho—mivavaka ho an'ny marary fotsiny aho, ary tiako ny Tompo. Ary ankehitriny, ankehitriny ao amin'ity, na izany aza, ilay . . .

20 Omaly hariva isika dia nanome fijoroana vavolombelona iray ny amin'ny zazavavy kely iray . . . manana ny anarany aho. Ary manana an'izany Billy eto ankehitriny, any ho any, an'ilay raiamandreny sy hoe iza izy ireo. Ary tao amin'ny dingana farany an'ny leucémie io zazavavy kely io, saiky fotsiny . . . Tena narary hany ka tsy afaka namahana azy tamin'ny vavany intsony izy ireo; izy dia tsy maintsy ho . . . nafindra tamin'ireo làlan-drà ny ràny. Ary zavatra kely iray tsara tarehy izy. Kely

izy raha ny taonany, saiky tahaka an'ity ramatoa kely eto ity, heveriko. Fa saiky tahaka an'*izao* ny hahalehibeny, tena . . . Saiky tahaka ny ankamaroantsika izy ireo. Afaka miteny araka ny fiakanjon'ilay ankizy ianareo, hoe . . . ary ireo raiamandreny, hoe tena mahantra izy ireo, tena mahantra fotsiny, ary, noho izany, saingy tena manaja. Ary ny Fanahy Masina dia nanambara an'io ankizy io hoe sitrana.

21 Ankehitriny, eritrereto fotsiny izany, niaraka tamin'ny leucémie, io ankizy kely io. Ary tena ratsy ilay rà ka tsy afaka namahana azy avy teo amin'ny vava intsony aza izy ireo. Izany dia nila, nandeha nankany amin'ny hopitaly ary naka an'ilay rà, na ilay famindrana tamin'ireo làlan-drà, namahanana azy; heveriko, fa glucose, na inona koa. Tsy fantatro ireo fiteny arapitsaboana ho an'io aretina io, fa, na dia izany aza, dia tsy maintsy tahaka an'izany no namahanana azy. Fa talohan'ny nandaozan'ilay ankizy an'ilay toerana, dia nitaky hamburger iray izy.

22 Ary ireo raiamandreny, rehefa nandre ny Fanahy Masina izy ireo, ny HOY NY TOMPO HOE, hitanareo, izy ireo . . . Ary, izy ireo, vahiny, tsy teo amin'ny manodidina mihitsy tany aloha. Fa izy ireo . . . Mpi—mpivady antitra mahafinaritra iray izay vao avy nanome ny sezany ho azy ireo eto, minitra vitsy lasa izay, Rahalahy sy Ranabavy Kidd, no nanoro hevitra azy ireo ny amin'izay hatao, sy izay henoina. Ary nihinana ny sakafony ilay ankizy teny amin'ny làlana nody.

23 Roa na telo andro taorian'izany, dia tany an-tsekoly. Ary nandeha nankany amin'ilay dokotera, ka tena gaga ilay dokotera! Hoy izy hoe, "Tsy misy mariky ny leucémie anankiray akory aza hita ao amin'ilay ankizy." Hitanareo? Ankehitriny, teo no ho eo mihitsy izany, teo amin'ilay marika, ny Herin'Andriamanitra Tsitoha, maka fikorian-drà iray ka manadio an'izany, avy hatrany tahaka an'izany, ary—ary nametraka an'ilay fidoboky ny—ny aina vaovao niverina tao. Satria, ny—ny fikorian-dràna reo no ainareo, mety maty. Ary mamorona sela vaovao, sy manaisotra an'ilay tranainy! Ary—ary inona izany, izany tanteraka tokoa no . . . Hilaza an'ity aho, izany no hetsi-pamoronan'ilay Andriamanitra Tsitoha; mba haka ny—ny fikorian-drà iray izay rakotry ny homamiadana, hany ilay zazavavy kely ka, mavo sy sempotra, ary, tao anatin'ny fepotoana vitsy fotsiny, dia fikorian-drà tena vaovao iray!

24 Mino aho . . . Tsy hiteny an'izany amin'Ny Anarany aho; Hiteny an'izany aho amin'ny . . . amin'ny fanambaran'ny finoako, izay nitranga tany Sabino Canyon indray andro. Mino aho fa akaiky ilay ora, izay hamerenana an'ireo rantsana tsy ampy, sy ny Hery lehibe an'ilay Mpamorona. Izaho—mino aho, fa raha afaka manao vontsira iray hiseho Izy, izay tsy manana . . . Eto dia misy lehilahy na vehivavy, izay manana ampahany iray

fotsiny tsy ampy. Fa ity dia biby tanteraka, ao amin'ny tenany. Andriamanitra Izy. Izaho—tiako Izy.

25 Eny, ankehitriny, manomboka eo amin'ireo lohahevitra aho, ary manohy miresaka fotsiny isika. Ary manodidina ny rindrina ny olona, sy mitsangana eo amin'ny làlantsara sy ireo efitra, sy ny sisa, noho izany dia hiditra avy hatrany amin'ny Hafatra aho.

26 Ary te-hilaza an'ity aho, ary te-hanome fisaorana Azy Izay manerana aho. Ary, fa, androany, tsy mahafantatra zavatra anankiray mikasika an'ity Tombokase Fahadimy ity aho, tonga tamin'ilay fomba mahagaga iray ihany Izany, aninkeo maraina, teo amin'ny adiny iray talohan'ny misandratr'andro teo, rehefa tao amin'ny vavaka aho. Ary androany . . .

27 Nipetraka fotsiny aho nandritr'ireo dimy na enina andro farany, tao amin'ny efitra kely iray fotsiny, tsy nahita olona iray. Mivoaka fotsiny ary mihinana ny sakafoko miaraka amin'ny—miaraka amin'ny sakaiza iray, miaraka amin'ny sasany amin'ireo sakaizako eto. Ary, mazava ho azy, fantatrareo hoe iza izany sakaiza izany, izany dia Rahalahy sy Ranabavy Wood. Hia. Ary—ary fantatrareo, ary nandeha tany aho ka—ka nipetraka niaraka tamin'izy ireo, ary nahafinaritra ny olona rehetra. Ary tsy nisy na inona na inona, tsotra fotsiny . . .

28 Miezaka mijanona mihitsy amin'ity Hafatr'ireto Tombokase ireto aho. Izany dia tena zava-dehibe. Mino aho fa izao—izao no oran'ny fotoan'ny Fanambarany, an'ny fanambarana an'Izany.

29 Ary ankehitriny dia tiako ianareo hahazo antoka ankehitriny, dieny izao, alohan'ny, ary vantany vao afaka ianareo, hanoratra an'ireo fahazoana tsy fantatrareo ny amin'ny—ny amin'ireo Tombokase Fito, raha manana azy ireny ianareo, ka hametraka azy ireo eto amin'ny birao. Ary Rahalahy Neville angamba na olona iray no mety hametraka boaty iray eto ambony eto. [Hoy ny olona iray hoe, "Ity ilay boaty."—Mpand.] Oh, ity—ity, hitako izy ireo ankehitriny. Tsara izany. Aleoko hahazo azy ireo izao hariva izao, mba ahafahako mandinika azy ireo vetivety angamba, ho an'ny Alahady maraina. Ankehitriny, aza, amin'ity fotoana ity, amin'ity fotoana ity mihitsy, dia aza atao fangatahana ilay izy, ohatra hoe, "Ny porofon'ny Fanahy Masina ve dia *ity*?" Hitanareo? Izaho—tiako ny hahafantatra mikasika, an'izay nampianariko, hitanareo, mba ahafahantsika manazava an'ity lohahevitra anankiray ity (tahaka an'ireo taompiangonana) avy hatrany, hitanareo, satria eo amin'izany no sahanintsika ankehitriny.

30 Ankehitriny, ohatra hoe raha hivavaka ho an'ny marary isika, amin'izay fotoana izay angamba izany dia mila va—vavaka hafa iray. Ary voahosotra ianareo, tonga ho an'ny zavatra iray hafa, fantatrareo. Ary mitady an'Andriamanitra ianareo, mba hahita hoe, "Hisy olona iray ve any izao hariva izao, Tompo?"

31 "Eny, izany dia ho olona iray miakanjo mavo, mipetraka eo amin'ny zorony ankavanana. Ary rehefa miantso azy ianao, dia *izao* iantsoana azy. Ary *izao* lazaina ary *izao* no nataony. Ary izy dia tratran'*izao-sy-izao*." Avy eo dia mandeha any ianareo ka mandinika, ary eo izy. Hitanareo? Eo ianareo izao, hitanareo. Hafa izany. Hitanareo?

32 Fa amin'ity, dia mivavaka aho hoe, "Tompo Jesosy, inona no fandikana an'Ity? Ambarao amiko Izany." Amena.

33 Ankehitriny dia ndao isika hamoaka ny—ny Sabatsika indray ankehitriny, sy, ny Teny.

34 Ary mankasitraka ny fanohanana ara-panahin-dRahalahy Neville aho, tahaka ny fitiavany an'ny mpirahalahy, eto aoriako eto, mivavaka ho ahy. Ary ianareo rehetra eo, ihany koa. Ary, ankehitriny, satria Zoma hariva androany, dia hiezaka isika, hanao an'ilay izy araka . . . isika . . .

35 Tsy mety afaka ny hahakasika an'ireo zavatra rehetra ianareo. Ianareo . . . Satria, afaka maka an'Ity ianareo, anankiray fotsiny amin'ireo Tombokase ireo, ary mijanona, izao fotsiny—mitondra an'Izany fotsiny manerana ny Soratra, midina hatrany. Hitanareo? Hila volana sy volana ary volana Izany, nefa mbola tsy hahazo an'Izany foana ianareo, satria ilay—ilay Tombokase Izy tenany dia mamatotra ny Soratra manontolo, manomboka amin'ny Genesisy hatrany amin'ny Apokalypsy, Tombokase anankiray amin'Izany.

36 Noho izany ny ezahako hatao, dia, mba tsy hialako hanalavitra an'Izany, dia hikaroka Soratra iray aho, na—na naoty kely iray eto any ho any, ary miala . . . Manohy fotsiny eo amin'io zavatra anankiray io, tsy maintsy mitandrina aho, satria, izaho fotsiny ihany . . . Eo am-piresahana, dia miresaka aho amin'ny—amin'ny alàlan'ny . . . Izaho—manantena aho fa izany no tsindrimandry marina. Ary amin'izay fotoana izay aho rehefa—rehefa miondrika aho mba hijery ny . . . Ary izaho—raha manomboka miresaka aho, ka mahatsapa ny tenako miala amin'ny lohahevitra iray, dia hiverina aho, hitodika amin'ny làlana hafa, miezaka maka Soratra hafa iray, ho tonga eo amin'izany, hitanareo, hanisy hazavana kely eo amin'io lafiny io, raha tokony hanohy miaraka amin'izany.

37 Ary noho izany ankehitriny dia hianatra isika izao hariva izao, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, nohon'ny Fanampiany, ny—ny Tombokase Fahadimy. Ary anankiray fohy Izany. Lava kely kokoa noho ilay hafa Izany. Ireo mpitaingin-tsoavaly efatra, ankehitriny, dia andininy roa isanisany, fa ity dia andininy telo no ao amin'ity anankiray ity. Ankehitriny, ny Tombokase Fahadimy dia manomboka, amin'ny toko faha-6-n'ny Apokalypsy, ny andininy faha-9.

38 Ary, ankehitriny, raha sendra ianareo ka va—vahiny iray izay tsy nandre an'ireo mpitaingin-tsoavaly efatra ireo, eny,

ianareo . . . Hitanareo, matetika ianareo—miverina fotsiny ianareo ary—ary manampy zavatra iray, ary, rehefa manao ianareo, dia manantena ny olona hahazo an'Izany. Noho izany raha misy zavatra kely izay tsy azonareo, eny, dia mahareta kely fotsiny. Na, alaivo ny horonam-peo ka henoy Izany, ary—ary azoko antoka fa ianareo dia—hahazo fitahiana avy amin'Izany ianareo. Izaho dia mahazo. Izaho—manantena aho fa ianareo—fa ianareo dia mahazo.

39 Ankehitriny, vonona ny olona rehetra, manomboka amin'ny andininy faha-9 ankehitriny hatramin'ny faha-11, na ny faha-11 tafiditra.

Ary rehefa novahany ny tombokase fahadimy, dia hitako teo ambanin'ny alitara ireo fanahin'ireo izay novonoina nohon'ny tenin'Andriamanitra, sy nohon'ny filazana izay nohazonin'izy ireo:

Ary niantso tamin'ny feo mahery izy ireo, nanao hoe, Mandra-pahoviana, O Tompo, masina sy marina, ianao no . . . hitsara sy hamaly ny rànay amin'ireo izay monina eny ambonin'ny tany?

Ary nomena akanjo fotsy ny tsirairay avy tamin'izy ireo; ary izao no nolazaina tamin'izy ireo, hoe tokony hiala sasatra aloha izy ireo mandritry ny—ny vanim-potoana kely, mandra-pahatongan'ireo mpanompo namany ihany koa . . . ireo rahalahiny, izay tokony ho vonoina tahaka azy ireo, ho tanteraka.

40 Ankehitriny, ity dia mahagaga raha ny marina. Ary ankehitriny nohon'ny amin'ireo horonam-peo, sy ireo mpitondra fivavahana ary mpampianatra izay mipetraka manatrika, ankehitriny, raha manana fijery hafa noho Ity ianareo; izaho dia efa nanana, ihany koa. Fa mandray an'Izany avy amin'ny tsindrimandry fotsiny aho, izay nanova tanteraka ny fijeriko an'Izany. Hitanareo?

41 Ary avy eo dia hitako, arakaraky ny ahitanareo an'ireto voambara, Izany dia miraikitra mihitsy ary manao an'ireo taom-piangonana sy ireo Soratra miaraka mihitsy, ary mamatotra an'Izany. Hitanareo? Ary izany no antony inoako fa avy amin'Andriamanitra Izany. Ankehitriny, fantatsika izany.

42 Ary heveriko fa indraindray isika dia miankina amin'izay efa nolazain'ny mpampianatra malaza iray mikasika an'Izany. Hitanareo? Ary izany dia—mety tsara izany. Tsy manameloka an'ilay mpampianatra aho, tsy akory. Ary tsy manameloka na iza na iza aho. Manameloka ny fahotana fotsiny aho, ny tsi-finoana; tsy na iza na iza.

43 Ary hoy ny olona sasany hoe, "Manameloka ny rafi-pandaminana ianao." Tsia, tsy manameloka aho. Izaho—manameloka an'ilay rafitry ny rafi-pandaminana aho; fa tsy ireo olona ao anatiny ao, tsy ireo olona izay manao an'ilay

rafi-pandaminana, fantatrareo. Fa ilay rafitra izay mitantana azy ireo, izany no melohiko, Katolika sy Protestanta, mitovy. Oadray! Izaho dia manana . . .

44 Ny sasany amin'ireo sakaizako tsara indrindra izay—izay—izay fantatro, dia Katolika, izao fotsiny . . .?. . . Fantatrareo ve . . . Ary mety mipetraka eto ilay lehilahy izao hariva izao, angamba. Ny fomba tokana nahafahantsika nanorina an'ity tabernakla ity, dia nohon'ny Katolika Romana iray nitsangana tao amin'ny fitsarana tany, ary nandeha teo alohako niaro ahy, ary, ry tovolahy, satria tsy nisy olona nanao. Marina izany. Ary tsy afaka nandà an'izany izy ireo. Marina izany.

Ary hoy izy ireo hoe, "Izy ireo dia nihevitra hoe, 'Olona be loatra.'"

45 Hoy izy hoe, "Oh, tsy hanao afa-tsy valopolo amboniny izany ao amin'io fiangonana io, tahaka an'izany." Hoy izy, "Io fiangonana io dia mijoro any." Hoy izy, "Izaho—fantatro ilay pasitera, ary ny rehetra tahaka an'izany." Ary hoy izy, "Efa teo io fiangonana io." Hoy izy, "Ny sisa aminareo dia afaka manampy ao amin'izany, noho izany dia nahoana izy ireo no tsy afaka?" Katolika Romana iray, sakaizako tsara. Hitanareo? Eny, tompoko.

46 Za—zazalahy iray izay—izay Katolika iray, tena sakaizako mpanjaka iray, no niresaka tamiko. Nanana magazay fivarotana kojakoja fanaovan-trano iray izy; talohan'ny nialako. Hoy izy hoe, "Billy, izaho—fantatro fa tsy mino ny rafitra ara-pivavahanay ianao." Hoy izy hoe, "Saingy miteny aminao aho izao ankehitriny izao," hoy izy, "fa nanaja ny vavakao betsaka ho anay Andriamanitra! Mino aho, fa raha tafiditra ao anatin'ny olana ianao na aiza na aiza eto amin'ny firenena," hoy izy, "dia hanatona anao ny Katolika rehetra ato amin'ny faritra." Noho izany, hitanareo, fa izany no . . .

47 Hoy izy hoe, "Ny mpibaby hazo fijaliana rehetra," izany no niantsoany azy. Hiteny an'izany fotsiny araka ny nataony aho. Mazava ho azy, milaza ho izany izy ireo satria ireo Kristiana voalohany dia nitondra hazo fijaliana teo amin'ny lamosiny. Fantatsika amin'ny alàlan'ny tantara izany. Ary izy ireo dia milaza ho ny Kristiana voalohany, fa izany izy ireo, saingy ilay rafitra no nanala azy ireo tamin'io làlana io, hitanareo.

48 Ary ireo olona ireo, Katolika iray, na Jiosy, na inona na inona ilay izy, dia olombelona avy tamin'ilay hazo iray ihany izay nihaviantsika izy ireo. Hitanareo? Marina izany. Izy ireo dia—izy ireo dia olona izay tia, sy mihinana, sy misotro, sy matory, ary tahaka ny olon-kafa rehetra mihitsy. Ary noho izany dia tsy tokony hanameloka an'ireo isam-batan'olona mihitsy isika, tsia, na iza na iza, hitanareo. Fa, tsy tokony hanameloka an'ireo isam-batan'olona isika.

49 Fa, amin'ny maha-mpitoriteny iray, dia tsy maintsy mamely an'io menarana any io aho, izay manaikitra an'ireo olona ireo, hitanareo. Ary izaho tsy—ary izaho aza tsy . . . Izaho fotsiny, ary ny tenako, tsy hanao an'izany aho raha tsy fanirahana iray avy amin'Andriamanitra izany, hoe voatery hanao an'izany aho, hitanareo. Ary tsy maintsy mihazona an'izany marina sy mahatoky aho.

50 Fa raha ny Katolika iray, Jiosy, na inona na inona izy, no tonga eto; raha Mohametana iray izy, Grika, na Ortodoksa, na mety ho inona izy. Raha tonga eto izy mba ivavahana, dia hivavaka am-pahatsoram-po ho azy tahaka ny ataoko amin'ny ahy manokana aho. Marina izany. Izany tokoa, satria olombelona iray izany. Ary efa nivavaka ho an'ireo Bouddhistes aho, sy Sikhs, Jains, Mohametana, ary—ary ny karazany rehetra, hitanareo, tahaka an'izany. Ary tsy mametraka fanontaniana amin'izy ireo mihitsy aho; mivavaka ho azy ireo fotsiny aho, satria olona iray izy ireo, olombelona izay te-ho salama, ary miezaka manao ny fiainana ho moramora kely kokoa ho azy ireo eny amin'ny làlana.

51 Ankehitriny dia fantatsika, fa, ao amin'ity, ary maro aminareo eto dia fantatro, fa misy fara-fahakeliny tena nianatra roa na telo mipetraka eto. Ary—ary manan-tsaina izy ireo, ary efa namaky avy tao—avy tao amin'ireo foto-pampianaran'ny lehilahy hafa eo amin'ity lohahevitra ity. Ary tiako ho fantatr'ireo rahalahy ireo fa izaho—tsy manameloka an'ireo lehilahy ireo aho. Maneho fotsiny ihany an'izay asehon'ny Tompo amiko aho. Ary izay ihany no ananako.

52 Ankehitriny, tsy tiantsika mihitsy ny hihevitra hoe, satria ny vehivavy mpanasa lamba kely iray na—na zazalahy mpiasa tany iray any, dia tsy afaka hahazo fanambarana avy amin'Andriamanitra. Satria, hitanareo, izany . . . Andriamanitra, manambara ny Tenany tokoa ao anatin'ny fahatsorana Izy. Izany dia, nanana an'izany isika tamin'ny Alahady, mba hanombohana an'ity, hoe ahoana fa manambara ny Tenany ao anatin'ny Fahatsorany Izy. Izany no manao Azy ho lehibe.

53 Ankehitriny mamelà—mamelà ahy fotsiny . . . Mamelà ahy hijery an'izany fotsiny indray mandritry ny iray minitra. Ny manao an'Andriamanitra ho lehibe, dia satria afaka manao ny Tenany ho tena tsotra Izy. Izany no manao Azy ho lehibe. Andriamanitra dia lehibe, nefa afaka manao ny Tenany ao amin'ny endrika tsotra tahaka an'izany hany ka tsy afaka mahita Azy ny hendrin'ity izao tontolo izao ity. Tsy afaka mahita Azy fotsiny izy ireo, satria manao ny Tenany ho tsotra loatra Izy. Diniho ankehitriny. Ary ity, ao amin'ny tenany, dia ny zava-miafin'ny fanambaran'i Jesosy Kristy. Hitanareo? Ity, ao amin'ny tenany, hoe ny . . . Misy . . . tsy mety misy na inona na inona lehibe kokoa noho Andriamanitra. Ary tsy afaka manao na

inona na inona ho tsotra tahaka ny Anaovany ny Tenany ianareo. Hitanareo, izany no manao Azy ho lehibe. Hitanareo?

54 Ankehitriny, ny lehilahy lehibe iray, afaka ho lasa lehibe kely kokoa fotsiny izy, na angamba afaka miondrika ambany izy ka manao hoe, "Manao ahoana ianao?" aminareo, hitanareo, na zavatra tahaka an'izany. Saingy tsy afaka manao ny tenany ho kely izy. Misy zavatra fotsiny mikasika azy. Olombelona iray izy. Tsy afaka manao ny tenany ho kely fotsiny izy. Satria, rehefa mahatsapa ho lasa midina kely loatra izy, amin'izay fotoana izay, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia lasa manondro an'izay nataon'ny olon-kafa iray izy, sy tahaka an'izany. Ary amin'izay fotoana izay dia manomboka mampakatra ny tenany ambony indray izy, hitanareo.

Saingy, ny làlana miakatra dia ny midina, amin'Andriamanitra. Eny.

55 Ny hendrin'izao tontolo izao dia miezaka, ao amin'ny fahendreny, hahita Azy. Mihanika manalavitra Azy fotsiny ihany izy ireo, eo am-panaovana an'izany. Hitanareo, ny hendrin'izao tontolo izao, raha miezaka manazava zavatra iray amin'ny alàlan'ny matematika ianareo na zavatra iray. Tsarovy, Izy mihitsy aza no nametraka an'izany . . . Ao amin'ny Baiboly, ao amin'ny Apok- . . . Tsia, mamelà ahy.

56 Isaia 35, mino aho fa izay ilay izy, hoe izany aza dia tena—izany aza dia tena tsotra ka na dia ny—ny—ny olona maditra iray aza dia hahazo an'Izany. Hitanareo? Oh, "Na dia ny adala aza dia tsy ho diso làlana ao amin'izany."

57 Ny hendry dia diso an'izany lavitra, amin'ny alàlan'ny fahendreny, manalavitra Azy kokoa, noho ny fiezahana hahita Azy amin'ny alàlan'ny fahendrena. Ankehitriny, aza adino izany. Ho raisim-peo izany, hitanareo. Ny hendry, ao amin'ny fahendreny, dia lasa tena lavitra mba hanandrana hahita Azy amin'ny alàlan'ny fahendreny, diso Azy izy ireo, hitanareo. Raha afaka ny ho tena goavana izy ireo mba ho tena tsotra, dia afaka hahita Azy. Raha tena goavana ianareo mba ho lasa tena tsotra! Hitanareo ve izany? Ary, fantatrareo, izany—izany marina tokoa no Fahamarinana.

58 Efa nandeha nankany amin'ireo olona aho, tao amin'ny biraony, sy ny sisa, izay nisy tena lehilahy marina tokoa, goavana, mpanjaka, hitanareo, ary manam-pahefana ambony, mpitondra fanjakana, ary mazàna izy ireo dia lehilahy goavana. Avy eo, dia nandeha tany amin'ireo toerana izay misy zalahy iray manana akanjo fisolo iray aho, angamba mpitoriteny iray izay te-hiady hevitra amiko vetivety, ka ianareo—hihevitra ianareo fa izao tontolo izao dia tsy afaka hihodina raha tsy misy azy, hitanareo. Ary izany—izany dia mibontsina fotsiny eo amin'ny loha, hitanareo. Fa, ny—ny lehilahy goavana iray, ny lehilahy goavana iray dia mipetraka ary miezaka manao anareo hihevitra

fa ianareo no ilay lehilahy goavana. Hitanareo? Hitanareo, afaka manetry ny tenany izy.

59 Ary, hitanareo, Andriamanitra dia tena lehibe hany ka afaka manetry ny Tenany Izy, toerana iray, izay tsy azon'ny olombelona iray hihanihana hatreo amin'izany, hitanareo. Izay ihany. Ary amin'ny . . .

60 Ary miezaka ny hahita Azy izy ireo. Jereo ankehitriny. Miezaka ny hahita Azy amin'ny fandefasana an'ireo zazalahy any an-tsekoly izy ireo, ka mahazo ny diplaoman'ny Bakalorean'ny Literatiora. Ary—ary miezaka ny hahita an'Izany izy ireo amin'ny alàlan'ny fiteny ara-teolojia iray an'ny—an'ny—an'ny—an'ny Baiboly. Ary miezaka hahita Azy amin'ny alàlan'ny fandaharam-pampianarana izy ireo, sy amin'ny alàlan'ny fandaharana ara-rafi-pandaminana, sy amin'ny alàlan'ireo zavatra manaingo, ary miezaka ny hahita. Izy dia tsy ao, mihitsy. Miady amin'ny rivotra fotsiny ianareo, izay ihany. Ianareo dia—manalavitra an'Izany ianareo.

61 Afaka ny ho tena goavana izy ireo mba ho—mba ho tena tsotra, afaka hahita Azy ao amin'izany làlana izany izy ireo, amin'ny maha-tsotra. Fa raha mbola mandroso mankany amin'ny fahendrena foana ianareo, dia manalavitra Azy.

62 Ankehitriny dia mamelà ahy hanamafy an'izany mba tsy hahadiso anareo an'izany. Raha mbola miezaka hahita an'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny fahendrena foana ianareo, tahaka ny tao amin'ny sahan'i Edena, tahaka ny tamin'ny andron'i Mosesy, tahaka ny tamin'ny andron'i—i Noa, tahaka ny tamin'ny andron'i Kristy, tamin'ny andron'i Jaona, tamin'ny andron'ireo apostoly, ary hatramin'ity andro ity! Rehefa miezaka ny haminavina an'Izany ianareo, ka miezaka ny hahita an'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny fahendrena, dia manalavitra Azy kokoa hatrany foana ianareo. Miezaka ianareo ny hahazo an'Izany. Tsy misy fomba hanaovana an'izany. Ekeo fotsiny Izany. Hitanareo? Inoy fotsiny Izany. Aza miezaka hahazo an'Izany.

63 Tsy mety azoko hoe nahoana, io, eny, zavatra betsaka io. Tsy misy zavatra betsaka azoko na mety ho azoko. Tsy mety azoko hoe nahoana ity olona tanora mipetraka eto ity no mihinana an'ilay sakafo iray ihany izay azoko hanina, nefa—nefa, indro izy, manana loha iray feno volo, izaho tsy manana mihitsy. Tsy azoko izany. Miteny amiko izy ireo fa ny kalsioma no manao an'izany; nefa aho tsy mitsahatra manapaka ny hohon-tànako, fa tsy manana volo ho tapahina mihitsy. Izaho—tsy azoko izany. Araka ny fiteny fahiny, izaho . . .

64 Tsy hoe miova toerana kely mihitsy, ny fahamatorana; fa, fahamatorana Izany, saingy tsy mbola tonga eo amin'ilay Tombokase aho.

65 Ahoana no ahafahan'ny ombivavy mainty iray mihinana ahi-maitso, ka manome ronono fotsy, izay miova ho dibera mavo! Izaho—azoko antoka fa tsy afaka hanazava an'izany aho, hitanareo. Satria, hitanareo, ny tsirairay avy dia vokatra iray avy amin'ilay iray hafa. Ary ahoana no anaovany an'izany, tsy afaka manazava an'izany aho.

66 Tsy afaka manazava aho hoe ahoana no itsanganan'ny lisy roa, na voninkazo roa, avy amin'ny karazana iray ihany, nefa ny iray mena, ary ilay iray hafa mavo, ary ny iray volontany, ary ny iray manga. Tsy azoko izany. Masoandro iray ihany no eo ambonin'izy ireo. Avy aiza ilay loko? Hitanareo? Izaho—tsy afaka manazava an'izany aho, kanefa tsy maintsy manaiky an'izany ianareo.

67 Maniry fotsiny aho ny ahafahan'ny teolojiana malaza iray hanazava amiko hoe ahoana no ijoroan'ity izao tontolo izao ity eo amin'ny fihodinana. Maniry aho ny ahafahanareo ara-tsiansa manipy amiko baolina iray eny amin'ny rivotra, mihodina, ka mamela azy hanao ny fivoarany faharoa, ao amin'ny toerana iray ihany. Tsy afaka manao an'izany ianareo. Kanefa tena mifanaraka tanteraka izany hany ka afaka miteny an'ilay fahatakonan'ny masoandro amin'ilay minitra mihitsy izy ireo, roapolo taona manomboka izao. Tsy manana famantaranandro iray izy ireo na famantarana ora, na singa-milina iray, izay tanteraka tahaka an'izany. Kanefa dia mijoro eo izy. Ary, avy eo, dia mitongilana. Ahoana moa raha miharina kely fotsiny izy? Hia. Manao ny tenanareo ho adala fotsiny ianareo, raha manandrana, hitanareo.

68 Noho izany, hitanareo, aza miezaka hahazo fahendrena, mba hahazoana. Inoy fotsiny izay Lazainy. Ary arakaraky ny ahafahanareo ho lasa tsotra kokoa, dia eo ianareo amin'izay fotoana izay, hahita an'Izany ianareo. Ankehitriny, dia tena mankasitraka aho ny amin'izany, mankasitraka fa Izy dia, nanao ny Tenany ho tsotra. Ankehitriny, dia hitantsika, ny toko faha-6 ary ny andininy faha-9. Mamelà ahy hanomboka ankehitriny.

> *Ary rehefa novahany ny tombokase fahadimy, dia hitako teo ambanin'ny alitara ny fanahin'ireo izay novonoina nohon'ny tenin'Andriamanitra, sy nohon'ny filazana . . . nohazonin'izy ireo:*

69 Mariho, tsy nisy filazana ny amin'ny Zava-manan'aina iray hafa intsony, na manan'aina—Zavatra manan'aina, eo amin'ity filazan'ny Tombokase Fahadimy ity. Tsarovy ankehitriny, fa nisy, teo amin'ny Tombokase Fahefatra. Nisy, teo amin'ny Tombokase Voalohany, Faharoa, Fahatelo, ary Fahefatra, fa tsy misy anankiray eto. Hitanareo?

70 Ankehitriny, raha mahamarika ianareo, ndao isika hamaky fotsiny indray, ny iray amin'ireo Tombokase. Ndao isika hiverina

amin'ny Tombokase Fahefatra, hitanareo. Ary ny andininy faha-7 izany.

> *Ary rehefa novahany ny tombokase fahefatra, dia reko ny feon'ny zava-manan'aina fahefatra nanao hoe, Avia . . . jereo.*
>
> *. . . rehefa izy . . . novahany ny tombokase fahatelo, dia reko* ny feon'ny—ny *zava-manan'aina fahatelo nanao hoe, Avia ka jereo.*
>
> . . . ny *zava-manan'aina faharoa . . . Avia . . . jereo.*
>
> . . . ary ny zava-manan'aina voalohany nanao hoe, *Avia ka jereo.*

71 Fa avy eo rehefa tonga eo amin'ny Tombokase Fahadimy isika, dia tsy misy Zava-manan'aina. Mariho fotsiny ankehitriny.

> *Ary rehefa novahany ny tombokase fahadimy, dia hitako teo ambanin'ny alitara . . .*

72 Haingana mihitsy! Hitanareo, tsy misy—tsy misy Zava-manan'aina eo. Ary ny Zava-manan'aina iray dia maneho hery. Fantatsika izany, hitanareo. Tsy misy Zavatra manan'aina eo.

73 Ankehitriny, ny iray tamin'ireo Zavatra manan'aina ireo, hitantsika, tamin'ny fianarana ny—ny—ny fanambarana tao amin'ireo fiangonana, fa ny iray tamin'izy ireo dia nanana . . . dia liona iray; ary ny iray hafa—ny iray hafa dia omby iray; ary ny iray hafa dia olona iray; ary ny iray hafa dia voromahery iray. Hitantsika, tao amin'ireo taom-piangonana, fa ireo Zava-manan'aina efatra ireo, midika hoe hery efatra, dia niangona nanodidina ny Asan'ny Apostoly, tahaka fotsiny an'ilay—ilay tabernakely tany an-efitra. Ary azonareo izany, satria tsy haka fotoana hidirana amin'izany aho. Toy ny ahoana no nanaovantsika sary an'izany teto, sy naneho marina tokoa! Niambina an'Izany izy ireo, ny Zanak'ondry sy ny Teny, mba hanao ny Teny tahaka ny nanaovan'izy ireo mihitsy an'ilay—ilay fiaran'ny fanekena tao amin'ny Toerana Masina tany an-efitra, sy ny sisa.

74 Ankehitriny, dia nasehontsika ara-toerana mihitsy aza, tamin'ny alàlan'ireo loko ara-pokon'ny Isiraely, sy tamin'ny alàlan'ny . . . Firy no nandre an'ireo fito—ireo taona fiton'ny fiangonana? Ataoko fa ny ankamaroany, ny antsasany, ny roa ampahatelonareo. Mariho, fa na dia ny natioran'ilay Zava-manan'aina aza dia marika famantarana ara-poko iray, dia ny fomban'ireo efatra . . . nametrahana an'ireo foko roa ambin'ny folo, efatra isaky ny lafiny, na—na foko telo isaky ny lafiny. Ary ireo Zava-manan'aina efatra dia mipetraka ary miambina, ireo foko ireo, eo amin'ireo toerana efatra rehetra ireo.

75 Ary, rehefa, nandeha isika ka naka an'ireo Filazantsara, ary naneho marina tokoa. Rehefa miditra ao amin'ilay fiara ianareo,

dia niambina an'ilay fiara izy ireo, ilay fanekena. Ary avy eo dia hitantsika fa ny faneken'ilay Fiangonana vaovao, ny fanehoana Azy eto an-tany, dia ny Fanahy Masina. Ny Rà no namerina, tamintsika, ny Fanahy Masina. Ary ireo Zava-manan'aina efatra dia naneho, ary tahaka an'ireo—ireo foko roa ambin'ny folon'ny Isiraely, raha niambina izany. Ary nahita ny natioran'izy ireo, ka naka an'ilay natiora iray ihany ary nitondra an'izany teo amin'ny tsirairay avy tamin'ireo Filazantsara efatra ireo, marina tokoa, dia mitovy marina tokoa. Ny iray niresaka ny amin'ny liona, ilay iray hafa ny amin'ny omby, ary ilay hafa . . . Ireo Filazantsara efatra! Izay ilay izy. Ireo Filazantsara efatra no fiarovan'ny Fanahy Masina. Amena.

76 Manontany mihitsy aho isan'andro . . . Niraikitra tamiko izany. Ankehitriny, teo amin'ny enin-taona teo izao, heveriko, hatramin'ny nandrenesako lehilahy malaza iray nilaza fa izany no . . . "Ny Asan'ny Apostoly dia fitaovana fananganan-trano fotsiny." Imbetsaka no efa nandrenesako an'izany. Fa ny mandre lehilahy iray miaraka amin'ny toerany, amin'ny maha-mpitory teny iray sy mpampianatra iray, izay nanoratra ny sasany tamin'ireo boky malaza izay vakian'ny olona hatraiza hatraiza, ary milaza fa ny Asan'ny Apostoly dia tsy mety ho an'ny fampianarana ny Fiangonana!

77 Nefa, ny Asan'ny Apostoly no tena fanorenana an'Izany; tsy fitaovana fananganan-trano. Ny fanorenana! Satria, ny Baiboly dia milaza fa ny—ny—ny—ny fanorenan'Andriamanitra "dia miorina eo ambonin'ny Foto-pampianaran'ny apostoly," marina, "Kristy, ilay Loha, ilay Vato fehizoro."

78 Ary rehefa nitsangana tany ity lehilahy ity ka nanao an'io fanamarihana io, izaho—izaho—izaho—izaho fotsiny . . . Simba fotsiny ny foko. Dia nieritreritra aho hoe, "Tsy mahagaga." Eny, hitako ankehitriny, ao amin'ireo Tombokase. Izany dia tsy voambara fotsiny. Izay ihany. Hitanareo?

79 Noho izany, fa, teo izy ireo, nitsangana teo, saingy nisy zavatra iray fotsiny nilaza an'izany. Ankehitriny, mariho, miambina izy ireo.

80 Ankehitriny, rehefa naka ny Matio 28:19 isika, ka nandinika an'io zavatra io nanerana ny Matio, izay naneho ny liona. Ary tonga, tao, dia hitantsika marina tokoa hoe nahoana izy ireo no manao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Ary teo Izy, nitsangana teo niaraka tamin'io Soratra io mihitsy, mba hiambina an'ilay fahatokiana masin'ny batisa, an'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Eny àry. Eny, lasa eo amin'ireo taom-piangonana aho ankehitriny.

81 Mariho. Fa, eto, rehefa tonga eto amin'ity Tombokase Fahadimy ity isika ankehitriny, dia tsy misy—tsy misy—tsy misy mpitaingina mandroso, ary tsy misy Zava-manan'aina hilaza an'Izany. Jaona fotsiny . . . Ny Zanak'ondry no nanokatra Azy,

ary Jaona nahita Azy. Tsy nisy anankiray teo nilaza hoe, "Ankehitriny avia, jereo. Avia, jereo." Mariho, tsy nisy herin'ny Zavatra manan'aina. Na nisy . . .

82 Ary eo amin'ny Tombokase Fahenina, dia tsy misy Zava-manan'aina mba hilaza an'Izany. Ary eo amin'ny Tombokase Fahafito, dia tsy misy Zava-manan'aina mba hilaza an'Izany. Tsy misy hery mba hilaza an'Izany. Hitanareo, tsy misy anankiray manao an'izany. Eo amin'ny . . . Jereo. Eo amin'ny . . . Aorian'ny Tombokase Fahefatra, dia tsy misy filazana avy amin'ny herin'ny Zava-manan'aina iray, manomboka amin'ny Tombokase Fahadimy, Fahenina, na Fahafito, tsia mihitsy.

83 Mariho ankehitriny. Tiako ity. Tahaka ny tamin'ny fotoan'ilay mpitaingina an'ireo soavaly efatra, ilay mpitaingina (tokana) an'ireo soavaly efatra samihafa, dia nisy Zava-manan'aina iray izay nilaza an'ilay hery. Isaky ny miakatra eo amin'ny soavaly iray hafa ilay mpitaingina ka mandroso mba hitaingina, dia mivoaka ny karazana Zava-manan'aina iray ary milaza an'izany hoe, "Zava-miafina lehibe iray izany." Hitanareo? "Izany ilay zava-miafina." Nahoana? Milaza an'ilay zava-miafina.

84 Nahoana no tsy misy anankiray eto amin'ny Tombokase Fahadimy eto, mba hilaza an'Izany? Ity ilay izy, araka ny fanambarana izay nomen'ny Tompo Jesosy ahy androany, hitanareo, na aninkeo maraina, aloha be. Izany dia, izany, efa nifarana ny zava-miafin'ireo taom-piangonana, tamin'ity fotoana ity. Voambara ny zava-miafin'ilay antikristy, tamin'ity fotoana ity. Nanao ny fitaingenany farany ilay antikristy, ary hitantsika izy teo ambonin'io soavaly hatsatra io, mifangaro amin'ny lokony maro, ary mitaingina hatrany amin'ny fahaverezana.

85 Hanana an'izany isika eo amin'ireo Trompetra, sy ny sisa, rehefa mampianatra an'izany. Handeha eo amin'izany aho ankehitriny, saingy hivoaka avy hatrany amin'ilay lohahevitra indray isika. Ary isika—mandeha isika . . . mitaingina izy . . .

86 Izany no antony hoe tsy misy anankiray eo. Ankehitriny, isika tsy manana antony voasoratra, antony sasantsasany ho an'ny zavatra iray. Ankehitriny, tsarovy, tamin'ny voalohany, teo am-panombohana, dia nilaza aho fa tsy mety misy na inona na inona raha tsy misy antony iray. Tsaroanareo ve ilay teten-dranomainty kely? Hitanareo? Ankehitriny dia tsy maintsy mahita an'ilay antony ianareo. Eny, nisy antony iray izay tsy nilan'izy ireo hanana Zava-manan'aina iray, na hery iray, hilaza an'ity Tombokase izay novahana ity. Ary Andriamanitra irery ihany no afaka manambara hoe nahoana, izay ihany, satria Izany rehetra izany—ny rehetra dia mipetraka ao Aminy.

87 Fa ny antony Anambarany an'Izany, araka ny azoko, izany dia satria ny zava-miafin'ilay Bokin'ny Fanavotana, raha ny

amin'ilay antikristy izay voambara; ary amin'ny fotoana iray ihany, dia lasa ny Fiangonana, ka ireo zavatra ireo dia tsy mitranga akory aza ao amin'ilay taom-piangonana, mihitsy. Marina izany. Izy ireo dia—izy ireo dia aorian'ilay taom-piangonana. Ilay Fiangonana dia Nampakarina tanteraka tokoa, amin'io fotoana io. Miakatra ilay Fiangonana, ao amin'ny toko faha-4-n'ny Apokalypsy, ary tsy miverina raha tsy tonga indray miaraka amin'Ny Mpanjakany Izy, ao amin'ny toko faha-19. Fa ireto Tombokase eto ireto dia manambara an'izay efa nisy, izay misy, ary izay hisy. Hitanareo? Ary, ankehitriny, izay tsy maintsy hisy ho an'ilay taom-piangonana, dia voambaran'ireto Tombokase ireto. Ary diniho ankehitriny izay manao an'Izany.

88 Ireo—ireo dingana efatra an'ny mpitaingina azy dia efa voambara. Ireo dingana efatra an'ilay antikristy, mitaingina, dia efa voambara tamin'io fotoana io, noho izany dia tsy mila manambara intsony izy ireo.

89 Ary nisy Zavatra manan'aina efatra an'Andriamanitra, mba hilaza an'ilay mpitaingina raha mitaingina izy ireo. Zava-manan'aina efatra dia hery efatra. Ankehitriny, fantatsika fa ny *Biby*, araka ny fandikana an'ireo tenin'ny mari-pamantaran'ny Baiboly, dia midika hoe "hery." Ankehitriny, ndao isika hijery tsara an'izany. Ireo efatra dia Biby, ao amin'ny Baiboly, maneho hery iray eo anivon'ny olona.

90 Ankehitriny, raha mahita isika, ohatra ao amin'ny Daniela, rehefa nahita firenena iray nitsangana izy, dia mety ho bera iray mihazona taolana iray izany eo amin'ny valahany, ao amin'ny mari-pamantarana. Avy eo dia nahita hery hafa iray nitsangana izy, osilahy iray. Naneho zavatra iray izany. Avy eo dia nahita hery hafa iray nitsangana izy, ary—ary leoparda iray niaraka tamin'ny loha maro izany. Naneho fanjakana iray izany. Avy eo dia nahita iray hafa nitsangana izy, liona mahery iray niaraka tamin'ny nify, ary—ary nanitsakitsaka an'ilay sisa. Naneho hery hafa iray izany, niaraka. Ny anankiray dia ny—ny fanjakan'i Nebokadnezara; ary iray hafa, karazan'ny—ny nofy iray. Nahita fahitana iray i Daniela; Nebokadnezara nanonofy nofy iray. Fa i Daniela no nandika ny nofiny, ary arak'ilay fahitana marina tokoa izany.

91 Amena! Fioo! Oh! [Mitehaka ny tànany miaraka indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] Raha fantatrareo fotsiny izay niseho! Inona no niseho talohan'ny nialanay teto? Azonareo ve? Nahoana, nofy enina nitohy no tonga marina tokoa niaraka tamin'ilay fahitana. Amena. Hitanareo? Ny nofy iray, voadika, dia fahitana iray. Satria ny olona iray dia mety tsy teraka niaraka tamin'ny amparahatoka iray hijanonana, mihiratra rehefa mahita an'izany izy, noho izany dia miditra ao amin'io amparahatoka io Andriamanitra ka miresaka aminy. Fa, Izy no nampanantena fa, ao amin'ireo nofy, amin'ny andro farany,

no Hamangiany ny olona, ary ao amin'ireo fahitana ihany koa. Hitanareo?

92 Ankehitriny, ny fahitana iray dia rehefa mihiratra tsara ianareo, mitsangana tahaka an'izao mihitsy, ka misy zavatra sasany voambara. Ary mitsangana, miteny amin'izy ireo marina mihitsy mikasika an'izany; mahita an'izay mitranga, sy izay hisy, sy ny sisa.

93 Fa, ankehitriny, ny nofy iray dia rehefa matory ianareo, ary tsy miasa ireo taovam-panamboloanareo dimy, ary ianareo dia—ao amin'ny amparahatokareo ianareo. Any ho any ianareo, satria, rehefa miverina ianareo, dia tsaroanareo hoe taiza ianareo, tsaroanareo mandritry ny fiainanareo rehetra izany. Hitanareo? Noho izany, izany dia ny amparahatokareo. Noho izany mba, hitanareo . . .

94 Tahaka ny nolazain'i Kongresista Upshaw fahiny hoe, "Tsy mety ho zavatra iray izay tsy maha-izy anareo ianareo." Ary saiky marina mihitsy izany, hitanareo.

95 Ary, noho izany, raha teraka ho mpahita iray ianareo. Ankehitriny, hitanareo, mba hanaovana an'izany, dia tsy maintsy miaraka mihitsy ireo fieritreretana roa ireo; tsy hoe ny iray *eto* miaraka amin'ireo taovam-panamboloana dimy, miasa, ary ny iray hafa *eto* rehefa matory ianareo miaraka amin'ireo taovam-panamboloana dimy izay tsy miasa ireo. Fa, hitanareo, rehefa izy roa ireo, raha teraka ianareo, dia miaraka mihitsy, rehefa tsy matory ianareo. Mandeha fotsiny avy eo amin'ny iray mankany amin'ilay iray hafa ianareo, tahaka—tahaka an'izany. Tsy matory ianareo. Tsy misy efitra betsaka hatoriana. Ary tsy afaka manao ny tenanareo tahaka an'izany ianareo.

96 Noho izany, "Ireo fanomezana sy antso dia voafidin'Andriamanitra mialoha." Izy ireo dia—izy ireo dia fanomezana sy antson'Andriamanitra, "tsy hanenenana" akory aza, hoy ny Baiboly. Hitanareo? Efa voalahatra talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao izy ireo. Hitanareo?

97 Ankehitriny, ankehitriny, hitantsika fa ilay . . . Ny biby iray, ao amin'ny Daniela, izany dia midika fa hery iray nitsangana teo anivon'ny olona izany. Eny àry. Ary—ary ireo fahitan'i Jaona eto, ihany koa, dia naneho fa hery izany, ireo firenena izay nitsangana. Ohatra, ny Etazonia dia miseho ao amin'ny Apokalypsy 13, toy ny zanak'ondry iray. Ary noho izany raha te-hahafantatra ianareo, hafa . . .

Hoy ianareo hoe, "Eny, izany, izany dia miresaka ny amin'ny herin'ny firenena."

98 Izany koa dia maneho hery masina, ihany koa, biby iray. Efa fantatrareo ve izany?

99 Mariho i Rebeka; rehefa—rehefa ny—ny mpanompon'i Abrahama, Eliezera . . . Rehefa tonga mba haka an'i Rebeka

izy, izy . . . Nakariny teo ambonin'ny rameva iray izy, ilay rameva izay nampisotroany rano mihitsy. Ary nitaingina an'io rameva io izy, mba hihaona amin'ilay mpampakatra azy tsy hita maso. Ilay zavatra izay nampisotroany rano mihitsy, no ilay zavatra izay nitondra azy nankany amin'ny fonenany ho avy sy ny vadiny.

100 Ary izany ilay zavatra iray ihany amin'izao andro izao, hitanareo. Ilay zavatra izay ampisotroan'ilay Fiangonana rano mihitsy, izany hoe ilay Voa, ilay Voan'ny Teny. Izany dia ilay Teny mihitsy izay tonga velona ary mitondra antsika mankany amin'ilay Mpampakatra antsika tsy hita maso. Hitanareo? Hitanareo?

101 Ary jereo hoe tanteraka toy ny ahoana. Nandao ny trano i Isaka, ary tany ivelany tany an-tsaha, lavitra ny tranony, rehefa nahita azy i Rebeka.

102 Ary ilay Fiangonana dia mitsena an'i Kristy eny amin'ny habakabaka, ary avy eo Izy dia mitondra Azy miverina mankao an-Trano, Tranon'ny Ray, izay misy fitoerana namboarina. Tahaka an'izany no nitondran'i Isaka an'i Rebeka.

103 Ary, mariho, izany no fitiavana teo amin'ny fahitana voalohany. Oh, oadray! Nihazakazaka fotsiny hitsena azy izy.

104 Ary tahaka an'izany no hitsenan'ilay Fiangonana an'i Kristy, eny amin'ny habakabaka, ary hiaraka Aminy mandrakizay.

105 Ankehitriny, ireo fitenin'ny Baiboly, ireo Biby ireo dia hery. Mariho. Tiako, ankehitriny, tiako ianareo hanamarika.

106 Ny devoly dia nanana ny bibiny efatra, miova, niloko, mba hanohizana handroso. Nanana ny bibiny efatra izy. Izany dia izy telo rehetra, natao tao anatin'ny loko anankiray, ary nanao an'io anankiray io ho—ho soavaly hatsatra iray; soavaly fotsy iray, soavaly mena, soavaly mainty. Ary hitantsika, ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia dingana iray an'ny asam-panompoany, dingana iray an'ilay fiangonana voalohany izay niditra tao anatin'ny anaram-piangonana iray, tany Nise. Ilay fiangonana Pentekotista tany am-boalohany, izay nilatsahan'ny Fanahy Masina teo amboniny, tonga, nandray fanahin'ny antikristy iray, nanao rafi-pandaminana iray, niteraka zanakavavy vitsivitsy an'ny rafi-pandaminana. Nanova ny heriny, intelo, ary nametraka azy ireo tao anatin'ny anankiray, ka nanao soavaly hatsatra iray. Ary avy eo dia nomena anarana iray nantsoina hoe Fahafatesana, ary nitaingina azy hatrany amin'ny Mandrakizay. Mazava mihitsy arak'izay mety haha-izy azy! Ankehitriny, mariho ankehitriny, izy dia nomena an'io—io soavaly io, ary mitaingina an'izany izy.

Andriamanitra, Andriamanitra dia manana, ihany koa, tahaka ny isan'andro . . .

107 Diniho ankehitriny. Rehefa niseho ilay antikristy, voalohany, dia tao amin'ny inona no nisehoany? Soavaly fotsy.

Hitanareo, nahoana, tsy manan-tsiny arak'izay mety haha-izy azy, foto-pampianarana iray fotsiny tao amin'ilay fiangonana. Nila fiombonana izy ireo. Ny fiombonanareo dia amin'i Kristy. Fa izy ireo dia nila fiombonana iray. Tsy afaka nahatanty an'izany fotsiny izy ireo, izy ireo dia nila nanana . . .

108 Eny, fantatrareo, hiseho ao amin'ny fiangonana ireo fitsitokotokoana kely. Ianareo, fantatrareo izany, ianareo pasitera. Hitanareo? Izy ireo, tahaka ny lazain'izy ireo hoe, "Vorona mitovy volo." Fa raha nateraka indray isika, ry rahalahy, izany—tsy izany no toetra ho raisina, hitanareo. Tsia. Ankehitriny, isika—isika—isika . . .

109 Raha mahita zavatra ratsy isika ao amin'ireo rahalahintsika, dia ndao fotsiny isika hivavaka ka hihazona an'izany eo anatrehan'Andriamanitra, ary ho tia an'io lehilahy io mandra-pitondrantsika azy mihitsy ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Hitanareo? Tahaka an'izany, marina tokoa no fomba hanaovana azy.

110 Fantatrareo, Jesosy no nilaza. "Hisy ahi-dratsy ao anatiny ao," satria Jesosy no nilaza fa hisy ao, "fa aza hongotana izy ireo; haka an'ilay vary miaraka amin'izany ianareo." Hitanareo, "Avelao hipetraka tsara fotsiny izy ireo." Izy no hanao . . . Avelao Izy no hanao ny fanavahana rehefa tonga ny fotoana. Hitanareo? Avelao izy rehetra hitombo miaraka.

111 Mariho, raha nivoaka ilay biby, dia nivoaka teo ambonin'ny biby iray ilay antikristy, ny heriny.

112 Oh, tiako ity! Manomboka mahatsapa ho mpivavaka fotsiny aho izao ankehitriny izao, hitanareo, ilay fampientanana angamba. Mariho, rehefa ilay antikristy . . . Oh, ireo—ireo fanambarana, ao amin'ny Fanatrehan'io vongan'Afo mihantona ao amin'ny efitra io! Hany ka . . . Oh, rahalahy! Na dia efa nahita an'Izany aza aho, hatramin'ny fahazaza, isaky ny tonga eo akaikiko Izany, dia mampivadi-po ahy Izany. Saiky mametraka ahy ao anatin'ny toeran'ny tsy fahatsiarovan-tena iray Izy. Tsy mety zatra Azy mihitsy ianareo; tsy afaka ianareo. Masina loatra Izany.

113 Mariho, raha nandeha (efatra) teo ambonin'ireo bibin'ny asam-panompoany ilay antikristy, teo, dia nandefa Biby iray hiady aminy Andriamanitra. Hitanareo? Diniho ankehitriny. Noho izany, isaky ny (nitaingina ilay biby) teo ambonin'ny soavaliny, nitaingina teo ambonin'ny soavaliny ilay antikristy, teo ambonin'ny bibiny, mba hilaza ny asam-panompoany; Andriamanitra dia nandefa Ny Bibiny, ihany koa, ary Izy no teo ambonin'Izany, mba hilaza ny Adiny amin'izany.

114 Ankehitriny, hoy ny Soratra hoe, "Rehefa miditra tahaka ny tondra-drano iray ny fahavalo, dia manangana faneva iray manohitra azy ny Fanahin'Andriamanitra."

115 Ary noho izany rehefa nivoaka amin'ny maha-antikristy iray ilay fahavalo; Andriamanitra dia nandefa karazana hery iray hihaona aminy. Ary avy eo izy ireo rehefa . . .

116 Nivoaka indray izy, amin'ny maha-mpitaingin-tsoavaly mena iray, loko hafa iray, hery hafa iray, asam-panompoana hafa iray; Andriamanitra dia nandefa anankiray hafa taoriany, mba hiady aminy, mba hihazonana Ny Fiangonany.

117 Nandefa an'ilay anankiray fahatelo; indray, Andriamanitra nandefa ny Azy, tonga ny Zava-manan'aina fahatelo ary nilaza an'izany.

118 Nandefa an'ilay anankiray fahefatra izy; Andriamanitra nandefa ny Azy anankiray fahefatra. Ary tamin'izay fotoana izay dia ny fiafaran'ilay antikristy, ary ireo taom-piangonana dia nifarana, ihany koa, tamin'io fotoana io. Diniho. Ankehitriny, oh, tena tsara marina tokoa izany!

119 Ankehitriny, hitantsika fa ilay devoly dia miova, efatra—biby efatra, midika hoe hery inona no nambaran'izy ireo tamin'ny . . . na hery inona no nambarany tamin'izao tontolo izao, ary ahoana no niafaran'izy ireo teo ambonin'ity soavaly hatsatra, "fahafatesana" ity.

120 Ankehitriny dia ndao isika hijery an'ireo herin'Andriamanitra, an'ireo Zava-manan'aina, mba hiady amin'izy ireo.

121 Ny Zava-manan'ain'Andriamanitra voalohany, izay Nivoahany mba hihaona amin'ilay antikristy, ilay fanahin'ny antikristy nefa dia tao amin'ny fampianarany fotsiny ihany. Tsarovy ankehitriny, rehefa nitaingina voalohany ilay antikristy, dia tao amin'ny asam-panompoan'ny fampianarana iray izy. Nitaingina ilay antikristy, voalohany, tao amin'ny asam-panompoan'ny fampianarana iray. Diniho ankehitriny ilay anankiray izay nandeha mba hihaona aminy: ny liona, ny Lionan'ny fokon'i Joda, dia ny Teny. Rehefa nivoaka ny fampianarany sandoka, dia nandeha mba hihaona aminy ny Teny marina.

122 Izany no antony nananantsika Irenée iray, sy Polycarpe iray, ary—ary—ary—ary ireo lehilahy ireo, Masindahy Martin iray.

123 Rehefa nitaingina niaraka tamin'ny fampianarany sandoka ilay antikristy; Andriamanitra dia nandefa Ny Fampianarany, ny Teny, ny Lionan'ny fokon'i Joda, dia ny Teny tonga voaseho tao amin'ny Fanahy Masina. Ary ny Fanahy Masina, teo, mba haneho ny Tenany, dia ny Teny!

124 Izany no antony nananan'ilay Fiangonana voalohany an'ireo fanasitranana, sy fahagagana, sy fahitana, ary hery, dia satria izany no Teny velona, tao amin'ny endriky ny Lionan'ny fokon'i Joda, izay nivoaka mba hiady amin'izany. Amena! Azonareo ve ilay izy ankehitriny? Mandefa ny heriny

izy, antikristy; Andriamanitra mandefa ny Azy, ny Teny. Antikristy, fampianarana sandoka; nivoaka niaraka tamin'izany ny Fampianarana marina, mba hiady aminy! Ankehitriny, izany ilay anankiray voalohany. Ankehitriny, io ilay Fiangonana voalohany, apostolika, izay nandeha nihaona taminy.

125 Ankehitriny, ny biby faharoa izay nalefan'ilay antikristy, dia biby mena, izay tsy maintsy . . . izay notaingenany, dia tsy maintsy hanaisotra ny fiadanana (ary) amin'ny tany, ary—ary ady.

126 Ankehitriny, ilay anankiray faharoa izay nandeha mba hiady aminy, dia ny Zava-manan'aina omby. Ny omby dia midika hoe asa mafy, Bibin'ny enta-mavesatra iray.

127 Ary ankehitriny raha afaka hijanona mihitsy iray minitra fotsiny isika. Mamelà ahy, hia, mamelà ahy, mba hahazoanareo antoka fotsiny fa mahita an'ity ianareo ankehitriny. Ankehitriny, izany ilay karazany izay mety hanahiran-tsaina kely anareo. Fa ndao isika haka an'i Tyatira eto. Diniho dia jereo raha tsy izany no—no—no Fiangonana iray miasa mafy, hitanareo.

> *Ary* ho *amin'ny anjelin'ny fiangonan'*i *Tyatira soraty; Izao zavatra izao no lazain'ny Zanak'Andriamanitra, izay* manana ny masony tahaka ny lelan'*afo, ary ny tongony dia tahaka ny varahina manganohano;*
>
> *fantatro ireo asanao, . . .*

128 Hitanareo, lasa asa daholo ankehitriny, hitanareo, satria izany ilay anankiray izay nitaingina niaraka taminy.

> *. . . sy ny fitiava*nao*, sy ny fanompoana,* (hitanareo, ny rehetra fotsiny dia . . .) *sy finoana, ary . . . faharetana, ary ireo asanao* (indray, indroa, "ireo asanao"), *ary ny farany dia be lavitra noho ny voalohany.*

129 Hitanareo, izany no maneho fa, ny Taonan'i Tyatira, rehefa avy tafapetraka ilay antikristy ka tonga tao amin'ny Taonan'i Tyatira iray, dia tsy afaka nanao na inona na inona ilay Fiangonana kely afa-tsy asa mafy fotsiny—tsotra fotsiny.

130 Ary ny zavatra iray hafa, ny omby dia, ihany koa, dia Biby fanao fanatitra. Hitanareo? Manome ny ainy fotsiny malalaka arak'izay azony nanomezana an'izany izy ireo, tao amin'ireo taona maizina, nandritry ny arivo taona izay nifehezan'ny Katolisisma an'izao tontolo izao. Ary niditra avy hatrany fotsiny izy ireo, eny na tsia. Tsy nampaninona azy ireo ny ho faty. Raha fahafatesana ilay izy, dia mety tsara izany. Nandeha izy ireo ary maty, na ahoana na ahoana. Nahoana? Ilay Fanahin'ilay taona mihitsy!

131 Izany no antony nahatonga azy ireo, izany no antony nahatonga an'i Irenée, izany no antony nahatonga an'i

Polycarpe, Jaona, Paoly, ireo lehilahy malaza sy mahery tany ireo, niady tamin'io zavatra io!

132 Nahita an'izany i Paoly. Hoy izy hoe, "Fantatro, fa aorian'ny fahalasanako, dia hiditra eo anivonareo ireo amboadia ireo, ry rahalahy, mampianatra zavatra diso, ka hampivily anareo izany." Jereo io apostoly sarotiny, kely, antitra nitsangana teo io, ny lamosiny feno dian-kapoka, ny masony mamoaka rano. Saingy izy dia afaka nijery lavitra kokoa noho ny . . . io masolavitra mandehandeha any io, izay ahafahan'izy ireo mahita roapolo amby zato tapitrisa taona hazavana an'ny hazavan'ny habakabaka. Afaka nahita hatrany amin'ny Mandrakizay mihitsy izy. Teo izy. Ary nilaza mialoha an'izany izy ka nilaza fa izany no hiseho. Ary nilaza, ihany koa, nandeha hatrany amin'ilay taona hafa ho avy. Mariho ankehitriny, teo izy.

133 Avy eo, taoriany, dia Masindahy Jaona no velona ela indrindra. Ary rehefa niezaka ny nandray an'ireo Epistily masina rehetra i Masindahy Jaona, voahosotry ny Fanahy Masina, ka nametraka azy ireo niaraka ary nanao ny Baiboly, dia ny fanjakana Romana no nahatratra azy ka nametraka azy tao amin'ny Nosin'i Patmo. Tany amin'ny Nosin'i Patmo izy nohon'ny amin'ny Tenin'Andriamanitra. Polycarpe no nanampy azy nandika an'izany.

134 Namaky aho, indray andro, ny taratasy izay nosoratan'i Maria ho an'i Polycarpe. Ary nananatra . . . tsy nananatra azy. Fa nidera azy amin'ny maha-lehilahy iray mahery fo izay afaka nampianatra sy nanaiky ny fampianaran'i Jesosy Kristy, Izay naterany, avy tamin'Andriamanitra. Naotin'i Maria manokana izay nosoratany ho an'i Polycarpe.

135 Namahanana an'ireo liona i Polycarpe, fantatrareo. Tsia, nodorana izy. Izany—tara loatra izy ireo namotsotra liona iray tao amin'ilay kianja, ary noho izany dia nopotehin'izy ireo ny efitra fandroana iray, efitra fandroana tranainy iray tany, ary nametraka azy teo amin'ny—teo amin'ny—teo amin'ny kianja ary—ary nandoro azy.

136 Ary teny amin'ny làlany, nandroso, nandeha niaraka tamin'ny lohany niondrika izy. Hoy ilay mpifehy zato Romana hoe, "Lehilahy antitra iray ianao, ary hajaina tsara. Nahoana ianao no tsy manohitra an'io zavatra io?"

137 Nanohy nijery nankany amin'ny Lanitra fotsiny izy. Ary nisy Feo iray niteny avy tany ho any. Tsy nety azon'izy ireo hoe taiza. Nanao hoe, "Polycarpe, aza matahotra. Momba anao Aho." Ah-hah. Nahoana? Nijoro niaraka tamin'ity Teny ity izy.

138 Ary rehefa nanomboka nanangona an'ireo hazo fisaka teo aminy izy ireo, mba handoro azy, dia nisy mozikan-Danitra iray nidina. Ary—ary nihira ny hira ireo antema avy tamin'ny Anjely

tany ho any. Tsy nanaketro-maso tamin'ny mpaneso mihitsy izy na indray mandeha aza.

139 Izany ireo lehilahy mahery fo. Izany ireo lehilahy izay afaka mijoro. Ireo maritiora nanerana an'ireo taona, tany, dia niaritra mafy tokoa. Saingy inona izy ireo? Teo ambanin'ny tsindrimandry izy ireo, ny Fanahin'Andriamanitra, ilay hery. Izaho . . .

140 Aza adino ity, ry fiangonana. Ary ianareo rahalahy, eo amin'ny horonam-peo, tiako ianareo handinika an'ity. Ahoana no ahafahan'ny olona hanao zavatra hafa any ankoatry ny herin'Andriamanitra izay nalefa ho azy ireo? Hametraka an'ity boaty ity eo aho, mba hanehoana an'izany. Raha mandefa Fanahy iray eo anivon'izy ireo Andriamanitra, dia izany ihany no zavatra tokana izay azon'izy ireo iasana, dia ny Fanahy izay miasa eo anivon'izy ireo. Ankehitriny dia hanaporofo aminareo isika, amin'ny alàlan'ny tantaran'ny Fiangonana, sy amin'ny alàlan'ny—ny fanokafana an'ireo Tombokase, ary ireo hery izay nalefa; ary diniho, marina tokoa, fa ilay Fiangonana no namaly an'ilay—ilay hosotra, ka tsy afaka nanao na inona na inona hafa izy ireo.

141 Ankehitriny, ny voalohany dia io liona izay nierona io, io Teny madio, tsy mifangaro io.

142 Ny faharoa, tao Tyatira, dia ny omby. Ary Izany dia—dia mavesatra entana iray . . . Bibin'ny enta-mavesatra iray. Mamelà ahy. Ary Biby fanao fanatitra iray ihany koa Izany. Ary tsy izany marina tokoa ve ilay Fiangonana mahantra, kely? Tafapetraka i Roma tany, ho an'ny arivo taonan'ny taona maizina, ary ny zavatra rehetra tsy nilaza fa an'ny fiangonana Romana dia novonoina ho faty teo no ho eo. Ary tsy maintsy niasa mafy izy ireo, nandeha nitety toerana.

143 Ianareo Maçons, hiantso ny fifantohanareo aho. Tsaroanareo ve ilay mariky ny hazo fijaliana? Ankehitriny ianareo—fantatrareo izay resahako.

144 Mariho ankehitriny. Ankehitriny, raha ianareo—raha mahamarika ianareo, izany no nitondra sy nitahiry an'ity Baiboly ity. Hitanareo? Ary tsy maintsy niasa mafy izy ireo teo anivon'ny tsirairay. Eo ianareo izao, ilay omby. Ary rehefa tonga ny fotoana . . . Novakiantsika izany omaly hariva. Hitanareo, rehefa nivoaka ilay zavatra, ka tonga ilay fanatitra, ary tsy maintsy nandeha izy ireo.

Hoy Izy hoe, "Aza manimba ny divay sy ny Diloilo."

145 Inona no nataon'izy ireo? Nandeha an-tsitrapo teo izy ireo ary maty. Tsy niraharaha izy ireo, satria ny Fanahin'ilay Fiangonana tamin'izany andro izany dia fanatitra, asa mafy. Ary nandeha malalaka mihitsy arak'izay azony nandehanana izy ireo, voahosotr'ilay Fanahin'Andriamanitra marina an'io taona io, ary maty tahaka ny mahery fo, fanatitra iray; an'alinaliny,

valo amby enimpolo tapitrisa tamin'izy ireo no eo amin'ny fitehirizana.

146 Omby, fanatitra! Oh, oadray! Azonareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena"—Mpand.] Eka. Eny àry. Ankehitriny, fanatitra, afaka niasa mafy fotsiny izany tao amin'io taona io, mba hiady amin'ilay fanoherana lehibe nandritr'io arivo taona io.

147 Ankehitriny, ny biby fahatelo izay nivoaka avy tamin'ny devoly, dia io soavaly mainty io. Hitanareo?

148 Ankehitriny, ny Zava-manan'aina fahatelo izay nivoaka, hery iray avy tamin'Andriamanitra, mba hiady aminy, mba hiady amin'ireo herin'ilay soavaly mainty; dia olona iray, fetsy, manan-tsaina, niaraka tamin'ny fahendren'Andriamanitra. Fantatrareo, ny olona no manan-tsaina kokoa, noho ny biby rehetra. Hitanareo? Manan-tsaina kokoa izy, satria afaka mametsifetsy azy izy, saiky. Fetsy izy, lalin-tsaina. Hitanareo? Ary izy . . .

149 Ilay—ilay taona, avy tamin'ilay taona maizina, nivoaka avy tao amin'ilay taona maizina ankehitriny; ankehitriny, eto amin'ity ilany hafa ity, rehefa nandeha ity soavaly mainty ity, rehefa nampandoa vola an'ireo—ireo—ireo—ireo fanatiny sy ny sisa izay nataony izy ireo. Ary ny vola fotsiny no . . . Oh, fantatrareo hoe toy ny ahoana izany.

150 Ankehitriny, ny zavatra manaraka izay nivoaka, mba hiady amin'izany, dia ilay Zava-manan'aina miaraka amin'ny tavan'olona; manan-tsaina, nianatra, lalin-tsaina, tsara, voahosotr'ilay Fanahin'io andro io. Voamarikareo ve izany? Ankehitriny, nandeha izy mba hiady aminy, niaraka tamin'ny fahaiza-manaon'ny fahendren'Andriamanitra niaraka taminy. Izany no taonan'ny fanavaozana, Martin Luther, John Wesley, sy ny sisa. Hitanareo, izany no fanavaozana. Zwingli, ary, oh, izy rehetra, Knox, Calvin, izy rehetra, hitanareo, izay nivoaka. Fahaiza-manao iray izany. Ary ankehitriny, diniho, avy tao amin'ilay taona maizina marina tokoa, avy tamin'ny fanavaozana, hatramin'io, diniho, dia fahalalin-tsainan'ny olona izany.

151 Raha hanokatra kely fotsiny ny varavarankelinareo ianareo! Mino aho fa manomboka mafana kely ny olona, hia, angamba, ato. Raha hanokatra kely fotsiny an'ireo varavarankely fotsiny ianareo! Satria, fantatro, raha mitsangana eto aho mitory teny, manomboka mafana, dia fantatro fa tsy maintsy ho izany ianareo, eo.

152 Eny, mariho, izany no fahalalin-tsainan'ny olona. Ankehitriny, azonareo ve?

153 Io biby fahatelo izay nalefan'i Satana io, izy dia lasa lalin-tsaina, ihany koa. Diniho, "Venty ny vary tritika iray fatra. Venty ny vary hordea iray fatra." Hitanareo? Oh, oadray! Hitanareo?

Ilay rafitra fahazoam-bola, ilay fahalalin-tsaina, mba hahazo ny volamenan'izao tontolo izao, sy ny harena, no nentina tao anatin'izany. Mba hanatanteraka marina tokoa izany. Izany no nanomboka nampandoa vola an'ireo vavaka. Ary ho . . . Nanao toerana iray antsoina hoe afo fandiovana, sy nivavaka mba hivoahan'ireo razambeny. Ary, oh, tsy maintsy nanolotra an'ireo entanareo sy ny zavatra rehetra ianareo, ny fanananareo. Ny fiangonana, sy ny fanjakana, dia nitovy ihany, ary ny fiangonana no naka ny fanananareo.

154 Ary tsy hitanareo ve, fa ny sasany amin'ireo evanjelista ireo, amin'izao andro izao, dia mbola manana an'ilay hosotra iray ihany foana eo amin'izy ireo? Manao an'ireo olona antitra hanome ny fisotroan-drononony, sy hanolotra ny tranony ho an'ireo zavatra sasany. Nahoana, rahalahy, izaho—tsy te-hiditra amin'izany aho, hitanareo. Fa ankehitriny dia hijanona tsara eo amin'ity aho; mijery any aoriana aho mba hahita hoe aiza no halehako. Mariho ankehitriny, ireo lehilahy ireo, miankina amin'izy ireo izany. Miankina amin'izy ireo izany. Izany—izany—tsy misy idirako amin'izany. Tompon'andraikitra ho an'Ity eto ity fotsiny aho.

155 Mariho ankehitriny, ilay—ilay Zava-manan'aina izay tonga hiady aminy, ankehitriny, dia olona. Ary fantatsika rehetra fa ity Zava-manan'aina ity, ny olona, ity herin'ny olona ity, ao amin'ny fahaizany, dia nanaiky fa io kosher izay nohazonin'i Martin Luther teny an-tànany io, rehefa niakatra an'ireo zana-tohatra ireo izy . . .

156 Hoy izy ireo hoe, "*Ity* no Ràn'i Jesosy Kristy. *Ity* no vatan'i Jesosy Kristy."

157 Ary natsipin'i Luther izany, ka hoy izy, "Mofo sy divay izany. Tsy izany no vatan'i Kristy; satria, efa nasandratra izany, ary nipetraka eto an-tànana ankavanan'Andriamanitra, manao fanelanelanana." Hitanareo, fahendrena; hitanareo, olona.

158 Ary rehefa tonga i John Wesley, taorian'ny nahatongavan'i Zwingli, sy Calvin.

159 Ary nitondra an'ilay fiangonana teo amin'ny toerana iray izy ireo, teo amin'ny fiarovana, hany ka tsy nila fifohazana intsony izy ireo. "Izay tsy maintsy ho tonga no ho tonga." Izay ihany. Ary niaina tamin'ny karazam-piainana rehetra fotsiny izy ireo. Tena nivily ilay fiangonana Loterana, sy ilay fiangonana Anglikana! Oh, oadray! Lasa lò ilay firenena manontolo, tahaka azy ankehitriny mihitsy. Nivily ireo fiangonana. Rehefa ny Mpanjaka Henri ilay—ilay VIII, ka tonga tany Angletera, sy taorian'i Maria mivoa-drà, ary ireo zavatra rehetra izay niseho ireo. Ary, tamin'izany fotoana izany, dia tena feno herisetra sy fahalòvana ny fiangonana. Maro no nihambo ny Kristianisma, nefa niaina niaraka tamin'ny vady efatra na dimy, na nanao

ny zavatra rehetra izay tian'izy ireo natao, sy fahadalana, ary fahalotoana.

160 John Wesley, teo am-pianarana ny Soratra, teo am-pandinihana an'Izany, dia voambara taminy fa ny Ràn'i Jesosy Kristy no manamasina an'ilay mpino. Ary ianareo dia . . . tsy tokony . . . Noho izany dia inona no nataony? Niditra tao amin'ny fanavaozana iray hafa izy. Namonjy an'izao tontolo izao izy tamin'ny androny, tahaka ny nataon'i Luther. Hitanareo? Inona izany? Io olona io, herin'ny Zava-manan'aina, izay nivoaka.

161 Nanome fahendrena ny olona, an'ny fahazoana, hoe diso ilay zavatra. "Tsy io no Ràn'i Jesosy Kristy. Tsy io no—no vatan'i Jesosy Kristy. Maneho an'ilay vatana io." Hitanareo?

162 Mbola fifamaliana lehibe iray eo amin'ny Katolika sy Protestanta foana izany ankehitriny. Izany ilay zavatra tokana izay tsy ahafahanareo mifanaraka izao ankehitriny izao. Ny zavatra hafa rehetra, dia afaka mifanaraka izy ireo, afa-tsy io; ireo no ananan'izy ireo ao anatin'ireo fivoriambe ireo. Mariho ankehitriny. Fa, ity, fa izy ireo—tsy mety mifanaraka izy ireo eo amin'io. [Mandondòna intelo ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Hitanareo?

163 Ilay anankiray, "Izany no Rà, ary," hoy izy, "izany dia ny Rà ara-bakiteny; ka manana fahefana hanova an'io mofo io ho ny vatan'i Kristy ara-bakiteny ny pretra." Izany no antony isian'ilay tabernakely kely, ao anatin'ilay—ilay—ao anatin'ilay fiangonana, fantatrareo. Izany no antony anaovany an'ireo marika sy karazana fanolorana mpanompo sampy iray raha mandalo izy ireo, fantatrareo, ary manondrika ny tenany, sy manainga ny satrony, sy ny sisa. Tsy ho noho ilay tranobe izany; izany dia noho io kosher io izay ao anatin'ilay—ilay tabernakely. Ary mariho hoe toy ny ahoana no nanaovan'i Satana an'izany tamim-pahalalinan-tsaina!

164 Fa, hitanareo, tamin'io fotoana io, teo amin'ny tenan'ny olona, hitanareo, dia nametraka Fanahin'ny fahendrena iray teo amin'ny olona Andriamanitra, mba hahazo fa diso izany. Ankehitriny, izany dia mba iadiana amin'ilay biby fahatelo, izay nanao an'ilay fiangonana ho tena lò, izay notaingenany, ka nahatsiravina izany. Ireo mpanavao, inona no nataon'izy ireo tamin'izany, ireo izay tao amin'ny taonan'ireo mpanavao? Nitondra an'ilay Fiangonana izy ireo, avy tamin'ny fotoam-pivavahany manompo sampy, niverina tamin'Andriamanitra indray. Hitanareo? Izany no antony nivoahan'ilay Zava-manan'aina, io fahaiza-manaon'ny olona io, ilay mpitaingina, mba hanao an'izany.

165 Ankehitriny, fa, vakio ankehitriny ny andininy 3 ary . . . na, Apokalypsy 3:2, iray minitra fotsiny. Ankehitriny, noraisiko naoty eto izany ho an'ny antony iray. Ankehitriny ity dia,

tonga ankehitriny, ny taonan'i Loterana, ao amin'ny taonan'ireo mpanavao, ny Apokalypsy 3:2.

166 Ny nataon'izy ireo, dia nandrafitra izy ireo. Vantany vao nanomboka ny fiangonany i Luther, dia narafitr'izy ireo izany. Eny àry, ilay zavatra iray ihany no nataon'i Wesley. Ilay zavatra iray ihany no nataon'ny Pentekosta, marina tokoa, mandrafitra an'izany. Ary inona no ataon'izy ireo? Maka an'ilay rafitra iray ihany izay avy nivoahany izy ireo. Hitanareo?

167 Diniho ity ankehitriny, Apokalypsy, miresaka ny amin'ity fiangonana Sardisy ity. "Ho an'ny anjelin'ny fiangonana," ny andininy faha-1 izany, mazava ho azy. Hitanareo? Eny àry.

Miambena, ka aoreno ireo zavatra izay tavela,

168 Izany hoe, "Ny Teny izay efa nampianarina anao," hitanareo, "ireo zavatra izay tavela."

. . . izay saiky maty:. . .

169 Vonona teo no ho eo izy hiditra indray ao anatin'ny rafi-pandaminana iray tahaka an'ilay fiangonana Katolika izay vao avy nivoahany mihitsy. Hitanareo?

. . . satria tsy nisy hitako tanteraka ireo asanao eo anatrehan'Andriamanitra.

170 Eo ianareo izao. Io ilay. . . Io izy mandeha, miverina avy hatrany indray. Tsy hitanareo ve hoe nahoana no diso ireo rafitra ara-rafi-pandaminana? Iza no nanomboka an'izany? Andriamanitra ve? Ireo apostoly ve? Ny fiangonana Katolika Romana no nanomboka an'izany. Ankehitriny dia avelao fotsiny ny mpahay tantara iray hilaza hafa. Tsy ao izany. Izy ireo dia, milaza izy ireo fa izy ireo no renim-piangonana, ary izany izy ireo. Saingy mandrafitra an'ilay zavatra izy ireo, ary mametraka rafitra iray, miaraka amin'ny lehilahy ho lohan'izany. Fa isika tsy naka lehilahy anankiray, tahaka ny nataon'izy ireo; isika dia naka vondron-dehilahy iray manontolo, nametraka azy ireo miaraka, ary amin'izay fotoana izay dia manana fifanjevoana iray marina tokoa ianareo. Marina izany. Ahoana no ahafahan'ny vondrona iray, na ahoana na ahoana?

171 Mitovy mihitsy ilay izy, mihevitra isika fa tsara ny demokrasia. Mino aho fa izy dia tsara, ihany koa, saingy tsy hety tsara mihitsy izany. Tsy mety izany. Miaraka amin'ny andiana Ricky eto izay mitondra azy, dia ahoana marina no hampandehananareo tsara an'izany? Tsy afaka ianareo. Mariho, ny tena zavatra dia mpanjaka iray araka an'Andriamanitra.

172 Mariho ilay Zava-manan'aina, ilay Zava-manan'aina fahatelo, ankehitriny, dia ny fahaiza-manaon'ny olona. Ary naneho an'ireo mpanavao izay nivoaka izy.

173 Avy amin'ny sampy, naka, nanao hoe, "*Ity* no mofo." [Mitehaka ny tànany miaraka in-efatra Rahalahy Branham—Mpand.] "*Ity* no divay." [Mitehaka ny tànany miaraka

indroa Rahalahy Branham.] Hitanareo, mbola manana zavatra izay maneho ny Kristianisma foana ilay antikristy. Tsy maintsy manana izy, satria izy dia "manohitra," hitanareo. Ary avy eo, raha tsy maintsy hanohitra zavatra iray izy . . .

174 Ankehitriny, raha tonga teo izy, nanao hoe, "Oh, izaho dia Bouddha iray." Eny, tsy mahavita na inona na inona izany. Manao an'izany izy rehetra. Mpanompo sampy iray fotsiny izany, eo ampanombohana.

175 Fa fetsy ilay antikristy. Manana ny karazan-javatra rehetra izay maneho ny Kristianisma izy eo. Izao fotsiny, mitondra an'ilay izy eo amin'ny lafiny hafa, zavatra manohitra an'ilay Foto-pampianarana tany am-boalohany an'Izany. Hitanareo, izany no manao azy ho antikristy. Hitanareo?

176 Noho izany, ireo mpanavao, rehefa nivoaka ilay Zava-manan'aina tao amin'ny endriky ny—an'ny olona iray, mba hiady amin'izany!

177 Ankehitriny, dia aza adino izany, ry kilasy! Aza adino izany! [Mandondòna in-efatra ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Hitanareo? Tsarovy Izany, mandritry ny androm-piainanareo rehetra! Hitanareo? Marina ireo Zava-manan'aina ireo. Izany no HOY NY TOMPO HOE. Hitanareo?

Mariho, ny fanompoan-tsampy no nitondra ny . . .

178 Ilay Zava-manan'aina olona dia nivoaka niaraka tamin'ny herin'Andriamanitra, tamin'ny fahendrena izay nomen'Andriamanitra azy, ary nitondra an'ilay Fiangonana avy tamin'ny fanompoan-tsampy, niverina tamin'Andriamanitra. Fa tao amin'ny . . .

179 Hitantsika, tao amin'io taom-piangonana iray io ihany, rehefa nanomboka nanao anaram-piangonana izy ireo, mba hanao an'ilay zavatra iray ihany izay nataon'izy ireo tany amin'ny voalohany, izay nataon'i Roma, dia hanao zanakavavy ho an'io fiangonana io izy ankehitriny. Ary inona no lazainy?

180 Hoy izy, "Ankehitriny satria ianao dia . . . Tsy nahita anao tanteraka aho. Ary tsy maintsy mampahery an'io hery kely izay navelanao io ianao." Ankehitriny dia henoy Izy mampitandrina azy ireo, ao amin'ny Apokalypsy indray, 3:3. Ndao isika haka . . . Eny, mino aho fa namaky azy, minitra vitsy lasa fotsiny izay.

Tsarovy tamin'ny *nandraisanao sy nandrenesanao, ary mihazòna mafy, ka mibebaha.*

181 Izao fotsiny, amin'ny teny hafa dia hoe, "Tsarovy fa nivoaka avy tao amin'io fahalòvana io ianao." Hitanareo? Ary jereo eto.

. . . *Koa raha* tsy *hiambina ianao, dia ho tonga* eo *aminao tahaka ny mpangalatra aho,* (ah-hah), *ary ianao* dia hahafantatra . . . *ary ianao dia* tsy *hahafantatra izay ora hahatongavako eo aminao.*

182 Mitohy midina, hamindra an'ilay fanaovan-jiro Izy, hitanareo. Noho izany, dia izay ilay izy. Inona izany? Ilay Hazavan'ny Fiangonana.

183 Ary niditra avy hatrany tao amin'ilay rafitra ara-rafi-pandaminan'ny aizin'ny mpanompo sampy izay nivoahany izy, ary mijanona eo izy androany, miaraka amin'ny olona mahitsy fo izay mihevitra fa izany no Fahamarinana, mitovy amin'ireo Katolika mihitsy. Ary ireo Protestanta dia maneso ny Katolika; nefa, izany no enina amin'ny anankiray, ary antsasaky ny roa ambin'ny folo amin'ilay hafa, marina tokoa, araka ny Teny. Fahendren'ny olona!

184 Mariho ankehitriny. Oh, toy ny ahoana no itiavako an'Ity! Henoy Izy ankehitriny mampitandrina azy ireo. Ankehitriny, ankehitriny isika . . . Manaiky tanteraka ve ianareo, ny tsirairay avy aminareo? Ankehitriny, raha tsy manaiky ianareo, dia manorata fanontaniana iray ho ahy. Fa, ireo Zava-manan'aina ireo dia voatondro marina tokoa tao amin'ny taona tsirairay, tahaka ny nanondroan'ny Baiboly azy ireo eto. Izany marina tokoa no nataon'izy ireo tany. Ny tantara dia maneho an'izay nataon'izy ireo. Mijery eto mihitsy isika ka mahita an'izay nataon'izy ireo.

185 Ary eto, ireo Zava-manan'aina, izaho—izaho—tsy fantatro mihitsy izany tany aloha. Nipetraka teo fotsiny aho. Afaka nahita an'izany nihetsika mihitsy aho tany, mitovy aminareo mijery ahy mihitsy. Hitanareo? Ary tsy maintsy marina izany, satria eto mihitsy izany miaraka amin'ny Baiboly. Noho izany dia ahoana no hanaovanareo zavatra hafa afa-tsy ny milaza fa marina izany? Mariho.

186 Ankehitriny, ilay Zava-manan'aina fahefatra, izay nalefa mba hiady amin'ilay antikristy, ao amin'ity Zava-manan'aina farany ity. Vonona ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ny Zava-manan'aina farany izay nalefa, na ilay hery farany mba hiady amin'ilay antikristy izay nanohitra ny Fampianaran'Andriamanitra, ilay antikristy, dia voromahery iray. Hitanareo? Ilay Zava-manan'aina velona dia voromahery iray. Ankehitriny, ianaro fotsiny ireo taona, ianaro ireo Soratra. Izany dia ny voromahery! Ary ao amin'ny Baiboly, ilay taona farany dia taonan'ny voromahery iray. Ary Andriamanitra dia mampitovy ny voromahery amin'ireo Mpaminaniny. Hitanareo? Izany . . . Diniho ankehitriny. Ilay taona farany, ilay taonan'ny voromahery, mpa—mpanambara iray an'ny Teny marina. Hitanareo?

187 Alohan'ny idiran'Andriamanitra eo amin'ny hetsika, tahaka ny Nataony tamin'ny andron'i Noa, dia nandefa voromahery iray Izy. Rehefa nitondra ny Isiraely Izy, ka vonona ny handeha ny tafik'i Farao, dia nandefa voromahery iray Izy. Isan'andro,

dia mandefa voromahery iray Izy amin'ny farany, amin'ny fiafaran'ilay izy.

188 Ary eto Izy dia mandefa voromahery iray, indray. Araka ny Teny marina tokoa izany. Noho izany dia ahoana no ahafahanareo hanao an'izany ho zavatra hafa? Maniraka voromahery iray, (nahoana?) mpanambara iray an'ny Fahamarinana izay very nanerana ny taona rehetra.

189 Noho izany dia ahoana marina no ahafahan'ny—ny omby, na ny—na ny olona, na Zava-manan'aina inona izay nandeha, ahoana no hany ahafahan'izany ho voambara raha tsy tonga ilay voromahery? Nanana ny toerany izy ireo; izy ireo dia Zava-manan'aina masina, nirahina, tahaka ny olon-kafa rehetra mihitsy.

190 Ny liona, izany no tany am-boalohany. Teo no nivoahan'ilay antikristy ho amin'ny—ho amin'ny ady.

191 Avy eo dia nanangana hery hafa iray izy; Izy dia nandefa hery iray hihaona aminy.

192 Avy eo dia nanangana hery hafa iray izy; Izy dia nandefa hery hafa iray hihaona aminy.

193 Ary avy eo tao amin'ilay hery farany, dia nampidina an'ilay voromahery Izy, "Mba hamerina an'ireo zanaka hiverina amin'ilay Finoana tany am-boalohany indray, an'ireo rainy." Ilay taonan'ny voromahery! Avy eo, raha mahamarika ianareo, dia tsy misy Zava-manan'aina intsony. Izany no faran'izy rehetra. Izany no farany. Ankehitriny, raha ho raisinareo ankehitriny ny Apokalypsy 10:1, 7. Efa nanondro an'izany aho. Tsarovy, ao amin'ny taonan'ilay iraka farany, hitanareo, dia inona no tsy maintsy nitranga? "Ho voambara ireo zava-miafin'Andriamanitra rehetra." Ny voromahery! Amena!

194 Ankehitriny dia hitanareo ireo biby efatra izay nandeha. Marina tanteraka tokoa izany. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary ankehitriny dia io ny taona tsirairay, na ny hery tsirairay izay nandeha taoriany. Ary io ny Soratra izay maneho an'izay nataon'ilay mpitaingin'ny fahavalo. Voambara ao amin'ireto Tombokase ireto izany. Ary voambara ihany koa ankehitriny fa ny Zava-manan'aina tsirairay, ny hery izay nalefan'Andriamanitra, mba hiady aminy, dia mifanaraka marina tokoa hatrany amin'ny teboka, hatrany amin'ny fotoan'ny voromahery. Ankehitriny, raha ity no fotoana farany, dia ho tonga ny voromahery iray, marina, ary ho an'izany. Ankehitriny, tsarovy.

195 Ankehitriny, tamin'ny andro nahatongavan'ny liona, ny Teny tany am-boalohany, dia teo amin'ny iray ampaha-zaton'izy ireo no nihaino an'ilay liona.

196 Tamin'ny andro izay ny—nahatongavan'ny omby, dia ampahany bitika kely tamin'izy ireo no nihaino an'ilay hafatry ny omby.

197 Tamin'ny andro izay ny—nahatongavan'ny olona, dia niasa teo anivon'ireo olona izy, hitanareo, noho izany dia lalin-tsaina Izy. Izy dia nanana vondrona kely iray nivoaka.

198 Ary inona no nataon'izy ireo? Hitan'i Satana izany, noho izany dia mandefa azy ireo miverina avy hatrany izy ary mampanambady azy ireo ao amin'izany.

199 Ary tsarovy, rehefa tonga ilay voromahery amin'ny farany, dia ho iray ampaha-zaton'ny iray isan-jato no hihaino. Taonan'ny voromahery iray izany. Tsarovy, ireo mpitaingina rehetra ireo no . . . Ary avy eo dia Jesosy mihitsy aza no nilaza mialoha hoe, "Raha tsy nanafaingana Ny Fihaviany Izy, dia tsy ho nisy nofo iray, mihitsy, novonjena ho an'ny Fampakarana." . . . ? . . . Izany ve ny Soratra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hitanareo hoe aiza no misy antsika arak'izany, sa tsy izany, rahalahy sy anabavy? ["Amena."] Hitanareo ve hoe aiza no misy antsika?

200 Andriamanitra, tena faly aho, izaho—izaho—tsy fantatro izay atao! Fa izaho . . . Izao dia tsy hoe mitsangana eto fotsiny aho mba—mba hiresaka. Izaho dia ato anatiny ato, ihany koa. Izaho, eo anivonareo aho. Hitanareo, izaho, izaho Izany. Manana fianakaviana aho. Ary manana rahalahy sy anabavy izay tiako aho. Ary ilay Andriamanitry ny Lanitra, dia tena tsara fanahy ka nidina sy—sy nanambara an'io zavatra io, tamin'ny alàlan'ny Azy Manokana . . . tamin'ny alàlan'ireo fahitana izay voaporofo nandritry ny telopolo taona, fa izany no Fahamarinana. Eto isika. Isika dia . . . Tonga isika. Izay ihany. Nanaporofo an'Izany ny fikarohana siantifika. Nanaporofo an'Izany ny fanamarinan'ny Teny. Ary eto isika! Ary ity Fanambarana ity dia avy amin'Andriamanitra, ary Izany no Fahamarinana!

201 Naharay zavatra ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Manontany fotsiny aho raha nahazo ianareo. Hitanareo? Eny, tompoko. Mety tsy mila miteny aminareo aho arak'izany, amin'ny Alahady. Mariho. Mariho. Mahafinaritra! Ankehitriny, ankehitriny, mariho ankehitriny.

202 Ary noho izany tamin'ny—ny fotoana izay hanafahan'Andriamanitra an'izao tontolo izao talohan'ny safo-drano, dia nandefa ny voromahery Izy.

Ary tamin'ny fotoana izay Hanafahany an'ny Isiraely, dia nandefa ny voromahery Izy.

203 Mino ve ianareo fa amin'ny fotoana, na dia tamin'i Jaona aza, tao amin'ny Nosin'i Patmo, dia tena tanteraka io Hafatra io ka tsy afaka nanankina an'Izany tamin'ny Anjely iray Izy? Fantatrareo, ny anjely iray dia iraka iray. Fa fantatrareo ve hoe mpaminany iray ilay iraka? Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny

fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ndao porofointsika izany. Apokalypsy 22, ndao isika hijery raha voromahery iray izany. Hia. Hitanareo, izy dia ny . . . Azo antoka, anjely iray, izy no ilay iraka, saingy mpaminany iray no nanambara an'ity Bokin'ny Fanambarana iray manontolo ity taminy.

204 Apokalypsy, ny toko faha-22 ary ny andininy faha-19, mino aho fa marina izany raha voaraiko naoty eto izany . . . 22:19, mety ho diso aho. Tsia. [Hoy ny olona iray hoe, "Izany dia 22:9, angamba."—Mpand.] 22:9, izany ilay izy. Nijery ny 22:9 aho. Marina izany. Oh, eny, ity.

> *Dia* hoy *izy* tami*ko, Hitanao aza manao an'izao ianao: fa izaho dia isan'ireo* mpanompo namanao, *sy isan'ireo mpaminany rahalahinao, . . .*

205 Diniho izay hitan'i Jaona eto.

> *. . . izaho Jaona dia nahita an'ireo zavatra ireo, ary nandre azy ireo.*

206 Ankehitriny dia mamarana izy. Ity no toko farany.

> *. . . Ary izaho rehefa . . . nandre sy nahita, dia niankohoka mba hivavaka teo anoloan'ny tongotr'ilay anjely izay* naneho an'ireo zavatra ireo, *izay* naneho *tamiko an'ireo zavatra ireo.*

207 Ary, "izy," tamin'io fotoana io, "ilay anjely," hitanareo.

> *Tamin'izay fotoana izay dia* hoy *izy* tamiko hoe, *Hitanao aza manao an'izao ianao: . . .*

208 Tsy misy mpaminany marina hivavahana, na ny karazana iraka rehetra, hitanareo. An'Andriamanitra irery izany.

> *Tamin'izay fotoana izay dia* hoy *izy tamiko hoe, Hitanao aza manao an'izao ianao: fa mpanompo namanao aho, sy isan'ireo mpaminany rahalahinao, ary isan'ireo* izay *mitandrina ny tenin'ity boky ity: Andriamanitra no ivavaho.*

209 Hitanareo? Ankehitriny, tena zava-dehibe ilay Boky, fa, Izany no Tenin'Andriamanitra. Diniho ankehitriny. Ary rehefa entina ny Tenin'Andriamanitra, dia tsy maintsy entin'ny mpaminany Izany, satria izany no ahatongavan'ny Tenin'Andriamanitra.

210 Manantena ny hahazo fanontaniana iray eo amin'izany aho, ato—ato anatin'ity boaty eto ity. Nihevitra aho fa hisongona azy ireo fotsiny eo amin'izany, kely fotsiny, fantatrareo. Tsapako fotsiny fa misy anankiray tahaka an'izany ao, izay ihany. Izaho—nihevitra fotsiny aho fa hamaly an'izany, hitanareo. Hitanareo?

211 Ny Tenin'Andriamanitra tsirairay dia entina. Ny Baiboly dia tsy manova an'ilay rafitra, mihitsy, hitanareo. Ilay zavatra iray ihany izany. Izany dia tsy maintsy tonga amin'io mpahita

izay antenaintsika ho tonga io, mariho ankehitriny, Apokalypsy 10:1, 7.

212 Ankehitriny dia ndao isika hamaky ny—ny andininy faha-9 indray. Ankehitriny isika dia . . . isika . . . Ankehitriny, alohan'ny handehanantsika eo amin'io andininy io, dia te-hanontany zavatra iray aminareo aho.

213 Mahita, tanteraka tokoa ve, ianareo alohan'ny ialantsika amin'ireto Tombokase ireto? Tsarovy ankehitriny, tsy misy hery mivoaka intsony aorian'io voromahery io, hitanareo, tsy misy intsony. Isaky ny nandefa zavatra iray ilay antikristy, dia nandefa hery iray Andriamanitra. Nandefa hery hafa iray ilay antikristy; nandefa zavatra iray hiady amin'izany Andriamanitra. Avy eo dia nandefa hery iray hafa izy; nandefa zavatra iray hiady amin'izany Andriamanitra. Hitanareo? Ary avy eo rehefa tonga teo amin'ilay voromahery Izy, dia Ny Teniny izany, niverina tahaka Azy tany amin'ny voalohany.

214 Diniho ankehitriny. Ilay mpaminany izay andrasantsika ho tonga io ve, tsy lehilahy iray voahosotry ny—ny Fanahy tahaka an'i Elia? Tsy ho Elia izany, mazava ho azy. Fa ho lehilahy iray, tahaka an'io, no ho tonga. Ary ny tena asam-panompoany dia ny handefa, hamerina indray, ho an'io vahoaka lavo nanerana an'ireo fanodinkodinana ara-anarampiangonana ireo io, hiverina amin'ny Finoan'ireo ray tany amboalohany. Ankehitriny, raha tsy izany no mamatotra an'ity Baiboly ity miaraka, dia izaho—tsy fantatro izay ataony. Izaho—izaho—tsy afaka milaza mihoatra mikasika an'izany intsony aho, satria izay ilay izy. Tonga fotsiny ianareo. Izany no Fahamarinana. Raha manaisotra zavatra iray avy eo ianareo, dia manodina azy. Hitanareo? Noho izany, izany, tsy maintsy ho tahaka an'izany ilay izy.

215 Mariho ankehitriny, ankehitriny, ao amin'ny andininy faha-9, "Ireo fanahy eo ambanin'ny alitara." Ankehitriny, eto no hahazoako tena tsy fifanarahana sasantsasany. Saingy diniho fotsiny iray minitra fotsiny. Ary izao fotsiny . . . Hitanareo? Izaho dia nihevitra an'izany, ihany koa, saingy tsy tahaka an'izany no nahatongavany. Isika dia manana . . . Nihevitra foana aho fa ireto fanahy eo ambanin'ny alitara ireto dia ireo—ireo—ireo maritioran'ilay Fiangonana voalohany. Ary azoko antoka fa, eny, Dr. Uriah Smith, sy ny tsirairay avy amin'izy ireo, dia milaza fa izany ilay izy. Hitanareo? Fa, nihevitra toy izany koa aho, ny tenako. Saingy rehefa naneho ny fahitana ny amin'izany ny Fanahy Masina, dia tsy izany ilay izy; tsy izany ireo fanahy ireo.

Ankehitriny, ankehitriny hoy ianareo hoe, "Eny, ankehitriny, tsy fantatro ny mikasika an'izany."

216 Eny, ankehitriny, iray minitra fotsiny, hahita isika. Jereo. Ireto dia tsy ireo fanahin'ilay—an'ilay Fiangonana Ampakarina,

tsia mihitsy. Nihevitra isika fa izany dia ilay Fiangonana Ampakarina izay niandry any, ireo fanahy eo ambanin'ny alitara, hitanareo, miantsoantso hoe, "Mandra-pahoviana, Tompo, mandra-pahoviana?" Mamelà ahy hamaky an'izany indray ankehitriny, mba hahazoantsika azy tsara.

> *Ary rehefa novahany ny tombokase fahadimy, dia hitako teo ambanin'ny alitara ny fanahin'ireo izay novonoina nohon'ny tenin'Andriamanitra, sy nohon'ny filazana izay nohazonin'izy ireo:*

217 Hitanareo, "Ny Tenin'Andriamanitra, sy ny filazana izay nohazonin'izy ireo." Ankehitriny, aza—aza mihetsika eo. Iray minitra fotsiny, hitanareo.

> *Ary niantsoantso izy ireo . . . Mandra-pahoviana, . . . Tompo,* mandra-pahoviana? . . . (hitanareo?) . . . *masina sy marina, ianao no . . . hitsara sy hamaly ny ràny amin'ireo izay monina eny ambonin'ny tany?*
>
> *Ary nomena akanjo fotsy* ny *tsirairay avy tamin'izy ireo; ary nolazaina* tamin'*izy ireo, fa tsy maintsy mbola miala sasatra mandritry ny vanim-potoana kely izy ireo, mandra-panao an'ireo mpanompo namany ihany koa sy—sy . . . ireo rahalahiny, izay tsy maintsy ho vonoina tahaka azy ireo, tsy maintsy ho tanteraka.*

218 Ankehitriny, satria izy ireo, tamin'ity fotoana ity, raha mahamarika ianareo, rehefa nosokafana ity Tombokase Fahadimy ity, hitanareo, dia efa lasa ilay Fiangonana. Izany dia tsy mety mihitsy, ireo fanahy eo ambanin'ny alitara ho ilay—ilay Fiangonana voalohany.

219 Ankehitriny, ankehitriny, azafady, raha mba hanome ny fifantohanareo amin'ity ianareo ankehitriny, satria ity dia adi-hevi- . . . adi-hevitra iray lehibe, noho izany dia tiako ianareo hihaino tsara ankehitriny. Ary manana ny taratasinareo ianareo, sy ny sisa mba hanoratana. Ankehitriny, tiako ianareo hanamarika.

220 Ankehitriny, ireto dia tsy mety ho ireo fanahy ireo. Satria, ireo—ireo fanahin'ireo—an'ireo marina, natao maritiora, sy ireo olo-marina, ilay Fiangonana, ilay Ampakarina, dia efa nakarina, noho izany dia tsy ho eo ambanin'ny alitara izy ireo. Ho any amin'ny Voninahitra izy ireo, miaraka amin'ny Ampakarina. Diniho ankehitriny. Satria, lasa ao amin'ny Fampakarana izy ireo, ao amin'ny toko faha-4-n'ny Apokalypsy. Nakarina izy ireo.

221 Ankehitriny, dia iza ireto fanahy ireto, arak'izany? Izany ilay zavatra manaraka. Iza izy ireo, arak'izany, raha tsy ilay Fiangonana voalohany izy ireo? Ity dia Isiraely izay ho vonjena amin'ny maha-firenena iray, ireo rehetra izay voafidy mialoha. Isiraely io. Isiraely io, izy tenany.

222 Hoy ianareo hoe, "Oh, andraso iray minitra." Hoy ianareo hoe, "Tsy afaka izy ireo." Oh, eny, ho vonjena izy ireo.

223 Indro, ndao halamintsika izany, iray minitra fotsiny. Manana Soratra efatra aho na dimy. Haka anankiray aho. Ndao alaintsika ny Romana, iray minitra fotsiny, dia hahita raha izany izy ireo. Ndao alaintsika ny Bokin'ny Romana, ka handeha ao amin'ny—ny toko faha-11-n'ny Romana, dia ho hitantsika. Izao fotsiny. . . Ndao vakiantsika fotsiny izany, ary avy eo dia hahazo an'izany amin'ny alàlan'ny tenantsika isika. Romana, ny toko faha-11, ny andininy faha-25 sy faha-26. Ankehitriny dia henoy i Paoly eto.

224 Ary hoy i Paoly hoe, "Raha misy olon-kafa iray, na dia Anjely iray aza, nitory filazantsara hafa," (inona?) "dia ho voaozona izy." Diniho.

> *Fa tsy tiako, ry rahalahy, ho tsy hahafantatra* ianareo *ny amin'*ny *zava-miafina* (ah!), *fandrao hanao anareo ho hendry ianareo amin'ny* fireharehanareo *manokana* (eo ianareo izao); ny *fahajambana dia mitranga amin'ny sasany amin'ny Isiraely, mandra-pahatongan'ny* famenoana, *fahafenoan'ny Jentilisa hiditra*.

225 Mba hahatafiditra an'ilay Ampakarina Jentilisa farany, ho ny Ampakarina, dia tonga tamin'ny Isiraely ny fahajambana ho an'io tanjona io.

> *Ary mba hamonjena ny Isiraely rehetra: araka ny voasoratra hoe, Hivoaka avy any Ziona* ny *Mpanafaka, ary hampiala ny faharatsiam-panahy* amin'i *Jakoba:*

226 Marina! Ankehitriny, Isiraely izy ireo, izay eo ambanin'ity alitara ity. Diniho. Nohajambaina i Isiraely ho an'ilay tena tanjona hahavoavonjy antsika. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ankehitriny, iza no nanajamba azy ireo? Andriamanitra. Nanajamba ny Zanany Manokana Andriamanitra.

227 Tsy mahagaga, Jesosy, nitsangana teo amin'ny hazo fijaliana, ary nihorakoraka ny amin'Ny Ràny ireo Jiosy! Zanany Manokana ireo. Ary Izy no Soratra. Izy dia, Izy tenany, ny Teny. Ary eto, mahafantatra Izy fa handray Azy am-pifaliana ireo olona ireo! Ary izany no antony Nanajambany azy ireo, mba tsy hahafantaran'izy ireo Azy. Tonga tamin'ny fomba manetry tena iray Izy, ary nanajamba azy ireo tamin'izany, mba tsy handraisan'izy ireo an'izany. Hitanareo? Ny Soratra no nilaza fa hanao an'izany izy ireo. Ary nanajamba Izy. Nohajambaina! Nalahelo azy ireo Jesosy, betsaka mihitsy aza, hany ka hoy Izy hoe, "Ray, mamelà azy ireo. Tsy fantatr'izy ireo izay ataony." Hitanareo? Jamba izy ireo. Nilaza i Paoly fa jamba izy ireo ho an'ny antony iray, ho antsika.

228 Mariho. Ankehitriny dia tiako ianareo handinika tsara an'ity. "Nomena akanjo izy ireo." Tsy nanana an'ireo izy ireo.

Nomena akanjo izy ireo, akanjo fotsy, ny tsirairay avy tamin'izy ireo. Ankehitriny, ireo olo-masina dia manana ankehitriny, efa manana anankiray; mandray an'izany izy ireo eto. Fa, teo, "Nomena akanjo izy ireo." Fa ireo olo-masina dia efa nahazo ny azy, ary efa lasa. Hitanareo? Hitanareo? Izy ireo dia tsy—tsy nanana . . .

229 Izy ireo, hitanareo, tsy nanana anjara iray izy ireo, satria nohajambain'Andriamanitra, ny Rain'izy ireo manokana; mba ahafahan'ny fahasoavan'Andriamanitra ho tanteraka, mba ahafahan'ny Ampakarina ho alaina avy amin'ireo Jentilisa. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe "Amena."—Mpand.]

230 Mamelà—mamelà ahy haneho aminareo tandindona iray tsara tarehy eto ao amin'i Josefa; Josefa, ilay lehilahy ara-Panahy, ilay voromahery. Teraka teo anivon'ireo rahalahiny izy, tahaka an'ilay tena Fiangonana teo anivon'ilay hafa. Ary afaka nandika nofy sy nahita fahitana izy. Ary nankahala azy ny sisa tamin'izy ireo. Ny rainy tia azy.

231 Mariho, avy eo, dia voaroaka izy, noroahin'ireo rahalahiny, fa tsy ny rainy. Voaroaka, an'ireo rahalahiny, ary namidy saiky volafotsy madinika telopolo. Natsipy tao anatin'ny lavaka iray, ary noheverina ho faty.

232 Nakarina, ary nipetraka teo an-tànana ankavanan'i Farao. Ary satria voaroakan'ireo rahalahiny izy, hitanareo, dia nomena ampakarina Jentilisa iray izy, fa tsy avy tamin'ny vahoakany manokana. Avy tamin'io, no niterahany an'i Efraima sy Manase, izay nanampiana tao amin'ny Isiraely.

233 Tahaka ny nitsofan'i Isiraely rano azy ireo, tamin'ny fampifamadihana ny tànany, avy tamin'ny zandriny indrindra nankany amin'ny zokiny indrindra, nampifamadika an'ireo tso-drano avy tamin'ny Jiosy, niverina . . . na avy tamin'ny Jiosy nankany amin'ny Jentilisa. Hitanareo? Nampifamadika ny tànany, nankeo amin'ilay zanaka zandriny, dia ilay Fiangonana zandriny ho avy. "Ilay—nitsangana tao amin'ny masoandro ilay renim-piangonana; niteraka an'io zazakely io izy." Ary mariho, mba hahazoana azy, dia nampifamadika ny tànany i Isiraely, ao amin'ny tandindona. Ary Josefa . . .

Ireo zanaka iray ihany, dia nanana reny Jentilisa iray.

234 Ilay ampakarina an'i Isiraely, tany, dia lasa nifamadika, avy tamin'ilay Ortodoksa fahiny, nankany amin'ny fomba Kristiana, tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina izay nampifamadika ny tànan'i Isiraely. Hoy izy hoe, "Andriamanitra no nampifamadika ny tànako." Tsy nisy nidirany tamin'izany.

235 Mariho. Tamin'izay fotoana izay, Josefa, izay nolavin'ireo rahalahiny manokana, ny vahoakany manokana, dia naka ampakarina Jentilisa iray. Izay nataon'i Jesosy marina tokoa; nolavin'ireo Jiosy, naka Ampakarina Jentilisa iray.

236 Ankehitriny dia ndao isika hamaky zavatra iray eto. Manana Soratra iray voaray naoty aho, Asa 15. Ary, oh, ity dia natao hampianarantsika an'izany kely fotsiny, na ahoana na ahoana. Ankehitriny, mino aho fa manana an'ity marina, vakio ny Asa 15:14. Eny àry. Manantena aho fa marina ity ankehitriny. Eny àry. "Simeona no nanambara hoe ahoana Andriamanitra . . ." Tsia, ndao isika hanomboka amin'ny andininy faha-13.

Ary rehefa avy nihazona ny filaminany izy ireo, dia namaly i Jakoba, . . .

237 Ankehitriny, hitanareo, ny nitranga, dia nandeha nankany amin'ny Jentilisa izy ireo. Hitanareo? Ary nandeha ny fifamaliana, satria Jiosy izy ireo. Hitanareo?

Ary rehefa avy nihazona ny filaminany izy ireo, dia namaly i Jakoba, nanao hoe, Ry lehilahy sy rahalahy, henoy aho:

Simeona (Simona Petera izany) dia *nilaza hoe toy ny ahoana ny namangian'Andriamanitra ny Jentilisa tamin'ny voalohany, mba haka avy amin'izy ireo olona nohon'ny anarany.*

238 Hah! Hitanareo, ny anaran'ny vadiko dia Broy. Rehefa naka azy aho, dia Branham iray izy. Hitanareo?

239 Jesosy dia maka Ny Fiangonany avy ao, na Ny Ampakariny, avy amin'ny Jentilisa. Izany no Soratra, natao tandindona, tahaka an'i Josefa mihitsy.

240 Ankehitriny dia mariho ity, ankehitriny, ireo fanahy ao ambanin'ny alitara. Eny, ny . . . ity, "Ireo fanahy," azontsika ankehitriny, "izay eo ambanin'ny alitara," nahoana izy ireo no nataon'ireo lehilahy mpanota maritiora tahaka an'i Eichmann. Hitanareo? Manohy mihazona izy ireo, an-tapitrisany amin'izy ireo, hitanareo, saingy mijanona ho Jiosy izy ireo.

241 Ankehitriny, tsarovy. Inona izany? "Novonoina nohon'ny amin'ny Tenin'Andriamanitra izy ireo," fa tsy nohon'ny filazana an'i Kristy. Azonareo ve izany?

242 Fa, tsarovy, ilay Fiangonana dia miditra, ihany koa, ireo maritioran'ilay Fiangonana, dia nohon'ny Tenin'Andriamanitra sy ny filazana an'i Jesosy Kristy. Firy no mahafantatra an'izany, eto amin'ny . . . [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hia. Eny àry.

243 Ankehitriny, fa ireto dia tsy nanana ny filazana an'i Jesosy Kristy.

. . . nohon'ny Tenin'Andriamanitra, sy nohon'ny filazana izay nohazonin'izy ireo:

244 Ireo Jiosy! Ary nankahala azy ireo i Hitler, toy izany koa i Eichmann, toy izany koa i Staline, ny sisa rehetra amin'izao

tontolo izao. Hitanareo? Saingy nijanona marina teo amin'izay ninoany izy ireo. Ary novonoiny izy ireo satria Jiosy.

245 Efa fantatrareo ve fa i Martin Luther dia nanana kely an'ilay hevitra iray ihany, ihany koa? Izany no fahamarinana. Hoy izy hoe, "Tokony ho esorina ireo Jiosy rehetra. Antikristy izy ireo." Hitanareo? Fa teo ambanin'ny fizaram-potoana hafa iray fotsiny izy, ka tsy nahita an'izany, tsy nahita ny Teny.

246 Ankehitriny ny Teny, Fahamarinana, dia mivoaka. Ahoana no mba hanafoananareo ny Isiraely? Tsy afaka manao an'izany ianareo. Tsia.

247 Oh, ahoana no nahafahan'io mpaminany io nitsangana tany, tamin'io andro io, ka nanao hoe, "Tahaka ny ombilahy iray ianao, ry Isiraely"? Nefa niezaka naneho taminy an'ireo ampahany ratsy indrindra an'izany izy ireo! Hoy izy hoe, "Nahoana," hoy izy, "na iza na iza mitahy anao dia ho voatahy, ary na iza na iza manozona anao dia ho voaozona." Marina izany. Oh, ralehilahy! Ahoana no hanaovanareo an'izany?

248 Indray mandeha dia nihevitra izy ireo fa nanadino Andriamanitra, rehefa nahita an'io zavatra mainty io tonga ho an'ireo Jiosy ilay mpaminany. Nitsangana teo io lehilahy io, ary niraraka teo aminy ny Tenin'Andriamanitra. Hoy izy hoe, "O Tompo, hahafoy ny Olonao ve Ianao?"

Hoy Izy hoe, "Inona io mipetraka eo akaikinao io?"

Hoy izy hoe, "Tsora-kazo fandrefesana iray."

249 Hoy Izy "Toy ny ahoana no haavon'ny Lanitra? Refeso izany." Ah-hah. "Toy ny ahoana ny halalin'ny ranomasina?"

Hoy izy hoe, "Tsy afaka manao an'izany aho."

250 Hoy Izy hoe, "Izaho koa tsy afaka, Izaho koa tsy afaka hanadino an'i Isiraely." Tsia, tompoko. Tsy hanadino azy Izy.

251 Tsy maintsy nanajamba ny Zanany Manokana Izy. Ankehitriny, eritrereto izany. Manajamba ny Zanany Manokana, mba hanome antsika anjara iray, nefa isika mandà an'Izany. Ankehitriny, tsy manao anareo hahatsapa saiky tena kely ve izany mba ahafahanareo handady eo ambanin'ny vongana fangaron-tsimenitra iray manao satroka folo gallon, nefa tsy mahakasika an'izany mihitsy? Tena kely izany, fantatrareo. Oh, oadray! Eny.

252 "Nihazona ny Tenin'Andriamanitra izy ireo." Jiosy izy ireo. Nanana ny lalàny izy ireo; nijanona niaraka tamin'izany izy ireo. Tsaroanareo ve ny omaly hariva, ankehitriny? Hitanareo? Nijanona niaraka tamin'izany izy ireo. Ary Jiosy izy ireo, ary nanana ny lalàna. Ary ny lalàna dia ny Tenin'Andriamanitra, ka nijanona tsara tamin'izany izy ireo. Marina izany. "Ary nohon'ny filazana izay nohazonin'izy ireo, dia natao maritiora izy ireo." Ary eto dia ireo fanahy eo ambanin'ny alitara, taorian'ny nahalasanan'ilay Fiangonana.

253 Diniho ankehitriny. Izy ireo dia, tao amin'ny fahajambany, nanao maritiora ny Mesiany, ary ankehitriny dia mijinja an'izany izy ireo. Fantatr'izy ireo izany. Nahafantatra an'izany izy ireo, taorian'ny nisian'izany. Nahita Azy izy ireo tamin'io fotoana io, rehefa tonga teo anoloan'ny alitaran'Andriamanitra. Fa ankehitriny dia ho azy ireo ny fahasoavan'Andriamanitra.

254 Diniho. Ankehitriny, izy ireo dia tsy afaka, amin'ny fomba rehetra, ny ho olo-masina, satria efa nanao akanjo izy ireo. Fa indro izy ireo ankehitriny, izao fotsiny "fanahy eo ambanin'ny alitara, nohon'ny Tenin'Andriamanitra, sy ny filazana izay nohazonin'izy ireo," mba ho vahoakan'Andriamanitra, ireo Jiosy.

255 Fa ankehitriny, diniho, tonga tamin'izy ireo ny fahasoavan'Andriamanitra. Ary Jesosy no manome azy ireo, ny tsirairay avy, akanjo fotsy iray, (oh, oadray, diniho; avy hatrany mihitsy, taorian'ny nahalasanan'ilay Fiangonana), satria nahatoky tamin'ireo antony izy ireo. Ary nohajambaina izy ireo, nefa tsy fantatr'izy ireo izany. Tsy fantatr'izy ireo izany. Milalao marina tokoa an'ilay ampahany izay notendren'Andriamanitra mba ho lalaoviny izy ireo. Ary eto, eto, dia mijery i Jaona ka mahita an'ireo fanahy eo ambanin'ny alitara. Diniho ankehitriny, mahita an'ireo fanahy ireo izy. Diniho hoe inona no iantsoany azy ireo.

Miantsoantso izy ireo hoe, "Tompo, mandra-pahoviana?"

Diniho, "Vetivety kely fotsiny." Hitanareo?

256 Ndao jerentsika izany, raha mandeha isika, amin'ny alàlan'ny Soratra mihitsy ankehitriny. Mahalala izy ireo fa izy ireo no namono ny Mesiany. Hitanareo? Ary tsy fantatr'izy ireo izany, saingy tamin'io fotoana io dia nahalala izy ireo. Izy ireo dia—izy ireo dia novonoina, taty aoriana, mba handoa an'izany: nanao ny fahadisoany izy ireo. Ary jereo ankehitriny ny zavatra iray izay tsy maintsy nataon'izy ireo! Hitanareo, meloka tamin'ny famonoana izy ireo, noho izany dia novonoina. Hitanareo? Niantsoantso izy ireo hoe, "Aoka Ny Ràny ho aminay!" Hitanareo? Marina izany. Ary nohajambaina izy ireo.

257 Ankehitriny, raha tsy nohajambaina izy ireo; hoy Andriamanitra hoe, "Avelao izy ireo hipetraka tsara. Tsy mendrika izy ireo." Saingy satria nohajambain'Andriamanitra izy ireo, dia nidina teo amin'izy ireo ny Fahasoavany. Amena! Miresaka ny amin'ny fahasoavana mahagaga! Ary nanome akanjo iray ho an'ny tsirairay avy tamin'izy ireo, satria hovonjena ny Isiraely rehetra, ny tsirairay avy dia manana ny anarany voasoratra. Marina izany. Jesosy no nanome akanjo ho azy ireo.

258 Tahaka ny nataon'i Josefa tamin'ireo rahalahiny; tandindona iray. Jereo, rehefa nitsangana teo i Josefa, ary farany izy rehefa . . . Nampahafantatra ny tenany teo akaikin'ny alitara

izy, ny alitarany manokana, tao amin'ny lapany, ny seza fiandrianany. Hoy izy hoe, "Mialà amiko ny olona rehetra." Tany an-dapa ny vadiny; izay hisy ny Ampakarina.

259 Ary nilaza tamin'izy ireo izy, hoy izy hoe, "Tsy fantatrareo ve aho?" Hey, miteny Hebreo izy ankehitriny. "Izaho no rahalahinareo, Josefa." Oh, oadray!

Hoy izy ireo hoe, "Ankehitriny, oh, hahazo anay ianao."

260 Hoy izy, "Andraso iray minitra. Andraso iray minitra. Andriamanitra no nanao an'izao ho an'ny tanjona iray. Nanao anareo handroaka ahy, mba hamonjy aina." Voninahitra! Eo ianareo izao, marina tokoa. Hoy izy, "Aza, aza tezitra amin'ny tenanareo." Tsaroanareo ve fa nilaza an'izany i Josefa? Hoy izy, "Aza tezitra amin'ny tenanareo. Mety tsara ny zavatra rehetra ankehitriny. Tapitra ny rehetra. Andriamanitra no naniraka ahy eto, nialoha anareo."

261 Fantatrareo, ny Baiboly no nilaza fa hilaza Aminy izy ireo, rehefa hahita Azy tonga, hanao hoe, "Hono ho'aho, Ianao no Mesia, fantatray. Saingy, saingy, ahoana ny amin'ireto holatra ireto?" Hitanareo?

262 Hoy Izy hoe, "Oh, tany an-tranon'ireo Sakaizako no Nahazoako azy ireo." Sakaiza?

263 Ary amin'izay fotoana izay rehefa fantatr'izy ireo izany, ireo izay tavela, ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, dia nilaza ny Baiboly fa hisaraka izy ireo, ny trano iray amin'ilay hafa. Ary maka andro, mba hitomaniana fotsiny, sy hidradradradra, ary handeha mandroso sy miverina eo amin'ny gorodona; hanao hoe, "Ahoana no nahavitantsika an'izany? Ahoana no nahavitantsika an'izany? Nahoana, isika no nanombo ny Mesiantsika manokana." Voalaza, fa mitomany tahaka ny itomanian'ny fianakaviana iray ny zanany lahitokana hoe, "Ahoana no nahavitantsika an'izany?"

264 Ireo Jiosy ireo, izy ireo no—izy ireo no vahoaka mpivavaka indrindra eto amin'izao tontolo izao; nofidian'Andriamanitra. Saingy Izy no nanajamba azy ireo, mba haka antsika, nefa isika mandà an'Izany. Inona ny fitsarana an'ilay fiangonana Jentilisa! Eo ianareo izao. Hitanareo? Nohajambaina fanahy iniana, avy tamin'Andriamanitra, mba Ahafahany mahazo antsika, Ampakarina iray ho an'i Jesosy. Mamoaka azy ireo avy amin'ny . . . Hitanareo? Ary nanao tandindona mialoha an'izany, sy ny rehetra.

265 Ankehitriny dia hitanareo ve hoe iza ireo fanahy? Tsy ireo olo-masina natao maritiora izy ireo. Efa lasa izy ireo. Marina izany. Mariho, izy ireo dia, efa lasa izy ireo. Hitanareo?

266 Noho izany, ireto dia nomena akanjo, ny tsirairay avy tamin'izy ireo. Ary ankehitriny dia tiako ianareo hanamarika. Fa midina eo amin'izy ireo ny fahasoavan'Andriamanitra

ankehitriny. Jesosy no manome azy ireo akanjo fotsy tsirairay, tahaka ny nataon'i Josefa, ny fahasoavany teo amin'ireo rahalahiny.

267 Diniho ankehitriny. Na dia niezaka aza izy ireo ny hanala an'i Josefa, ihany koa, saingy nidina teo amin'izy ireo ihany ny fahasoavany. Hitanareo? "Oh, mety tsara izany. Mety tsara izany. Tsy fanahy inianareo ny nanao an'izany. Fa, hitanareo, Andriamanitra no nanao an'izany. Hitanareo? Andriamanitra no namela anareo rehetra hanao an'izany mba Ahafahany mampandositra ahy, sy mitondra ahy eto mba ahafahako mamonjy aina ho an'ny olona, ireto Jentilisa eto ireto, izay nahazoako ny vadiko. Tsy ho nanana vady aho raha—raha nijanona tany. Ankehitriny, tiako ny vadiko. Izy no nanome ahy an'ireto zanaka eto ireto." Ary hoy izy, "Izaho—izaho . . . Ary ankehitriny—ankehitriny dia tonga aho haka anareo rehetra. Ankehitriny ianareo rehetra dia hanao an'izany tsara, ihany koa. Hitondra anareo eto aho. Hiaina miaraka isika, toy ny fianakaviana goavana iray." Hitanareo? Hitanareo? Hitanareo? Hoy izy, "Zavatra anankiray no tiako anontaniana anareo. Mbola velona ve ny raiko antitra?" Oh!

268 Ary diniho izy, izay nataony tamin'i Benjamina kely, izay tandindona iray an'ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, arak'izay ho hitantsika any aoriana. Hitanareo ve izay nataony? Nihazakazaka haingana mihitsy nankeo amin'i Benjamina izy, niantsampy teo amin'ny tendany ka nanomboka namihina azy. Ny rahalahy keliny izay teraka tao amin'ilay fianakaviana taorian'ny nahalasanany, hitanareo; avy tamin'ny reniny, ilay fiangonana voalohany, ilay fiangonana Ortodoksa. Ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy dia teraka tamin'ny tsy naha-teo Azy, raha mbola lasa naka Ny Ampakariny Jentilisa Izy. Oh, oadray! Tsy manao zavatra iray aminareo fotsiny ve izany! Io ilay izy. Noho izany dia hitanareo ve hoe iza izy ireo? Ireo izy ireo.

269 Mariho ankehitriny, na dia niezaka ny hiala amin'i Josefa aza izy ireo, dia nidina teo amin'izy ireo ny fahasoavany.

270 Na dia niezaka niala tamin'i Jesosy aza izy ireo, dia mbola miverina avy hatrany Izy, satria nohajambaina izy ireo, ary nanome azy ireo, ny tsirairay avy, akanjo fotsy iray. Hitondra azy ireo avy hatrany Izy, any an-trano, na ahoana na ahoana. Tsy manao fahasamihafana izany na kely aza, satria Izy no efa nilaza hoe, "Izaho no hamonjy azy rehetra ireo, na ahoana na ahoana." Hitanareo?

Ankehitriny ny andininy 10. Mariho, izy ireo dia nangataka "valifaty." Hitanareo?

271 Ankehitriny, raha ny Ampakarina izany, dia ho tahaka an'i Stefana: "Ray, mamelà azy ireo," fantatrareo. Hitanareo?

272 Fa ireto dia Jiosy izay vao avy niditra, hitanareo. Nangataka valifaty izy ireo. Mariho indray, hitanareo, nilaza indray Izy . . . Mariho, izany tsy . . . Hoy Izy hoe, "Rahalahinao ireo," ireo Jiosy. Ireo zato . . . Ankehitriny dia nila valifaty izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Oh, izahay dia . . . Izahay, mila Anao hamaly faty anay eny ambany eny izahay."

273 Hoy Izy hoe, "Vetivety kely fotsiny, ankehitriny, vetivety kely fotsiny." Satria, mariho, mamelà ahy hamaky an'izany eto. Izany dia ao amin'ny—ny andininy faha-10. Eny àry.

> *Ary niantsoantso tamin'ny feo mahery izy ireo, nanao hoe, Mandra-pahoviana, O Tompo, masina sy marina, no hitsaranao sy hamalianao ny ràny amin'ireo izay monina eny ambonin'ny tany?*
>
> *Ary nomena akanjo fotsy* ny *tsirairay avy tamin'izy ireo; ary nolazaina tamin'izy ireo, fa tsy maintsy mbola miala sasatra izy ireo . . . vanim-potoana kely iray,* hitanareo, (inona?) *vanim-potoana kely iray, mandra-pahatongan'ireo mpanompo namany . . .*

274 Hitanareo? Inona izany ankehitriny? Eo am-pitoriana amin'ny Isiraely ankehitriny ireo mpaminany. Hitanareo?

> . . . mandra-pahatongan'*ireo mpanompo nama*nao *ihany koa . . . ireo mpanompo nama*nao ary koa *ireo rahalahi*nao*, izay tsy maintsy ho vonoina . . .*

275 Hitanareo, ireo voafidy mialoha dia hatao toy izany koa. Hitanareo?

> *. . . tsy maintsy ho vonoina tahaka azy ireo, tsy maintsy ho tanteraka.*

276 Hitanareo, amin'ny teny hafa, dia voafidy mialoha ho azy ireo izany. Izany no Soratra, hoe tsy maintsy manao an'izany izy ireo. "Ary fitsaharana vetivety kely fotsiny. Ankehitriny dia manana ny akanjonareo ianareo; handeha hody ianareo; ary mipetraha eo vetivety kely fotsiny, hitanareo, miandrasa kely fotsiny."

277 Mariho ankehitriny. Mariho ankehitriny, "Ireo rahalahinao." "Ireo rahalahinao dia tsy maintsy mbola ho vonoina," izay midika fa ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy dia mbola hantsoina ao anatin'ny Fahoriambe. Ary ireo efatra arivo amby efatra amby iray hetsy izay nantsoina.

278 Maniry aho ny hananantsika fotoana. Mety hahita an'izany isika rahampitso hariva, raha sitraky ny Tompo, isika . . . mialohan'ny hidirantsika mihitsy ao amin'ilay Tombokase hafa. Hitanareo?

279 Izao koa, diniho ankehitriny, tsy maintsy ataon'ilay antikristy maritiora izy ireo. Vao avy nandalovantsika izany; ary mariho, ao amin'ilay fitaingenany farany, rehefa nanapaka—

manapaka an'ilay fifanekena amin'ireo Jiosy any ireo izy. Ary indro izy mandeha. Hitanareo?

280 Ireto Jiosy ireto, ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, dia tsy maintsy hantsoin'ireo vavolombelona roa an'ny Apokalypsy 11 hivoaka. Ankehitriny, tsarovy, tsy maintsy naminany izy ireo.

281 Efa novakianareo izany. Firy no efa namaky an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Azo antoka, isika rehetra dia mahafantatra tsara, namaky ny Soratra.

282 Ary maminany izy ireo, maminany ireto vavolombelona roa ireto, tamin'ny fotoan'ny tapany faharoa an'ny fitopolo herinandron'i Daniela. Izany ilay telo taona sy tapany farany.

283 Tsaroanareo ve hoe ahoana no nandraisantsika an'ilay fitopolo herinandron'i Daniela? Nilaza aho fa hilaintsika izany rehefa tonga eto isika. Tsy fantatro hoe nahoana, fa izaho fotsiny. . . Nisy Zavatra niteny tamiko fa hilaintsika izany, ary eo isika izao. Hia. Hitanareo?

284 Mariho, tamin'ny fotoan'i Daniela. Tsarovy ankehitriny, nilaza i Daniela hoe, "Ho avy io Mesia io," ilay andriana, "ilay Mesia," raha ny marina, "ka haminany Izy. Mbola nanana fitopolo herinandro tavela ny Isiraely. Ary teo afovoan'ireo fitopolo herinandro, dia nesorina ny Mesia, ary nofoanana ny fanatitra isan'andro." Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] "Fa mbola nisy telo sy tapany, an'ireo herinandro voatendry."

Ao amin'io vongana io, dia maka ny Ampakarina Jentilisa Izy.

285 Ankehitriny, miakatra Izy. Ary rehefa miakatra Izy, dia mipoitra amin'ny Isiraely ireo mpaminany roa. Hitanareo?

286 Ary ireo fanahy izay natao maritiora ireo, ankehitriny, mandritra an'ity eto ity, ireo tena Jiosy, marina mandritra an'io; izay nanana ny anarany teo amin'ny Boky, izay niaina mahitsy marina sy nanao ny zavatra marina, izay niaina ny Jodaisma hatrany amin'ny teboka. Izy ireo, izy ireo dia nataon'i Eichmann sy ny maro hafa maritiora. Vahoaka mahitsy fo, an-tapitrisany tamin'izy ireo tany! Ary nitifitra azy ireo ho faty ireo Alemana, ka nahafaty azy ireo, sy namono azy ireo, ary nanantona azy ireo teo amin'ny fefy, ka nandoro azy ireo, sy nahamay azy ireo, ary ny zavatra hafa rehetra. Ilay tsy mandeha rà, na fo lian-drà, Hitler noana, sy Staline, sy Mussolini, ary ireo olona izay nankahala an'ireo Jiosy ireo!

287 Heveriko fa izany no anankiray amin'ny—anankiray amin'ireo zavatra izay mihazona an'ity firenena ity hitambatra, satria nanaja ny Jiosy foana izy ireo, marina izany, nanome toerana iray ho azy. Hajao ny Jiosy, dia hanaja anareo Andriamanitra.

288 Ankehitriny, dia misy andiana Jiosy izay jiolahimboto, tahaka ny isian'ireo Jentilisa fotsiny tahaka an'izany ihany.

289 Fa ny tena Jiosy, dia Andriamanitra no nametraka ny anarany eo amin'ny Boky talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ary eto izy dia, novonoina tamin'io fotoana io. Ary tsarovy, eritrereto izany ankehitriny, hoe tanteraka toy ny ahoana ity. Taorian'ireo Jiosy an-tapitrisany novonoina ireo avy hatrany, vahoaka tsy manan-tsiny, tamin'ny alàlan'ireo firenen'izao tontolo izao; dia eto ny Soratra milaza, amin'io fotoana io mihitsy, fa ny tsirairay avy amin'izy ireo dia eo ambanin'ny alitara, mahalala an'izay nitranga, ka nomena akanjo fotsy izy ireo.

290 Ary hoy izy ireo hoe, "Eny, nahoana? Afaka miverina mankany amin'ny fanjakana ve izahay izao ankehitriny izao?" Tsy maintsy tafapetraka eto an-tany ilay fanjakana Jiosy, fantatrareo. Nilaza i Jaona fa teo ny fanjakana, hitanareo, tsy maintsy tafapetraka.

Ankehitriny, dia ity no Fanjakan'ny Filazantsara, hitanareo.

291 Fa ny fanjakan'ny Jiosy dia ho torian'ireo—ireo mpaminany roa, noho izany dia mariho ilay—ilay—ilay fanjakan'ny tany eto.

292 "Ny Fanjakan'ny Lanitra dia toriana,"...amin'ny alàlan'ireo Jiosy, na amin'ny...ny tiako lazaina, "amin'ny Jentilisa."

293 Ny fanjakan'ny eto an-tany eto, dia tsy maintsy ho tafapetraka ao amin'ny Arivo taona, aoriana, ny Arivo taona ho an'ny Jiosy.

294 Mariho ankehitriny. Mariho ity ankehitriny, eto, raha izy ireo—raha mitory izy ireo, hitanareo.

295 Talohan'ireto—talohan'ny hany nisehoan'ireto mpaminany ireto teo amin'ny sehatra; ireto Jiosy izay tsy maintsy maty teo ambanin'i Eichmann sy izy ireo ireto dia, ny tsirairay avy tamin'ireo izay voafidy mialoha, dia nomena (nohon'ny fahasoavana) akanjo fotsy iray. Nomena akanjo fotsy iray ny tsirairay avy tamin'izy ireo. Mariho.

Inona no mitranga ankehitriny? Vantany vao niseho io...

296 Manara-maso an'io famantaranandro etsy io aho, ary fantatro fa isika dia—miha-tara isika. Fa tsy tiako ny... Hitanareo, izaho—izaho...Ireo...mahamarika an'ireo olona mampalahelo mitsangana eo ireo. Hanampy anareo anie Andriamanitra, ry rahalahy. Manantena aho fa ny tsirairay avy aminareo dia homena akanjo fotsy iray amin'io andro io, hitanareo. Mitsangana, mifanova toerana, miaraka amin'ny ranjo marary. Ary ny sasany aminareo dia niasa nandritry ny andro manontolo. Fantatro hoe inona izany. Ary jereo eto... Ary ny sasany amin'ireo vehivavy antitra mampalahelo dia mitsangana. Mahamarika ny iray amin'ireo lehilahy ireo aho

manome ny toerany ho an'ireo vehivavy; ary manome ny olonkafa iray, ho an'ny vehivavy iray mampalahelo miaraka amin'ny zazakely iray. Ary izaho—izaho—izaho—hitako izany rehetra izany, hitanareo, ary azoko antoka fa Hitany. Mariho. Fa tsy tehihazona anareo ela loatra aho. Raha afaka manao anareo hahita ny Hafatra fotsiny aho, dia izay ihany no tiako hataonareo, hitanareo.

297 Mariho ankehitriny ireto Jiosy ireto. Tsy maintsy manao an'izao aho, mba hamela anareo hahita ny fanambaran'ity Tombokase ity; hahita hoe inona izany, ireto fanahy eo ambanin'ny alitara ireto, ary iza izy ireo. Mariho ankehitriny.

298 Tamin'ny fotoan'i Daniela, ankehitriny, ilay tapany faharoa an'ilay herinandro faha-fitopolo. Tsarovy ankehitriny, "Ny Mesia dia tsy maintsy ho esorina eo amin'ny antsasany." Izany hoe ilay afovoany. Eny, inona no antsasaky ny fito? [Hoy ny fiangonana hoe, "Telo sy tapany."—Mpand.] Telo sy tapany. Hafiriana Kristy no nitory teny? ["Telo sy tapany."] Marina izany. Ankehitriny, "Fa mbola misy voatendry, ho an'ny olona," (inona?) "telo taona sy tapany hafa."

299 Eny, mandritr'io fotoana io, nahoana, hitanareo, ny mitranga, dia, voafantina ao amin'ireo taona fiton'ny fiangonana ilay Ampakarina Jentilisa, ary miakatra.

300 Ary rehefa tahaka an'izany ilay izy, ireto Jiosy rehetra izay natao maritiora eto ireto nohon'ny fahajambana, mipetraka eo ambanin'ny alitara, dia mandroso Andriamanitra ka manao hoe, "Hitanareo ve hoe inona ilay izy? Ankehitriny Aho dia hanome akanjo iray ho an'ny tsirairay avy aminareo."

Hoy izy ireo hoe, "Mandra-pahoviana, Tompo? Hiditra ve izahay ankehitriny?"

301 Hoy Izy, "Tsia, tsia, tsia, tsia. Ny olona namanareo, ireo Jiosy, dia tsy maintsy miharitra kely fotsiny, aloha. Tsy maintsy hatao maritiora tahaka ny nanaovana maritiora anareo izy ireo. Tsy maintsy hahazo azy ireo ilay bibidia rehefa manapaka ny fifanekeny izy."

302 Mariho ankehitriny. Ary mariho ankehitriny, vantany . . . Tsarovy fotsiny ankehitriny, ireto mpaminany ireto dia tsy maintsy maminany araka ny Apokalypsy 11. Ianareo, nanangana ny tànanareo ianareo, fa efa namaky an'izany. Hitanareo? Ary nomena fahefana izy ireo.

303 Ary ho hitantsika hoe iza izy ireo, afaka iray minitra fotsiny, raha sitraky ny Tompo. Mariho hoe iza ireto mpaminany ireto. Ary ankehitriny dia ny Baiboly no miteny an'izany eto. Azo antoka, miteny Izy. Azo antoka! Hitanareo?

304 Ankehitriny, mariho, eo afovoan'io, telo herinandro sy tapany ankehitriny, izay aminanian'izy ireo eto ambany eto ka

ny—ny Apokalypsy eto dia nilaza . . . Ary izy ireo—izy ireo dia naminany efapolo sy telonjato sy arivo andro. Raha . . .

305 Ankehitriny, ny alimanaka Jiosy marina, ny fotoana marin'ny alimanakan'Andriamanitra, dia telopolo andro marina tokoa ny volana iray. Ny alimanaka Romana, no nanafangaro an'izany. Ny alimanaka marina dia telopolo andro ny volana iray.

306 Ankehitriny, raha te-haka ny telopolo andro ianareo, ka hanampy telo taona sy tapany amin'izany, dia jereo ny telopolo andro, ary, eny, inona no azonareo? Telonjato sy arivo sy . . . na enimpolo sy roanjato andro. "Enimpolo sy roanjato sy arivo andro (enimpolo andro)," telo taona sy tapany marina tokoa.

307 Ankehitriny, hitanareo, tsy misy fahadisoana eo amin'izany. Io ilay izy, mikambana miaraka mihitsy tahaka ny—ny zavatra iray mitovy atambatra. Mariho, ireo mpaminany roa ireo dia nitory nandritry ny telo taona sy tapany, tamin'ireo Jiosy. Ao amin'izany, no antsoina hivoaka, ny efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy.

308 Ary avy eo, mariho, ireto mpaminany roa ireto dia Mosesy sy Elia marina tokoa. Hitanareo? Hitanareo? Jereo ankehitriny, jereo, ny . . . Jereo ny asam-panompoan'izy ireo. Diniho ankehitriny izay ataon'ireto mpaminany ireto. "Manana fahefana hamely ny tany amin'ny loza izy ireo, isaky ny tian'izy ireo." Iza no nanao an'izany? Mosesy. "Manana fahefana hanidy ny lanitra izy ireo, ka tsy nanorana tamin'ny andron'ny asam-panompoan'izy ireo." Iza no nanidy ny lanitra nandritry ny telo taona sy tapany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Elia."—Mpand.] Ireo izy ireo. Izy ireo izany. Hitanareo, izany dia . . .

309 Hitanareo, ny olona, rehefa maty izy, dia tsy manova ny laharany. Tsy manova ny nanaovana azy izy, hitanareo. Jereo, rehefa—rehefa, talohan'ny . . .

310 Rehefa niverin-dàlana i Saoly, ka tsy nisy mpaminany teo amin'ny firenena, dia tsy nety azony izay hatao—izay hatao. Nitsangana izy hanohitra an'izany. Handeha hiady izy. Nandeha nankany amin'ny mpamosavivavin'i Andora izy.

311 Ankehitriny, ny ràn'ombilahy sy osilahy fotsiny, dia efa nahavitany an'io. Ary niantso ny fanahin'i Samoela izy.

312 Ary rehefa tonga i Samoela, dia nitsangana teo izy, tao amin'ny akanjon'ny mpaminaniny. Tsy izany ihany, fa mbola mpaminany iray foana izy. Hoy izy, "Nahoana ianao no namoaka ahy avy tao amin'ny fitsaharako," hitanareo, hoy izy hoe, "satria lasa fahavalon'Andriamanitra ianao?" Hoy izy hoe, "Amin'ny ora toy izao, rahampitso hariva, dia ho lavo ao amin'ny ady ianao. Ary amin'ny ora toy izao, rahampitso hariva, dia hiaraka amiko ianao." Ary izany marina tokoa no nitranga. Hitanareo? Tsy hoe fotsiny . . . Mbola mpaminany iray foana izy. Hitanareo?

313 Ary mbola mpaminany foana ireto lehilahy ireto. Ankehitriny dia hiditra lalina kely ao amin'izany isika, afaka minitra vitsy fotsiny, raha sitraky ny Tompo. Hitanareo?

314 Oh, oadray, toy ny ahoana no itiavako an'ity Teny ity! Tsy mahagaga, "Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona. Ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra!"

315 Ireto mpaminany roa ireto dia i Mosesy sy Elia, araka ny asan'izy ireo izay nampitoviana indray. Izany, efa izany foana ny asam-panompoan'izy ireo. Mariho ankehitriny, izay nataon'izy ireo mihitsy. Tsy nanova azy ireo izany. Tsarovy, ireto zalahy ireto dia tsy maty mihitsy. Diniho fotsiny ny . . .

316 Ankehitriny, aza afangaro, alohan'ny hialantsika amin'ity. Aza afangaro ny asam-panompoana fahadimin'i Elia sy ny asam-panompoany fahefatra. Efa niteny taminareo aho, fa ilay Fiangonana Jentilisa dia miandry an'i Elia. Marina.

317 Ary indro izy eto miaraka amin'ny Jiosy. Tsarovy, tsy afaka ny ho tonga in-efatra izy; izany dia—izany dia ny isan'ny fahavalo. Tsy maintsy tonga indimy izy.

318 Ny fotoana voalohany nahatongavany, dia Elia izy, izy tenany. Ny fotoana manaraka nahatongavany, dia Elisa izy. Ny fotoana manaraka nahatongavany, dia izy no (inona?) Jaona Mpanao-batisa. Ny fotoana manaraka ahatongavany, dia ho ilay anjely fahafito. Ary ny fotoana fahadimy ahatongavany, dia miaraka amin'i Mosesy izy any, mitory teny amin'izy ireo. Azo antoka. Eny, tompoko. Aza afangaro izy. Ah-hah.

319 Dimy, raha fantatrareo ny—ny isanareo an'ny Baiboly, ny dimy dia isan'ny fahasoavana miasa. Ary izany no Nataony. Ankehitriny, diniho, ianareo te-hahafantatra hoe aiza no misy an'izany. Asan'ny fahasoavana ve Jesosy? J-e-s-o-s-y, [Amin'ny teny Anglisy dia J-e-s-u-s,—Mpand.] dimy, a-s-a. [l-a-b-o-r.] Marina ve izany? Asa, ho—ho an'ny fitiavana anareo. Ary raha manatona Azy ianareo, dia ahoana no anatonanareo, amin'ny alàlan'ny inona? F-i-n-o-a-n-a [F-a-i-t-h] ao amin'ny a-s-a [l-a-b-o-r]. Marina ve izany? Asa dia isan'ny fahasoavana, eny àry, ho an'ireo mpino.

320 Mariho, ilay Elia voalohany, dia izy izany. Ilay faharoa dia i Elisa. Ilay fahatelo dia i Jaona. Ilay fahefatra dia ilay anjely fahafito, na ilay iraka farany ho an'ny Fiangonana, araka ny Malakia 4 sy ny Apokalypsy 10:7. Ankehitriny, ny fotoana fahadimy, dia iraka iray ho an'ny Jiosy izy, ho an'ilay efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, ho an'ny Jiosy, aorian'ny fahalasanan'ny Fiangonana.

321 Izaho—izaho—mahatsapa mahatsikaiky kely fotsiny aho, hitanareo. Hitanareo? Jereo, raha mihevitra ny sasany . . . Tiako ianareo hahazo an'ity ankehitriny, hitanareo. Raha mbola mihevitra foana ny sasany fa Malakia 4, "mba hamerina" ny olona, dia ilay zavatra iray ihany izay hataony any ho an'ireo

Jiosy, ary mihevitra fa zavatra iray ihany daholo izany, dia mamelà ahy hanitsy an'izany fotsiny ho anareo, iray minitra fotsiny. Hitanareo, ho fifanjevoana kely fotsiny izany. Satria, tsarovy, ao amin'ny Malakia 4, dia manao hoe, "Hamerina ny Finoan'ireo ray . . . na ireo zanaka ho amin'ny ray." Hitanareo, miverina amin'ny ray!

322 Ankehitriny dia mamelà ahy haneho aminareo ny fahasamihafan'ilay asam-panompoana. Raha tonga hamerina ny Finoan'ireo zanaka ho amin'ireo ray izy, dia handà an'i Kristy izy. Hiverina amin'ny lalàna izy. Marina ve izany? Ireo ray dia nitandrina ny lalàna. Azonareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena"—Mpand.]

323 Mariho, rehefa Elisa, rehefa tonga mba hanatanteraka ny asam-panompoany izy ao amin'ny Malakia 4, hitanareo, amin'ny maha-Malakia 4, dia irery i Elia.

324 Fa rehefa tonga mba hanao ny asam-panompoana amin'ireo Jiosy izy, an'ny Apokalypsy 11, dia manana an'i Mosesy miaraka aminy izy. [Mitehaka ny tànany miaraka indroa Rahalahy Branham—Mpand.] Noho izany, dia tsy misy fifanjevoana eo, na kely aza. Hitanareo? Azonareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."]

325 Rehefa tonga i Elisa, an'ny Malakia 4, dia irery izy. Ho eo i Elia; tsy Elia sy Mosesy. "Elia" dia hitsangana. Fa ilay tsindrimandry iray ihany, izay, nilaza fa Elia dia ho tonga ho an'ilay ampahany farany an'ny taom-piangonana, "mba hamerina ny Finoan'ireo zanaka ho amin'ny Finoana tany am-piandohana an'ireo ray," ilay Finoana apostolika, izay natao hiverenanareo. Ary ilay antikristy no nanao azy rehetra ireo hanalavitra. "Mba hamerina indray," araka ny ifangaroan'ny sisa rehetra amin'ny Soratra miaraka. Hitanareo, tonga irery izy. Hitanareo?

326 Fa rehefa tonga ho an'ilay Fiangonana izy, ny Baiboly . . . na tonga ho an'ilay efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, dia milaza mazava ny Baiboly fa izy roa . . . Misy roa amin'izy ireo, tsy anankiray amin'izy ireo. Roa amin'izy ireo! Ary ny asam-panompoany voalohany dia tsy afaka naka an'ireo Jiosy ka namerina azy ireo ho amin'ny lalàna, izy lasa . . . satria tonga izy, mitory an'i Kristy amin'ilay efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, amena, "Io Izy, ilay Mesia izay nesorina." Amena! Izay ilay izy, noho izany dia aza afangaro izany. Tsy fifangaroana izany. Tsy mandainga ny Soratra, na kely aza.

327 Voninahitra! Oh, rehefa nahita an'izany aho, dia nitsambikina! Hoy aho hoe, "Misaotra Anao, Tompo," rehefa nandinika an'izany niseho aho tany. Nahita an'io Elia io nandeha tany ho an'io taona voalohany io, irery, ary irery izy. Avy eo rehefa nahita azy tonga indray aho, lavidavitra kely tany ankafa tany ho any, dia nisy roa tamin'izy ireo tany rehefa niseho

izany. Hoy aho, "Io ilay izy. Izany, ity ilay izy, Tompo. Amena! Hitako izany ankehitriny! Haleloia!" Marina tokoa izany.

328 Raha tsy nolazaiko izany, dia ho fifangaroana kely iray ho an'ny olona iray. Fa Izy—Izy no niteny tamiko mba hilaza an'izany, noho izany dia nilaza aho.

329 Mariho, ireto lehilahy ireto dia nohazonin'Andriamanitra ho velona, hatrany amin'ny asam-panompoan'izy ireo tany amboalohany, ho an'ny asa ho avy; nanao an'izany tena tsara izy ireo. Hitanareo? Eritrereto fotsiny, io fanahin'i Elia io dia miasa indimy; Mosesy, indroa. Inona? Nohazonina ho velona ho an'ny asa lavidavitra kokoa, taty aoriana.

330 Tsy maty na dia ny iray tamin'izy ireo aza ankehitriny; aza mino an'izany. Izy roa dia samy hita, velona, niresaka tamin'i Jesosy teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy. Fa, tsarovy, tsy maintsy maty izy ireo.

331 Ankehitriny, ankehitriny, maty tokoa i Mosesy. Saingy nitsangana izy, satria izy no tandindona tanteraka iray an'i Kristy. Hitanareo? Tsy nisy olona mba nahafantatra hoe taiza izy no nalevina. Ireo Anjely no tonga nitondra azy. Hitanareo? Nanana Anjely mpitondra vatam-paty izy. Ah-hah. Nahoana? Tsy nisy olona mety maty afaka nitondra azy any amin'izay nalehany. Nahavita tantara an-tsehatra iray fotsiny izy, izay ihany. Nanana Anjely izy, mpitondra vatam-paty, hitanareo, satria Izy ireo no nitondra azy tany amin'izay natao hisy azy. Tsy misy anankiray mahafantatra.

332 Na dia i Satana aza, dia tsy nahafantatra akory. Nifamaly tamin'ny Arikanjely izy. Marina izany. Tsy nety azony izay nitranga tamin'i Mosesy. "Nahita azy nangovitra aho tany. Ary nijery nanerana ny firenena, ary nitodika tany amin'ireo zanaka, sy ny sisa, nahita azy nangovitra aho. Fa niakatra teo amin'ilay Vatolampy izy, ary izay no fotoana farany nahitako azy."

333 Izany ilay Vatolampy! Izany ilay Vatolampy! Avelao aho hitsangana eo amin'io Vatolampy io, amin'ny fiafaran'ny làlako! Eny, tompoko! Ankehitriny, ny...Ireo rahalahiko mainty hoditra dia tonga teto fahiny ka nihira an'ilay hira kely hoe, "Raha vitako, dia azoko antoka fa hitsangana eo amin'io Vatolampy izay nitsanganan'i Mosesy io aho." Eny, tompoko! Oh, izany ilay Vatolampy izay tiako hitsanganana, ihany koa. Amin'ny finoana no itsanganako eo.

334 Fa tsarovy, Elia, reraka fotsiny izy, satria nanana asa betsaka izy teo alohany. [Miato Rahalahy Branham. Mihomehy ny fiangonana—Mpand.] Noho izany dia torotoro tsara mihitsy izy, ka nandefa mpitondra any an-Trano iray ho azy fotsiny Andriamanitra, marina izany, nandefa kalesy iray. Marina ve izany? ["Amena."] Nitondra azy niakatra. Tsy maty mihitsy izy, satria Izy no nihazona azy ho velona. Ary nanana asa iray ho

avy ho azy Izy. Namela azy hanosotra lehilahy iray, ihany koa, hitanareo, hivoaka miaraka amin'ny Fanahiny.

335 Fa tsy maintsy manandrana fahafatesana izy ireo. Ankehitriny Apokalypsy, ny toko faha-11. Ankehitriny, ndao isika handeha, eto mihitsy aho na ahoana na ahoana. Ndao raisintsika fotsiny izany, Apokalypsy 11. Diniho dia jereo raha tsy samy novonoina izy roa. Eny, tompoko. Izy roa dia tsy maintsy manandrana fahafatesana. Eny, tompoko. Aorian'ny ifaranan'ny asam-panompoan'izy ireo, dia manandrana fahafatesana izy ireo. Apokalypsy 11, ary ndao isika hanomboka amin'ny 7.

> *Ary rehefa izy ireo . . . nahatanteraka ny filazany, ilay bibidia izay niakatra avy amin'ireo* lavaka *tsy hita noanoa . . .* manao *ady manohitra azy ireo, . . .*

336 Oh, oadray, tsy afaka mahatanty an'izany izy; miverina indray ireo holy-rollers ireo, hitanareo. Eny àry. Eny àry.

> *. . . avy amin'ny lavaka tsy hita noanoa . . .* manao *ady manohitra azy ireo, ka handresy azy ireo, sy hamono azy ireo.*

337 Fa diniho izay mitranga. Natao tandindona tanteraka mihitsy izy ireo ankehitriny.

> *Ary ny vatana matin'izy ireo dia hiampatra eny an-dàlambe—eny an-dàlambe an'*ilay *tanàna lehibe, . . . ara-panahy . . . antsoina hoe Sodoma sy Egypta, izay nanohomboana ny Tompontsika koa,* (Jerosalema, hitanareo).

338 Ankehitriny dia tsy maintsy manandrana fahafatesana izy ireo, (sa tsy izany?) marina izany, aorian'ny ifaranan'ny asam-panompoan'izy ireo.

339 Nahoana? Ny asam-panompoan'ilay anjely fahafito, ny asam-panompoan'ilay anjely fahafito, asam-panompoan'i Elia ho an'ilay anjely fahafito, tsy . . . Nahoana no tsy, nahoana no tsy afaka, raha ny marina, no ezahako lazaina, nataon'i Mosesy ny asam-panompoan'ilay anjely fahafito, raha tsy mety maty izy, na koa afaka nataon'i Elia? Nahoana izy ireo no tsy . . . Nahoana Andriamanitra no tsy nandefa fotsiny, nanao hoe, "Elia, ianao—efa niasa mafy ianao, Izaho . . . sy ny zavatra rehetra, tamin'ireo toerana samihafa ireo. Izaho—Izaho dia mino fa handefa an'i Mosesy hidina fotsiny Aho"? Nahoana?

340 Jereo ny asam-panompoan'i Mosesy. Elia dia mpaminany iray ho an'ny firenena rehetra; fa i Mosesy dia mpanome lalàna iray ho an'ireo Jiosy irery ihany. Amena. Teo i Mosesy mba hilaza . . . Ny antony nahatongavany niaraka tamin'i Elia . . . Ireo Jiosy izay manao hoe, "Andraso, mbola mitandrina ny lalàna foana izahay eto." Fa eto dia Mosesy izy tenany no mitsangana; ary eto i Elia dia mitsangana miaraka aminy. Oh!

Hitanareo? Tonga ho an'ireo Jiosy irery ihany izy. Hitanareo? Mosesy dia nandeha nankany amin'ny Jiosy irery ihany; Elia mpaminany dia nankany amin'ny firenena rehetra. Fa Mosesy dia lasa mpaminany iray ho an'ireo Jiosy, sy mpanome lalàna iray. Hitanareo? Izany no hafany, ny lalàna.

341 Fa inona no hafatr'i Elia? Ho an'ireo vehivavy manapa-bolo; ireo anaram-piangonana. Eny, tompoko. Ary tena nanorotoro azy ireo ho potipotika marina tokoa izy. Ireo tarehy miloko; niteny tamin'izy ireo hoe, "Hamahanana ny alika ianareo." Nanorotoro fotsiny azy ireo marina tokoa izy.

342 Ary avy eo rehefa tonga teo amin'i Jaona ny Fanahiny, dia nivoaka avy hatrany avy tany an-efitra izy ka nanao an'ilay zavatra iray ihany. Marina. Hoy izy, "Aza mihevitra ianareo hoe mikambana amin'*ity* na *itsy* izahay. Andriamanitra dia mahay manangana zanaka ho an'i Abrahama avy amin'ireto vato ireto."

343 Nandeha nankeo amin'i Herodiasy, nanao hoe, "Ary ny tianao ho lazaina amiko ve dia hoe nanambady ny zaodahinao manokana ianao . . . ?" Hoy izy, "Tsy ara-dalàna ny nanaovanao an'izany!" Oh, rahalahy! Fioo! Ham! Niteny taminy izy. Azo antoka.

344 Mariho, ireto fanahy ireto dia tsy maintsy miandry vanim-potoana kely, mandra-pahatongan'ilay efatra arivo amby efatra alina . . . hatao maritiora. Oh, tsy izany ve no, tsy izany . . . ? Mametraka ny Baiboly miaraka mihitsy izany.

345 Ankehitriny dia tonga marina tokoa ny orako, raha mamela anareo hivoaka aloha aho. Fa manana zavatra vitsivitsy kely amboniny ho lazaina aho, raha afaka maharitra an'izany ianareo. [Hoy ny fiangonana hoe, "Manohiza!"—Mpandika.] Fantatro fa mafana ny andro. Ary tsemboka aho.

346 Fa, henoy, manana zavatra iray ho tenenina aminareo fotsiny aho. Tena tsara izany, mirehitra ato anatin'ny foko fotsiny izany. Manantena aho fa tsy adinonareo ilay izy, hitanareo. Mamelà ahy hilaza an'ity, ao amin'ny Fanatrehany. Nohon'ny Fahasoavany, dia namela ahy hahita ny oloko ihany koa Izy, vao tsy ela akory izay, tao anatin'ny akanjo fotsy. Tsaroanareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsaroanareo? Tsaroanareo ve ilay tantara, vao tsy ela akory izay? ["Amena."] Ilay Ampakarina Jentilisa, any izy ireo ankehitriny. Tao anatin'ny akanjo fotsy izy rehetra.

347 Nifoha aho. Tany amin'ny fivoriana iray aho. Teo amin'ny herintaona lasa teo izay, mihoatra kely. Nifoha aho indray maraina, ary nitsangana. Ary hoy aho hoe, "Malala?" tamin'ny vadiko. Tsy nihetsika izy. Ireo ankizy tokony . . . Tsy maintsy nifoha aho ary hitondra azy ireo any an-tsekoly, tany amin'ilay toerana fahiny eto mihitsy. Eny, izaho—niharina teo amin'ny fandriana aho, fantatrareo, ary niankina. Fantatrareo hoe toy ny ahoana; mipetraka ary manankina fotsiny ny lohanareo eo

amin'ny loham-pandriana. Manana fandriana amin'ny fanao fahiny iray izahay. Ary noho izany dia niankina tahaka an'*izao* aho.

348 Ary nieritreritra aho hoe, "Ry tovolahy, efa telo amby dimampolo taona ianao izao. Raha hanao zavatra iray ho an'Andriamanitra ianao, dia tsaratsara kokoa aminao ny manao an'izany, satria ianao dia ho tena—tena antitra, afaka kelikely." Hitanareo.

349 Ary nieritreritra aho hoe, "Fantatrao, marina izany, ankehitriny." Nieritreritra aho hoe, "Ry tovolahy, fantatrao, tsy tena lavitra intsony aho. Handeha tsy ho ela mihitsy aho." Hoy aho hoe, "Izany no—taona ela kokoa noho ny niainan'ny dadako izany." Hitanareo? Nieritreritra aho hoe, "Tsy maintsy ho lasa tsy ho ela mihitsy aho. Hitako izany. Ary, indro, izaho tsy nahavita na inona na inona ho an'Andriamanitra, akory." Nieritreritra aho hoe, "Efa te-hanao zavatra ho Azy foana aho." Nieritreritra aho hoe, "Tsy maintsy ho haingana aho ka hanao an'izany, raha tsy maintsy hanao an'izany. Ary tsy fantatro hoe ahoana no hanaovako an'izany, izay ihany."

350 Nieritreritra aho hoe, "Ralehilahy, manantena aho fa ho velona hahita Azy tonga. Tsy te-ho matoatoa iray aho, na fanahy iray."

351 Hitanareo, natahotra fanahy iray foana aho. Ary ankehitriny, fantatrareo, io karazan'ny . . . Nieritreritra foana aho, ohatra hoe raha hihaona amin-dRahalahy Neville dia ho rahona fotsy kely iray mihodinkodina eo izy, fantatrareo. Ary hilaza aho hoe, "Manakory, Rahalahy Neville." Ary izy hanao hoe, "Manakory, Rahalahy Branham," amin'ny alàlan'ny taovam-panamboloana hafa iray; tsy afaka miresaka izy. Saingy ho fantatro fotsiny fa Rahalahy Neville izany. Hia. Te-handray ny tànany tahaka ny ataoko isan'andro aho. Satria, izay ihany no fantatro, dia olombelona. Hitanareo, te-handray ny tànany aho, saingy tsy manana tànana izy. Ao anatin'ilay fasana ao ambany ao izany, lò tanteraka. Hitanareo?

352 Nieritreritra aho hoe, "Oadray, manantena aho fa tsy mila mandalo amin'io." Ankehitriny, izaho dia . . . Ankehitriny dia hiteny aminareo ny fahamarinana aho. Izaho—natahotra ny ho faty aho; tsy natahotra ny ho very, fa tsy te-ho lasa fanahy iray aho. Te-hijanona ho olona iray fotsiny aho. Te-hiandry ny Fampakarana aho, hitanareo. Te-hijanona tahaka an'izany fotsiny aho. Tsy te-ho lasa fanahy aho, mandehandeha eo. Nandry teo aho, nieritreritra an'izany.

353 Ary, tampoka teo, dia nisy zavatra nitranga. [Manapoapoaka ny rantsan-tànany indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.]

354 Ankehitriny, fantatrareo, ary ianareo rehetra dia mahafantatra tsara, ny amin'ireo fahitana. Ary raha fahitana

iray ity, dia tsy mbola nanana anankiray tahaka azy mihitsy aho, hitanareo. Ary efa nanana azy ireo aho fony aho mbola zazalahy bitika kely.

355 Ary, tampoka teo, dia nisy zavatra nitranga. Ary nahatsapa ny tenako lasa aho. Nieritreritra aho hoe, "Ah-oh." Ary izaho—nieritreritra aho hoe, "Izaho—efa maty aho, hitanareo, ary izaho dia—efa lasa aho." Hitanareo?

356 Ary tonga teo amin'ny toerana iray aho, dia nieritreritra hoe, "Mino aho fa hijery any aoriana aho." Tena nisy mihitsy izany, ry sakaiza, tahaka ahy mitsangana eto mihitsy. Hitanareo? Dia nitodika aho, mba hijery any aoriana. Ary teo aho, nandry teo ambonin'ilay fandriana. Ary nitsotra aho, nandry teo anilan'ny vadiko.

357 Nieritreritra aho hoe, "Eny, mety ho aretim-po angamba ilay izy." Hitanareo? Nieritreritra aho hoe, "Eny, hitanao, maty tampoka fotsiny aho," izay ho fomba tsara iray handehanana. Noho izany, nieritreritra aho hoe, "Aretim-po iray izany. Tsy mila mijaly aho." Nijery aho, ary nieritreritra hoe, "Eny, ankehitriny, hafahafa ity. Etsy aho mandry, etsy mihitsy; nefa eto aho mitsangana, eto."

358 Noho izany, nitodika aho. Ilay izy dia tahaka ny goavana be iray—tahaka ny saha goavana be iray, tahaka, na zavatra iray, sahan'ahi-maitso iray midadasika be fotsiny. Ary—ary hoy aho hoe, "Eny, manontany aho hoe inona ity?"

359 Ary, tampoka teo, raha nijery aho, dia indro tonga ireo vehivavy tanora an'alinaliny, ny rehetra tao anaty akanjo fotsy, ny volo mihantona midina hatrany amin'ny valahan'izy ireo, tsy mikiraro, ary nihazakazaka nankeo amiko mihitsy izy ireo. Nieritreritra aho hoe, "Ankehitriny dia inona ity?"

360 Nitodika aho, nijery teto aoriana *teto*, ary teo aho; ary niandrandra nankany amin'*ity*, indro fa tonga izy ireo. Nokaikeriko ny rantsan-tànako. "Izaho—izaho—izaho—tsy matory aho, marina tokoa." Fa, afaka nahatsapa aho. Dia hoy aho hoe, "Eny, noho izany, dia misy zavatra eto, hafahafa."

361 Ary tonga ireo vehivavy rehetra ireo, nihazakazaka. Ary tsy mbola nahita vehivavy tsara tarehy tahaka an'izany mihitsy aho! Ary tonga izy rehetra, nihazakazaka nankeo amiko. Ary rehefa nihazakazaka nankeo amiko izy ireo . . .

362 Fantatrareo hoe efa toy ny ahoana aho, karazan'ny . . . Izy ireo dia miantso ahy hoe mpankahala vehivavy iray, saingy tsy izany aho, hitanareo. Fa, izaho—mihevitra fotsiny aho, ny vehivavy tsara iray dia anankiray amin'ny . . . dia firavaka iray. Fa, heveriko, ny anankiray izay tsy tsara, dia, araka ny lazain'i Solomona hoe, "rano ao anatin'ny ranareo." Noho izany dia tsy misy ilaiko tokoa ny—ny vehivavy ratsy laza na matikambo.

363 Ary noho izany dia tonga ireo vehivavy rehetra ireo. Nanomboka nanipy ny sandriny nanodidina ahy izy ireo. Ankehitriny, tsy mahazatra izany. Fantatrareo fa tsy hahatanty an'izany aho. Noho izany, ary izy ireo dia . . . Ankehitriny, tsy maintsy hilaza an'ity amin'ny fomba iray aho, fa, izaho dia—izaho dia ao amin'ny vahoaka betsaka mifangaro. Fa, izy ireo dia, vehivavy izy ireo. Vehivavy izy ireo. Ary izy ireo—namihina ahy izy ireo, ny tsirairay avy, ka nanao hoe, "Ny—ny anadahinay sarobidy!" Ary namihina ahy ny anankiray, ary avy eo dia namihina ahy ilay iray hafa.

364 Nitsangana teo aho, nijery. Nieritreritra aho hoe, "Eny, ankehitriny, inona ity?" Hitanareo? Ary nitsangana teo izy ireo. Nieritreritra aho hoe, "Inona no mitranga?" Nitodika tany aoriana aho. Teo aho, mandry *etsy* mihitsy; ary indro aho, mitsangana *eto*. Nieritreritra aho hoe, "Ankehitriny, mahatsikaiky ity. Izaho—tsy azoko ilay izy."

365 Ary nihorakoraka ireo vehivavy ireo hoe, "Oh, ny anadahinay sarobidy," ary namihina ahy. Ankehitriny, izy ireo dia ny rehetra mihitsy, ao amin'ny fahatsapana, vehivavy.

366 Ankehitriny dia mamelà ahy, ranabavy, raha milaza an'ity aho, satria . . . Fa henoy ny dokoteranareo; ary raha tsy manana saina madio isika, amin'izay fotoana izay dia tsy Kristiana isika. Tsy ahoako . . .

367 Niaina madio foana aho. Andriamanitra no mahafantatra an'izany. Fony aho zazalahy kely iray, dia niteny tamiko ilay Anjelin'ny Tompo mba tsy handoto ny tenako, hifoka, na hisotro. Ary marina izany. Nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia nitandrina an'izany aho. Fony aho mpanota iray, dia tsy nihodinkodina niaraka tamin'ny vehivavy aho. Ary noho izany . . .

368 Fa ny lehilahy rehetra izay mamela vehivavy iray hamihina azy amin'ny sandriny, izy anefa dia vita avy amin'ny sela lahy, ary izy, an'ny vavy, dia misy fahatsapana iray. Tsy ahoako na iza ianareo, ankehitriny, aza miteny amiko fa tsy izany ianareo, raha olona salama iray ianareo.

369 Fa, tsy Any; satria ianareo dia tsy manana, intsony, sela samihafa. Tsy hanota mihitsy ianareo Any. Nisy fanovàna iray. Tsy misy afa-tsy fitiavan'ny mpirahalahy ho an'ireo vehivavy ireo.

370 Kanefa, ao amin'ny fahatsaram-bika izay tahaka azy ireo; heveriko, ny—ny vehivavy iray, ny vehivavy tsara tarehy iray izay mihazona ny tenany hahitsy, ka mandeha tahaka ny ramatoa iray, izy dia—izy dia ohatra iray an'ny firavaka eto an-tany. Izaho—tiako ny zavatra rehetra izay tsara bika. Heveriko, ny—ny vehivavy iray izay mihazona ny toerany, ka miezaka ny ho ramatoa iray, dia—dia tsanganana iray an'ny fanajana. Tena mino an'izany aho. Ary heveriko, fa ny anankiray izay tsy izy,

izany fotsiny dia tahaka ny—ny Kristy sy ny antikristy, ilay zavatra iray ihany.

371 Izaho—tiako ny zavatra rehetra izay ara-boajanahary. Tahaka ny soavaly tsara tarehy iray, na zavatra iray, mijanona fotsiny ao amin'ny tsanganan'ny tena soavaly tsara tarehy iray izy. Na, zavatra iray tahaka an'izany, tendrombohitra iray tsara tarehy, vehivavy tsara tarehy, lehilahy tsara tarehy, ny zavatra rehetra izay mitsangana ao amin'ny fanamboaran'Andriamanitra, dia midera an'izany foana aho.

372 Ary tanteraka izy ireo. Fa tsy mampaninona na impiry no namihinan'izy ireo ahy tamin'ny sandriny, ary vehivavy izy ireo, azonareo, fa tsy mety hisy fahotana mihitsy any. Ireo tsimoka lahy sy tsimoka vavy, izy roa, dia lasa. [Mitehaka ny tànany miaraka indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] Isaorana ny Tompo! Anabaviko izy ireo, tanteraka tokoa.

373 Nijery aho. Ary nanomboka aho ny . . . Izaho—nijery ny tànako aho; hitako fa tena tanora izy rehetra. Ary nijery aho; izaho dia tanora, ihany koa. Ary izaho . . .

374 Ary very ny voloko, raha mbola lehilahy tanora; nanisy asidra karbôlika teo amin'izany, ny mpanety iray, ka nanaisotra azy rehetra fony aho zazalahy iray fotsiny. Ary izany dia efa karazan'ny—ny zavatra iray foana ho ahy, ka izaho—izaho—mora tratry ny sery haingana mihitsy aho, satria mbola malemy ny hodi-dohako, fantatrareo. Ary mbola eo foana ireo fakam-bolo, saingy main'ny asidra karbôlika izany, ka tsy afaka haniry intsony ny volo, hitanareo.

375 Ary nandeha aho, ny vadiko, fony aho . . . taona ela lasa izay, ka nividy solovolo iray hanaovako, singam-bolo kely iray, napetraka, hanarona ny lohako. Saingy menatra foana aho ny hitondra azy, satria toy ny hoe zavatra sandoka ilay izy. Ary tsy nila na inona na inona sandoka aho.

376 Ary noho izany dia nieritreritra aho hoe, "Hametraka satroka bonetra iray fotsiny aho." Noho izany, dia nanao aho, nandritry ny fotoana fohy. Fantatrareo ve izay nataon'izy ireo? Te-hiantso ahy hoe "eveka" izy ireo tamin'izany, nilaza fa izaho dia te-ho . . . Hitanareo? Hoy fotsiny aho hoe, "Aleo izy hajanona."

377 Noho izany dia miaritra fotsiny an'ilay sery ratsy aho, ka mamela azy . . . Fa, izaho . . . ianareo . . . ilay izy fotsiny dia ny mampakatra an'ireo varavarankely ireo, na zavatra iray, ka mamela rivotra kely hiampita eo amin'io tahaka an'izany, ry tovolahy, dia mahazo azy aho.

378 Ankehitriny dia nandeha nankany amin'ny dokotera iray aho ary nanontany azy, hoe inona no heviny. Hoy izy hoe, "Eny, hitanao, ny—misokatra ireo mason-koditrao. Tsemboka ianao, nohon'ny fitorian-teny. Tonga io rivotra io. Izany—izany no mametraka tsimoky ny sery iray ao anatin'ny lelo, ary midina

mankany amin'ny tendanao izany. Ny ampitso maraina dia farim-peo ianao. Izay ilay izy."

379 Ary—ary noho izany, oh, oadray, ianareo lehilahy izay manana volo, tsy fantatrareo hoe ahoana no tokony hankasitrahanareo, sy ny fananana an'izany. Marina izany. Hitanareo?

380 Eny, ankehitriny, hitako, arak'izany, fa izaho—izaho dia ho . . . Indray andro any, raha tsy manana ny nifiko aho, dia tsy maintsy hampanao sasantsasany amin'izy ireny aho, ary, noho izany, na tsy hanao azy ireo mihitsy.

381 Noho izany raha ny lehilahy iray—raha ny lehilahy iray . . . Eny, tsy nihevitra aho fa ho tena ratsy ho an'ny lehilahy iray, raha tiany ny, ny hanao solovolo, noho ny vehivavy iray izay manao ny iray amin'ireny lamba na taratasy famatoram-bolo ireny, na izay apetrak'izy ireo eo amin'ny volony tahaka an'izany, mba hampibontsina azy. Hitanareo? Fa—fa, mazava ho azy, raha manao an'izany ianareo, dia miankina amin'ny antony anaovanareo azy izany. Hitanareo? Miankina amin'ny antony anaovanareo azy izany. Ary noho izany . . .

382 Fa, na izany aza, nitsangana teo, nitsapa aho, ka nanana ny voloko indray aho. Oadray! Tanora aho. Ary ireto, ireto rehetra ireto, tanora! Dia nieritreritra aho hoe, "Eny, tsy hafahafa ve ity! Indro eo izy ireo." Ary izy rehetra dia nihazakazaka . . .

383 Ary nijery aho, tonga, ary izaho—hitako i Hope tonga. Nijery izy . . . Fantatrareo, maty tamin'ny faharoa amby roapolo taonany izy. Mbola tsara tarehy foana tahaka ny hatramin'izay izy. Maro aminareo no mahatsiaro azy; ireo maso mainty goavana. Alemana iray izy. Ny volony mainty nihantona tao andamosiny. Nieritreritra aho hoe, "Ankehitriny, rehefa tonga eto izy, dia hilaza izy—hilaza izy hoe, 'Bill.' Fantatro fa hilaza izy. Fantatro fa hilaza izy hoe, 'Bill,' rehefa tonga eto izy."

384 Nandinika aho. Ary ny tsirairay avy tamin'ireto vehivavy ireto dia tonga ka namihina ahy, nanao hoe, "Oh, ny anadahinay sarobidy, tena faly izahay mahita anao!" Dia nieritreritra aho . . . Ny tsirairay avy dia niakanjo nitovy, saingy nanana ny volony samihafa izy ireo, fantatrareo, volo mena, sy volo mainty, ary volo mavo mena. Ary—ary nandalo izy ireo, saingy tanora izy rehetra.

385 Ary rehefa tonga teo amiko izy, dia nieritreritra aho hoe, "Hahita fotsiny an'izay lazainy aho."

386 Ary nijery ahy izy, ka hoy izy hoe, "Oh, ny anadahinay sarobidy!" Namihina ahy izy, dia nanohy nandeha fotsiny. Tonga ny vehivavy hafa iray, namihina ahy, manaraka.

387 Ary nandre tabataba iray aho. Ary nijery tamin'*ity* ilany ity, ary indro tonga ny andian-dehilahy iray, lehilahy tanora, ny rehetra dia saiky roapolo taona. Nanana volo mainty izy ireo,

sy volo mavo mena. Ary izy rehetra dia nanao akanjo fotsy, sy tsy nikiraro. Ary nihazakazaka teo amiko izy ireo ka nanomboka namihina ahy, nihorakoraka hoe, "Rahalahy sarobidy!"

388 Nieritreritra aho. Dia nitodika indray aho, ary teo aho, mbola nandry teo. Dia nieritreritra aho hoe, "Eny, ankehitriny, hafahafa ity."

389 Ary tamin'izay fotoana izay mihitsy no nivoaka ny Feo iray niresaka tamiko. Tsy nahita an'ilay Feo mihitsy aho. Hoy Izy hoe, "Efa nangonina ianao, ianao—ianao dia efa nangonina ho eo amin'ny olonao." Ary tamin'izay fotoana izay dia nisy lehilahy vitsivitsy nitondra ahy ambony, nametraka ahy ambony, teo amin'ny zavatra goavana iray avo tahaka an'*izao*.

Hoy aho hoe, "Nahoana ianao no nanao an'izao?"

Hoy Izy hoe, "Mpitarika iray ianao teny amin'ny tany."

Ary hoy aho hoe, "Eny, izaho—tsy azoko ity."

390 Ary niresaka tamiko io Feo io. Tsy afaka nahita an'ilay Feo mihitsy aho. Ankehitriny, teo amboniko Izany, niresaka tamiko.

391 Hoy aho hoe, "Eny, raha izaho—raha maty aho, dia te-hahita an'i Jesosy." Hoy aho hoe, "Izaho . . . Izy no tena . . . Izy no fiainako rehetra. Te-hahita Azy aho."

Ary noho izany dia hoy Izy hoe, "Tsy afaka mahita Azy ianao ankehitriny. Mbola avo kokoa Izy."

392 Hitanareo, teo ambanin'ny alitara izany, kanefa, hitanareo, ilay toerana fahenina, izay andehanan'ny olona, hitanareo; tsy ilay fahafito, izay misy an'Andriamanitra, faritra fahafito. Ilay fahenina!

393 Ary izy ireo dia—ary teo izy rehetra, ary nandalo izy ireo. Dia hoy aho hoe . . . Toy ny hoe nisy an-tapitrisany tamin'izy ireo. Tsy mbola nahita azy ireo mihitsy aho . . . Ary, rehefa nipetraka teo aho, dia mbola nandalo nihazakazaka sy namihina ahy foana ireo vehivavy sy lehilahy ireo, niantso ahy hoe "rahalahy." Ary nipetraka teo aho.

394 Ary tamin'izay fotoana izay dia hoy io Feo io hoe, "Efa nangonina ho eo amin'ny olonao ianao, tahaka an'i Jakoba nangonina ho eo amin'ny olony."

Hoy aho hoe, "Ireo rehetra ireo ve, ny oloko? Branham ve ireo rehetra ireo?"

Hoy Izy hoe, "Tsia. Izy ireo no anao niova fo ho an'i Kristy."

395 Nijery manodidina aho. Ary nisy vehivavy tena tsara tarehy iray nihazakazaka. Tahaka an'ilay iray ihany fotsiny izy. Nanipy ny sandriny nanodidina ahy izy, ka hoy izy hoe, "Oh, ranadahiko sarobidy!" Nijery ahy izy.

396 Nieritreritra aho hoe, "Oadray! Tahaka ny Anjely iray izy." Dia nandalo izy.

Ary hoy io Feo io hoe, "Tsy nahafantatra azy ve ianao?"

Hoy aho hoe, "Tsia, tsy nahafantatra aho."

397 Hoy Izy, "Ianao no nitarika azy teo amin'i Kristy fony izy nihoatra ny sivifolo taona." Hoy Izy, "Fantatrao ve hoe nahoana izy no tena mieritreritra betsaka anao?"

Hoy aho hoe, "Iny zazavavy tsara tarehy iny ve dia nihoatra ny sivifolo taona?"

398 "Hia." Hoy Izy, "Tsy afaka miova intsony mihitsy izy ankehitriny." Hoy Izy, "Izany no antony ilazany hoe, 'Ranadahy sarobidy.'"

399 Nieritreritra aho hoe, "Oh, oadray! Nefa aho natahotra an'izao? Nahoana, tena misy ireo olona ireo." Izy ireo, tsy nandeha na taiza na taiza izy ireo. Tsy reraka izy ireo, raha Any.

Ary hoy aho hoe, "Eny, nahoana aho no tsy afaka mahita an'i Jesosy?"

400 Hoy Izy, "Eny, ankehitriny, Izy dia—ho avy Izy indray andro any. Ary hanatona anao Izy, aloha, avy eo dia hotsaraina ianao." Hoy Izy, "Ireo olona ireo dia ireo anao niova fo izay notarihinao."

401 Dia hoy aho hoe, "Ny Tianao lazaina ve, amin'ny mahampitarika iray, hoe izaho . . . hoe hitsara ahy Izy?"

Hoy Izy, "Eny."

402 Dia hoy aho hoe, "Tsy maintsy ho tsaraina tahaka an'izany ve ny mpitarika rehetra?"

Hoy Izy, "Eny."

Hoy aho hoe, "Ahoana ny amin'i Paoly?"

Hoy Izy hoe, "Tsy maintsy ho tsaraina miaraka amin'ny azy izy."

403 "Eny," hoy aho, "raha miditra ny vondrony, dia hiditra koa ny ahy, satria nitory marina tokoa an'ilay Teny iray ihany aho." Izay ilay izy. Hoy aho hoe, "Izay nanaovany batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy, no nanaovako, ihany koa. Nitory teny aho . . . "

404 Ary an-tapitrisany no nihiakiaka, tampoka teo, nanao hoe, "Eo amin'Izany no itsaharanay!"

405 Dia nieritreritra aho hoe, "Oadray! Raha fantatro fotsiny mantsy ity talohan'ny nahatongavako teto, dia ho nanao ny olona ho tonga eto aho. Tsy tokony ho diso an'ity izy ireo. Nahoana, jereo eto!" Ary tamin'izay fotoana izay . . .

406 Dia hoy Izy hoe, "Ankehitriny, indray andro any dia ho tonga Izy, ary amin'izay fotoana izay . . . Ankehitriny, eto, dia tsy mihinana izahay, misotro, na matory. Iray fotsiny izahay rehetra."

407 Eny, tsy tanteraka izany; any ankoatry ny tanteraka izany. Tsy fanaperana izany; any ankoatry ny fanaperana izany. Tsy misy anarana azo . . . Tsy afaka mieritreritra ianareo . . . Tsy misy

teny ao amin'ny voambolana hilazana an'izany. Tonga fotsiny ianareo, izay ihany.

408 Dia nieritreritra aho hoe, "Eny, ity, ity no ho tanteraka. Ary amin'izay fotoana izay dia inona no hataonay manaraka?"

409 Hoy Izy, "Amin'izay fotoana izay, rehefa tonga Jesosy, ka isika dia . . . ka mitsara anao Izy, na ho an'ny asampanompoanao, amin'izay fotoana izay dia hiverina eny amin'ny tany izahay ka handray vatana." Eny, izaho—tsy nieritreritra mikasika an'izany mihitsy aho tamin'izay. Izany marina tokoa ny Soratra. Hoy Izy, "Amin'izay fotoana izay dia hiverina eny amin'ny tany izahay ka handray vatana, avy eo dia mihinana. Tsy mihinana izahay eto, tsy matory koa izahay." Hoy Izy, "Any izahay no mihinana, fa hiverina eny amin'ny tany izahay."

410 Nieritreritra aho hoe, "Oadray, tsy mahafinaritra ve izao! Oh, oadray! Nefa aho dia natahotra an'izany. Nahoana aho no natahotra ny ho faty, mba ho tonga eo amin'izao? Eny, izao no fahatanterahana, miampy fahatanterahana, miampy fahatanterahana. Oh, mahafinaritra izao!"

411 Hitanareo, teo ambanin'ny alitara mihitsy izahay. Hitanareo? Izay ilay izy, hitanareo, teo ambanin'ny alitara mihitsy, niandry ny Fihaviana, hitanareo, mba Handehanany haka an'ireo izay natory tao amin'ireo . . . ireo—ireo vatana izay natory tao amin'ny vovoka, mba hanangana antsika indray; mandalo, manangana antsika.

412 Tahaka an'i Jesosy nandalo tao paradisa, ka nampakatra an'i Abrahama, Isaka, ary izy rehetra ireo, fantatrareo, izay niandry ny fitsanganana voalohany. Niditra tao an-tanàna izy ireo ary niseho tamin'ny maro.

413 Ara-tSoratra tanteraka izany. Izany ilay fahitana, na inona ilay izy, dia ara-tSoratra tanteraka izany.

414 Dia hoy aho hoe, "Eny, tsy mahafinaritra ve izao!" Ary tamin'izay fotoana izay dia nieritreritra aho hoe, "Ity ve tsy mahafi- . . . ?"

415 Nandre zavatra iray nihika malefaka aho, tahaka ny soavaly iray. Dia nijery aho. Ary ny soavaly kely fitaingiko izay notaingenako fahiny, Prince kely, nieritreritra betsaka ny aminy aho. Indro izy, nitsangana teo akaikiko, ka nametraka ny lohany teo amin'ny soroko, mba hamihina ahy. Tahaka ny nanomezako siramamy azy fahiny, fantatrareo, ary izy nametraka ny . . . Nametraka ny sandriko nanodidina azy aho. Hoy aho hoe, "Prince, fantatro fa ho eto ianao."

Nahatsapa zavatra iray nilelaka ny tànako aho. Teo ilay alika mpihazako fahiny.

416 Rehefa—rehefa Atoa. Short, teto, no nanapoizina azy, dia nianiana aho fa hamono an'Atoa. Short nohon'ny amin'izany. Teo amin'ny enina ambin'ny folo taona teo aho. Izy no nanapoizina

azy, nanome azy sakafon'alika nisy poizina. Ary tratran'ny dadako niaraka tamin'ny basy lava iray aho, nandeha tany hitifitra azy, tao amin'ny biraon'ny polisy mihitsy. Dia hoy aho hoe, "Ho vonoiko izy." Hoy aho hoe, "Eny . . . " Nandeha tany amin'ny fasan'ilay alika aho. Izaho—naleviko izy. Hoy aho hoe, "Fritz, efa toy ny namana iray ianao ho ahy. Ianao no nampiakanjo ahy sy nandefa ahy tany an-tsekoly. Rehefa antitra ianao, dia izaho no hikarakara anao. Ankehitriny dia novonoin'izy ireo ianao." Hoy aho hoe, "Mampanantena anao aho, Fritz, fa tsy ho velona izy." Hoy aho hoe, "Mampanantena anao aho, tsy ho velona izy. Ho tratrako eny an-dàlambe izy indray andro any, mandeha, amin'izay fotoana izay dia ho hitsakitsahiko mihitsy izy, hitanao." Dia hoy aho hoe, "Ho azoko ho anao izy."

417 Saingy mba fantatrareo moa? Izaho no nitarika an'ilay lehilahy teo amin'i Kristy, nanao batisa azy tamin'ny Anaran'i Jesosy, ary nandevina azy tamin'ny fahafatesany. Eny, tompoko. Niova fo aho teo amin'ny roa taona taorian'io. Hafa no nahitako an'ireo zavatra tamin'izany, hitanareo. Tia azy aho raha tokony nankahala azy.

418 Koa noho izany, fa, na ahoana na ahoana, dia teo i Fritz nitsangana teo, nilelaka ahy teo amin'ny tànana. Ary izaho dia . . . Nijery aho.

419 Tsy afaka nitomany aho. Tsy nisy olona afaka nitomany. Fifaliana ny rehetra. Tsy afaka halahelo ianareo, satria hasambarana ny rehetra. Tsy afaka ho faty ianareo, satria Fiainana ny rehetra. Hitanareo? Hitanareo? Tsy afaka ho lasa antitra, satria hatanorana ny rehetra. Ary izany no . . . Tanteraka fotsiny izany. Nieritreritra aho hoe, "Oh, tsy mahafinaritra ve izao!" Ary ireo an-tapitrisany . . . Oh, oadray! Tany an-trano mihitsy aho, hitanareo.

420 Ary—ary tamin'izay fotoana izay mihitsy dia nandre Feo iray aho. Ary Izany dia niantsoantso, nanao hoe, "Izay rehetra hany tianao . . . " ny valim-pitia ho an'ny asako. Tsy mila valim-pitia aho. Hoy Izy hoe, "Izay rehetra hany tianao, ary izay rehetra hany tia anao, dia nomen'Andriamanitra anao."

Hoy aho hoe, "Deraina ny Tompo!"

421 Nahatsapa ho mahatsikaiky aho. Nieritreritra aho hoe, "Inona ny olana? Mahatsapa ho mahatsikaiky aho." Nitodika aho ka nijery. Ary teo am-pandriana, dia nihetsika ny vatako. Hoy aho hoe, "Oh, tsy tokony hiverina aho, azo antoka. Aza, aza avela handeha aho."

422 Saingy tsy maintsy toriana ny Filazantsara. Tao anatin'ny iray segondra fotsiny, dia teo am-pandriana indray aho, hitanareo, tahaka an'izany.

423 Tsy mihoatra ny teo amin'ny roa volana lasa teo izay, fa . . . Efa renareo izany novakianareo izany tao amin'ny—tao amin'ny

Business Men's *Voice*. Nandeha nanerana an'izao tontolo rehetra izao izany, hitanareo. Ary Rahalahy Norman, ato, ataoko fa ato izy any ho any izao hariva izao. Izy no nandika an'izany avy tao, ka nandefa an'izany tao anatin'ireo trakta. Nandeha hatraiza hatraiza izany. Ary nanoratra ireo mpitoriteny, maro amin'izy ireo, ka nilaza . . .

424 Eto ny anankiray, hiteny fotsiny an'ity anankiray ity mihitsy aho. Nisy an-jatony tamin'izy ireo, mazava ho azy. Izao ity anankiray ity, nanao hoe, "Rahalahy Branham, ny fahitanao tao amin'ny Business Men's *Voice* . . . "

425 Ary mankasitraka an'i Tommy Nickels aho, na dia tsy miaraka amin'ny Business Men aza izy, intsony. Tsy fantatro hoe nahoana, fa tsy miaraka izy. Fa izy no nametraka an'izany teto mihitsy, izay nolazaiko. Tao amin'ilay magazina triniterana mihitsy, hoy izy hoe, "Teo amin'izaho . . . Teo amin'izay nanaovan'i Paoly batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy, sy nandidiany ny olona hanao tahaka an'izany, no nanaovako tahaka an'izany koa." Hitanareo, napetrany tahaka an'izany mihitsy ilay izy. Hitanareo? Ary noho izany izaho—izaho—nieritreritra aho hoe, "Oadray!"

426 Nanoratra ity mpitoriteny ity, nanao hoe, "Rahalahy Branham, ny fahitanao . . . "

427 Fa, mety ho fahitana iray ilay izy. Hoy izy . . . Ankehitriny, tsy te-hilaza aho hoe, "famindrana." Raha i Paoly . . . Raha nakarina tany amin'io lanitra voalohany io aho ka nahita an'izany, dia ahoana ny amin'i Paoly izay nakarina mihitsy tany amin'ireo lanitra fahatelo? Inona izany? Nilaza izy fa tsy afaka niresaka mikasika an'izany akory aza izy, hitanareo, raha nakarina izy. Raha fampakarana iray izany, dia tsy fantatro. Tsy afaka milaza aho. Tsy afaka hiteny aminareo aho.

428 Fa hoy ity mpitoriteny ity hoe, "Rahalahy Branham, tena ara-tSoratra ny fahitanao ary tena tsara mandra-piresakao mikasika ny soavaly iray tany." Hoy izy, "Soavaly iray any An-danitra?" Hoy izy . . . Ankehitriny hitanareo ve io lehilahy mpitondra fivavahana io, fahendrena, fisainana? Hitanareo? Hoy izy, "Ny Lanitra dia natao ho an'ny olombelona, fa tsy soavaly."

429 Eny, nipetraka aho. Billy, ny zanako lahy eto, no nametraka an'ilay taratasy teto amin'ilay biraon'ny fiangonana tranainy, teo amin'ny telo na efa-bolana lasa izay.

430 Hoy aho hoe, "Ry rahalahiko sarobidy, gaga aho ny amin'ny fahendrenao, saingy, ary ny fahafantaranao ny Soratra. Tsy nilaza aho hoe tany An-danitra aho. Nilaza aho fa izany dia toerana iray tahaka ny paradisa, satria mbola tany ambony Kristy, hitanao. Fa," hoy aho, "raha mety hahafa-po anao izany, dia mamadiha ao amin'ny Apokalypsy 19. Ary rehefa mivoaka avy any amin'ny lanitry ny Lanitra Jesosy, dia mitaingina

soavaly fotsy iray Izy, ary ireo olo-masina miaraka Aminy dia mitaingina soavaly." Marina. Tanteraka tokoa. Eny, tokoa.

431 Ary tany amin'io Toerana ambony iray io ihany, dia nisy anankiray tahaka ny voromahery, sy anankiray tahaka ny omby, ary anankiray . . . Eny, oadray, aiza ireo soavaly izay tonga naka an'i Elia? Izany no maneho fotsiny, hitanareo, fa te-hikaroka zavatra iray fotsiny ilay fisainan'olombelona. Marina izany.

432 Mariho ankehitriny. Fa nieritreritra fotsiny aho, tahaka an'ity rahalahy sarobidy, masina ity, Jaona . . . Nieritreritra fotsiny aho fa ho toerana tsara iray ny hanatsofoka an'ity, alohan'ny hamaranana mihitsy, hitanareo. Raha nijery i Jaona Tany, ka isan'ny rahalahiny izy ireo, hitanareo, ireo rahalahiny izay tsy maintsy hiaritra kely; noho izany, hitanareo, dia ny Tompo Andriamanitra no namela ahy hahita an'ireo rahalahiko sy ireo olo-masina izay niandry ny Fihavian'ny Tompo. Mariho, tsy teo ambanin'ny alitaran'ny fanatitra izy ireo; tsy teo ny ahy. Fa, ireto dia teo, maritiora izy ireo. Hitanareo? Tsy teo ambanin'ny alitaran'ireo maritiora ny ahy.

433 Ankehitriny dia tiako ianareo hihaino tsara mihitsy. Ary hamarana aho, marina, afaka folo minitra eo fotsiny, amin'ny folo ora, raha tsy maintsy hanapaka azy fotsiny aho ary hamarana azy rahampitso.

434 Jereo. Izy ireo, izy ireo dia tsy ny . . . ireo izay nasehon'ny Tompo ahy, ny Ampakarina, tsy teo ambanin'ilay vongam-baton'ireo maritiora Izy, tsia, ilay alitaran'ny fanatitra an'ireo maritiora; fa efa nahazo akanjo fotsy, nohon'ny fanekena ny fahasoavam-pamelàna an'ny Teny velona. Kristy no nanome azy ireo akanjo fotsy iray. Tsy mihevitra aho, tamin'ny fanokafana . . .

435 Na, tena mihevitra aho, raha ny marina, tamin'ny fanokafana an'ity Tombokase Fahadimy ity, araka ny inoako, fa misokatra amintsika Izany. Nataoko tamin'ny fieritreretana tsara izany, niaraka tamin'ny fanambarana mazava teo anatrehan'Andriamanitra. Tsy hoe niezaka ny nanamboatra azy fotsiny, mieritreritra, satria efa nanohitra ny rafi-pandaminana foana aho, tsy nikambana tamin'izy ireo mihitsy. Fa misokatra Izany ankehitriny ho ahy.

436 Ary tena mieritreritra zavatra hafa iray aho. Tamin'ny fanokafana an'ity Tombokase Fahadimy ity, amin'izao andro izao, manitsy foto-pampianarana iray eto mihitsy, izay mety ho resahako, ny amin'ny torimason'ny fanahy. Ankehitriny, fantatro fa misy olona ato izay tena mino an'izany, hitanareo, ny fanahy izay matory. Heveriko fa Ity dia tsy manaporofo an'izany. Tsy matory izy ireo. Velona izy ireo. Ny vatany, no matory. Fa, ny fanahy, tsy ao am-pasana, ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izy ireo, hitanareo, eo ambanin'ny alitara.

437 Eo no tsy ifanarahako amin'ny rahalahy sarobidy iray, mpampianatra iray. Ary, mahamarika aho, fantatro fa mahita ny sasany amin'ireo olony aho mipetraka eto. Fa, fantatro fa mpampianatra malaza iray izany. Dokotera iray izy, ary ny—Dokotera ny momba an'Andriamanitra, ary Ph. iray, LL.D. Ary izy dia—izy dia tena lehilahy tsara, ihany koa. Heveriko fa efa maty izy ankehitriny, amin'izao fotoana izao. Fa lehilahy tsara iray izy, ary mpanoratra tsara iray. Ary Rahalahy Uriah Smith izany, ilay mpanoratra ny *Daniela sy ny Apokalypsy*. Ankehitriny, ho anareo olona izay mpanaraka ny fampianarany, hitanareo, ankehitriny aho dia tsy . . . Izaho fotsiny tsy . . . tsy te-hilaza an'izao am-piavonavonana aho, fa izaho fotsiny . . . Hitanareo?

438 Fa, Rahalahy Smith, ary miezaka ny hanohana, hitanareo, ary miezaka ny hanohana ny torimason'ny fanahy, eto izy dia milaza fa, "Matory ny fanahy. Ary tsy misy alitaran'ny fanatitra any An-danitra. Fa, ny alitara tokana izay voalaza dia," izay izy—izay inoany fa misy any An-danitra, "dia ny alitaran'ny zava-manitra." Fa ho anareo olona malala . . . Ary tsy hoe tsy mifanaraka amin'ny rahalahiko. Izaho anga- . . . dia manantena ny hihaona aminy any amin'ilay ilany hafa, hitanareo. Tsy hoe tsy mifanaraka amin'io mpampianatra malaza io.

439 Fa mba haneho aminareo fotsiny hoe toy ny ahoana no tsy anaporofoin'Ity an'izany, hitanareo. Izany dia tsy manaporofo an'io. Ny fanokafana an'ity Tombokase ity, amin'izao andro farany izao, izany no manaisotra tanteraka an'ilay torimason'ny fanahy amin'ny làlana. Hitanareo? Velona izy ireo. Tsy maty izy ireo. Hitanareo? Mariho.

440 Mariho ity ankehitriny. Ankehitriny, raha tsy misy alitaran'ny fanatitra any An-danitra, dia aiza àry no mipetraka ilay fanatitra ho an'ny fahotana, ny Zanak'ondry izany? Tsy maintsy misy toerana iray izay misy an'io Zanak'ondry voavono, mivoa-drà io, mipetraka eo, izay misy an'ilay Rà . . . izany.

441 Ankehitriny, ireo zava-manitra dia fofona, zavatra manipofona izay doran'izy ireo, izay nolazain'ny Baiboly fa "ireo vavaky ny olo-masina." Raha tsy misy fanatitra eo amin'ilay alitara, amin'izay fotoana izay dia tsy azo raisina ireo vavaka. Amin'ny alàlan'ny Rà irery ihany, eo amin'ilay alitaran'ny fanatitra, no mamela an'ireo vavaka hiakatra mankany amin'Andriamanitra.

442 Diso Rahalahy Smith, hitanareo. Tsy hoe tsy hifanaraka aminy; heveriko fa nanao ny tenako hazava aho, miaraka amin'ny fitiavan'ny mpirahalahy sy ny fanajana ny asany lehibe, hitanareo. Fa diso izy.

443 Ny Tombokase Fahadimy no nanokatra an'izany, hitanareo, hitanareo; zavatra maro hafa, raha azonareo izany. Hitanareo?

Miandry an'ireo fanontaniako aho, hitanareo, raha izaho . . . Eny àry.

444 Ankehitriny, taiza ilay fiara; ilay Zanak'ondry voavono, naratra, nandeha rà, nivoa-drà ho an'ny fanaovam-panavotana, ho an'ireo vavaka mani-pofona ireo?

445 Mariho, hoy ny Baiboly hoe, "Raha ravàna ity tabernakelin'ny tany an'ny fonenantsika ity, dia manana anankiray efa miandry isika." Tao no nahitako an'ireo olo-masina ireo. Hitanareo?

446 Diniho ny zazakely iray rehefa . . . Mamelà ahy indray, ranabavy, ho an'ity resaka miharihary ity eo anatrehan'ireo vehivahy tanora. Fa, jereo. Rehefa mitoe-jaza ny reny iray, ka miolanolana sy mitsambikina io andiana hozatra kely io, azonareo, dia vatana ara-boajanahary iray izany. Ary tahaka ny anaovan'ny natiora an'ilay vatana ara-boajanahary . . .

447 Efa mba voamarikareo ve ny vadinareo mialohan'ny nahaterahan'ireo madinika kely? Izy isan'andro, hatrany foana, amin'ny farany, dia lasa tena tsara fanahy, malemy fanahy. Raha tsy efa izany izy, teo amin'ny fiainany rehetra, dia ho izany izy amin'io fotoana io. Efa mba voamarikareo ve hoe masina toy ny ahoana, na karazana fihetseham-po iray, no voamarikareo amin'ilay reny?

448 Ary mahita mpanota iray ianareo eo, maneso reny iray izay ve—vehivavy iray bevohoka. Heveriko fa mahamenatra izany. Aina tonga eto amin'izao tontolo izao izany.

449 Fa efa voamarikareo ve, fa toy ny misy fihetseham-po mamy manodidina an'io reny io? Inona izany? Izany no vatana kely ara-panahy iray, aina ara-panahy, miandry ny hiditra ao anatin'io vatana kely io vantany vao teraka izy. Ankehitriny dia hateraka fotsiny ihany izy; fa, rehefa teraka izy, dia teraka izy. Mikambana amin'ilay vatana ara-boajanahary ilay vatana ara-panahy.

450 Ary, noho izany, ny Baiboly dia mampianatra fa isika ankehitriny dia naterak'Andriamanitra. Nateraky ny Fanahy Masina isika, ka, ao anatintsika dia misy an'i Kristy, zanak'Andriamanitra iray miforona ao anatintsika. Ary rehefa ravàna ity vatan'ny tany ity, dia mivoaka avy ao amin'ireo tsinain'ny tany io vatana ara-panahy io, dia misy vatana iray hafa eo handray an'izany. "Raha mihintsana ity tabernakelin'ny tany ity, dia misy vatana iray hafa mandray azy." Mitafy ny tsi-fahafatesana ity vatana mety maty ity. Mitafy ny any an-danitra ity an'ny tany ity. Ity, hitanareo ve izay tiako lazaina? Misy ny vatana ara-boajanahary iray izay mpanota; fa, ao amin'ny endriny, tahaka azy mihitsy, dia misy vatana iray hafa izay handehanantsika.

451 Ary tena mankasitraka an'Andriamanitra aho fa afaka milaza, amin'ny maha-pasiteranareo sy rahalahinareo, fa nahita

an'ireo olona ireo aho, mianiana aho, tao amin'io vatana io, ary nikasika azy ireo tamin'ny tànako. Marina izany. Mariho.

452 Diniho. Jereo i Mosesy, Elia. Taorian'ny nahafatesan'i Mosesy, ary Elia nentina nankany An-danitra, dia nitsangana teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy izy niaraka tamin'ny taovam-panamboloany an'ny fitenenana, fandrenesana, fahazoana, ka niresaka tamin'i Jesosy talohan'ny fanomboana. Ankehitriny, karazana vatana inona no nananany?

453 Jereo i Samoela, taorian'ny nahafatesany teo amin'ny roa taona teo. Nantsoina hiverina tao amin'ilay—ilay lavaka tamin'io alina io, tamin'ny alàlan'ilay mpamosavivavin'i Andora, ary niresaka tamin'i Saoly tamin'ny fiteny; nandre an'i Saoly, namaly, ary nahafantatra mialoha an'ireo zavatra izay hitranga. Mbola, tsy niova ny fanahiny. Mpaminany iray izy.

454 Rehefa tonga eo amin'ilay lehilahy ny fanahin'i Elia, dia izany no hitarika azy tahaka an'i Elia mihitsy. Handeha hankany an-efitra izy. Ho tia ny an-efitra izy. Ho mpankahala vehivavy ratsy fitondran-tena izy. Hanohitra ny rafi-pandaminana izy. Tsy hisintona totohondry amin'iza na iza izy. Ary izany fotsiny dia . . . Izany dia, ho izany ny fanahiny. Efa izany ilay izy, isaky ny tonga izany, hitanareo.

Ho ilay olona iray ihany i Mosesy.

Ankehitriny, ary hitantsika, ao amin'ny Apokalypsy 22:8, ilay zavatra iray ihany.

455 Ankehitriny, na handaminana an'izany, ho an'ireo izay . . . Ireo fanahy (diniho ity ankehitriny) eo ambanin'ny alitara ireo, tamin'ny famahana an'ity Tombokase ity, izay novonoina tamin'ny fotoana nanelanelana ny fahafatesan'i Kristy sy ny fiakaran'ilay Fiangonana; ilay vondron'i Eichmann, sy io rehetra io, ireo Jiosy marina niaraka tamin'ny anaran'izy ireo teo amin'ny Boky. Raha handinika ianareo, ry rahalahiko, araka ny Soratra, dia afaka niresaka izy ireo, niantsoantso, niteny, nandre, ary nanana an'ireo taovam-panamboloana dimy rehetra. Tsy natory tao am-pasana, tsy nahatsiaro tena. Tena nifoha tokoa izy ireo, ary afaka niresaka, niteny, nandre, ny zavatra hafa rehetra. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Oh, ampio izahay!

456 Roa minitra. Amena. Izaho . . . miala tsiny aho nihazona anareo antsasak'adiny. Tsia, tsy afaka aho, tsy tokony nilaza an'izany aho, hitanareo. Hitanareo? Marina izany, hitanareo.

457 Fa, jereo, ity no tsara indrindra amin'ny fahazoako, ny tsara indrindra. Ary araka ny fanambarana izay nomena ahy aninkeo maraina talohan'ny misandratr'andro mihitsy, avy tamin'i Jesosy Kristy Tompo, dia io ilay Tombokase Fahadimy nisokatra, manaraka an'ireo efatra hafa. Nohon'ny Fahasoavany, dia Nomeny ahy izany, ny Fahasoavany ho ahy sy anareo. Misaotra Azy isika ny amin'Izany. Ary, miaraka amin'ny Fanampiany,

dia maniry aho ny hiaina akaiky kokoa ny. . . arak'izay azoko iainana, hampianatra ny hafa hanao an'ilay zavatra iray ihany, mandra-pihaonako Aminy, miaraka aminareo, any amin'ny Voninahitra, rehefa tapitra ny zavatra rehetra. Tiako Izy noho ity, ary izany no tsara indrindra amin'ny fahalalako Azy.

458 Ary mino marina tokoa aho, amin'ny foko rehetra, fa ireo fanambarana marina an'ny fanambarana an'ny Tombokase Voalohany, Faharoa, Fahatelo, Fahefatra, ary Fahadimy, dia misokatra amintsika ankehitriny.

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy

[Miresaka moramora amin'ny olona iray Rahalahy Branham—Mpand.]

Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

[Manomboka misamonomonona ny *Tiako Izy* Rahalahy Branham—Mpand.]

459 Ankehitriny, moramora, am-panajana, eo anatrehan'Andriamanitra! Satria hitantsika ity Tombokase ity nisokatra tamintsika, Andriamanitra izay tsy maintsy naka an'ireo Zanany Manokana ka nanajamba ny mason'izy ireo, ary nandefa azy ireo, satria Ny fahamarinany Manokana—ny fahamarinany dia mitaky ny fitsarana ny fahotana. Eritrereto izany. Ny fahamarinany, sy ny Fahamasinany dia mitaky fahamarinana. Ny lalàna iray tsy misy sazy iray dia tsy lalàna. Ary ireo Lalàny Manokana, ny Tenany, tsy afaka manohitra Izy nefa mbola mijanona ho Andriamanitra foana.

460 Izany no antony tsy maintsy nahalasa olona an'Andriamanitra. Tsy afaka naka mpisolo iray Izy, zanaka iray izay tsy. . . zanaka tsotra iray fotsiny ho Azy, na zavatra iray. Andriamanitra dia lasa sady, Jesosy dia lasa sady Zanaka no Andriamanitra, ny fomba tokana izay Nahafahany nanao an'izany am-pahamarinana tokoa. Tsy maintsy naka an'ilay sazy Andriamanitra, ny Tenany. Tsy ho marina ilay izy, raha mametraka an'izany eo amin'ny olon-kafa iray, olona iray hafa. Noho izany, ilay Jesosy Olona dia Andriamanitra, voaseho tao amin'ny nofo, nantsoina hoe Imanoela.

461 Ary mba hanaovana an'izany, sy mba hakàna Ampakarina iray, ary mba hamonjena andiana mpanompo sampy Jentilisa very, dia tsy maintsy nanajamba ny Zanany Manokana Izy. Ary avy eo dia nanasazy azy ireo ny amin'izany, tao amin'ny nofo, nohon'ny fandàvana. Fa ny Fahasoavany dia nanomana akanjo. Fa, ilay Fiainana, dia hitanareo izay nitranga.

462 Ary raha tsy maintsy nanao an'izany Izy, mba hanao antsika hanana anjara iray, dia ahoana no ahafahantsika manifikifika an'io anjara ao amin'ny fitiavana io? Raha misy ato amin'ny tranobe, izao hariva izao, io olona io, tanora na antitra, izay

nanifikifika an'io fanararaotra io amin'ity fotoana ity izay naloan'Andriamanitra tamin'ny vidiny lehibe, ka te-hanaiky an'io tolotr'Andriamanitra io ianareo, izao hariva izao; ka tsy voatery ianareo ny, arak'izay hany fantatsika, ny ho maritiora iray, na dia mety ho izany aza ianareo. Fa misy akanjo fotsy iray efa nomanina ho anareo. Ary raha mandondòna eo amin'ny fonareo Andriamanitra ankehitriny, dia nahoana no tsy manaiky an'izany! [Mandondòna ny polipitra intelo Rahalahy Branham—Mpand.]

Ndao isika hanondrika ny lohantsika indray ankehitriny.

463 Raha izany olona izany, na ireo olona, no ato, ka maniry an'izany, na te-hanaiky an'izany eo amin'ny fototry ny finoanareo ao amin'ilay Rà nararaka izay tsy maintsy nararak'Andriamanitra ho anareo, niaritra mihoatra noho ny zavatra hafa mety maty rehetra. Tsy mety nisy vatana mety maty iray afaka niaritra tahaka an'izany. Hany ka, ny Alahelony Manokana no nanasaraka ny Ranony tamin'Ny Ràny, tao amin'ireo Làlan-dràny. Talohan'ny Nandehanany nankeny Kalvary, dia efa nivoaka avy tao amin'ny Vatany ireo teten-dRà, niaraka tamin'ny alahelo mafy sy fo vaky ny amin'izay tsy maintsy Nataony. Fa, afaka nandà an'izany, ihany koa. Saingy, an-tsitrapo no nanaovany an'izany ho ahy sy ho anareo. Afaka mandà fitiavana tsy manan-tsahala tahaka an'izany ve ianareo?

464 Ary hitanareo izany ankehitriny, tamin'ny fanokafana an'ireto Tombokase ireto; dia izay nataonareo, sy izay nataon'Andriamanitra ho anareo. Ary vonona ny hanolotra ny fiainanareo ho an'Andriamanitra ianareo, ka raha hanongotra anareo hiala amin'ny tànan'ilay antikristy izay misy anareo ankehitriny Izy, dia hanaiky ny Fanolorany ve ianareo, amin'ny fananganana fotsiny ny tànanareo Aminy, manao hoe, "Andriamanitra, amin'ny alàlan'izao, no anehoako, fa manaiky an'io tolotry ny fahasoavana io aho"?

465 "Ary, Rahalahy Branham, maniry ny vavakao aho, mba hijanonako ho mahatoky hatrany."

466 Atsangano ny tànanareo, ka hivavaka aho. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao. Aoka ho hentitra amin'izany ankehitriny. Aza—aza manao an'izany raha tsy hentitra amin'izany ianareo. Ary eo amin'izay ipetrahanareo mihitsy, dia ekeo eo mihitsy izany. Satria, tsarovy, tsy afaka manangana ny tànanareo ianareo raha tsy nisy Zavatra iray niteny taminareo hanao an'izany. Ary tsy misy na inona na inona hafa afaka nanao an'izany afa-tsy Andriamanitra.

467 Noho izany, ankehitriny, rehefa mahita ny Soratra voaseho tanteraka mihitsy ianareo! Hitanareo izay niseho, nanerana an'ireo taona, ireo taona vitsy farany, roapolo na telopolo taona. Mahita an'izany voamarina tanteraka ianareo. Mahita ny Soratra miteny marina tokoa an'izay nitranga ianareo, sy izay

natao hitranga. Noho izany, eo amin'ny fototry ny finoana ny asan'i Kristy, eo amin'izay ipetrahanareo izao ankehitriny izao, ka nanangana ny tànanareo, dia manaova hoe, "Manomboka amin'ity minitra ity, dia milamina izany. Mandray an'i Kristy ho Mpamonjiko aho ankehitriny. Ary hiaina ho Azy aho, amin'ny sisa amin'ny fiainako. Ary maniry an'Andriamanitra aho hameno ahy amin'ny Fanahy Masina." Ary raha tsy mbola natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ianareo, dia hiandry anareo ny dobo.

Ndao isika hivavaka.

468 Tompo Andriamanitra, nisy tànana maro an'isa betsaka eo anivon'ny olona, izay nitsangana. Azoko antoka fa Ianao no ilay tena Tompo Jesosy iray ihany izay nanao ny fanaovampanavotana ho anay, taona maro lasa izay. Ary tamin'ny fahitana an'ireo Tombokase voambara, sy ireo zavatra lehibe izay niseho teto mihitsy tao anatin'ny taona vitsy, dia mino amin'ny foko rehetra aho fa manomboka mikatona ilay varavaran'ny famindrampo, ka vonona ny hanao ny Dianao Ianao ankehitriny mba hanavotra ny Olonao. Raha mbola misy efitra, sy varavarana iray misokatra, tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia enga anie ireto fanahy sarobidy ireto izay mipetraka ao anatin'ny vatan'ity tabernakely izay ho levona ity indray andro any, izay nanangana an'io tànana mety maty io, avy tao anatin'izy ireo; nohon'ny—ny faharesen-dahatr'izy ireo sy ny filazan'izy ireo, hoe mino izy ireo ka te-hanaiky ny Tolo-kevitrao ho azy ireo, ho an'ny famonjena, eo amin'ity Boky voaisy tombokase nisokatra izay nosokafana taminay ity. Omeo azy ireo, izao hariva izao, Tompo, ny akanjo iray an'ny fahamarinan'i Jesosy Kristy, ka ampiakanjoy ao amin'izany ny fanahin'izy ireo, mba ahafahan'izy ireo mitsangana eo Anatrehanao amin'io Andro izay antomotra io, tanteraka, amin'ny alàlan'ny Ràn'i Kristy.

469 Tompo Andriamanitra, raha tsy mbola natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izy ireo! Ary eo ambonin'ny fanambarana izay Nomenao ahy mikasika an'izany; ary mahita fa i Paoly dia nandidy ny olona izay efa nataon'i Jaona Mpanao-batisa batisa mihitsy aza, mba hatao batisa indray amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mba handray ny Fanahy Masina, ao amin'ny Asa 19. Mangataka aho mba Handresenao lahatra azy ireo, Tompo, ny amin'ny Fahamarinana, ka enga anie hankatò Anao izy ireo.

470 Ary avy eo ao amin'ny fankatoavana ny faneken'izy ireo, sy ny fankatoavana ny fiaiken'izy ireo, sy an'ny rano; dia enga anie Ianao, ho valiny, hameno azy ireo amin'ny Fanahy Masina, ho an'ny herin'ny asa, amin'ny sisa amin'ny fiainan'izy ireo. Apetrako Aminao izy ireo ankehitriny, amin'ny Anaran'ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra natao fanatitra, Jesosy Kristy. Amena. Amena.

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

471 Ankehitriny, ho anareo izay nanangana ny tànanareo. Ankatoavy ny didin'ny Fanahy, izay hanaraka ny—ny lalàn'ny Teny, ho an'ny mpanota iray nibebaka. Araho izany, amin'ny fihetsika rehetra. Ary ilay Andriamanitry ny Lanitra anie hamaly fitia anareo nohon'ny fijoroanareo ho Azy. Ny Tompo hitahy anareo.

472 Rahampitso hariva, dia ento ny pensilinareo sy ny taratasinareo, ankehitriny, tahaka ny efa nataonareo. Manantena ny ho eto izahay amin'ilay ora iray ihany, amin'ny fito sy sasany, marina, raha sitraky ny Tompo. Ary amin'ny . . . mivavaha ho ahy, mba hanokafan'Andriamanitra amiko ny Tombokase Fahenina, rahampitso, mba hahafahako mitondra an'Izany aminareo arak'izay Anomezany ahy an'Izany. Mandrapahatongan'izany, dia hihira indray isika. Tsy amin'ny alàlan'ny hira fiderana fotsiny ihany, fa amin'ny alàlan'ny fiderana Azy izay maty teo amin'ny toerantsika ka nanavotra antsika. *Tiako Izy*. "Izaho . . . "

Indro ny pasiteranareo ankehitriny.

. . . tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy.

Ny Tombokase Fahadimy MAG63-0322
(The Fifth Seal)
Andian'Ny Fanambarana An'Ireo Tombokase Fito

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Zoma hariva, 22 Marsa, 1963, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2019 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org